



VOLAVOLAN-DALANA N° 056/2016
TAMIN'NY 07 DESAMBRA 2016
MOMBAN'NY FANDRAVONANA NY TETIBOLA
HO AN'NY TAONA 2014



FANOROAM-PEJY

LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY	II
LISITRY NY FAFANA	IV
LISITRY NY KISARY	VII
LISITRY NY TOVANA	VIII
FAMELABELARANA IREO ANTONANTONY	1
I. ENDRIKA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA TAMIN'NY 2014	2
A. FITODIKY NY TOEKARENA MANERAN-TANY	2
B. HERY MAMELONA NY TOEKAREM-PIRENENA	3
C. FANADIHADIANA NY ENDRIKA ARA-TOEKARENA	3
1.Ny seha-pamokarana misy	3
2.Fisondrotan'ny vidim-piainana sy vidin'entana	5
3.Ny sehatry ny fitantanam-bolam-panjakana	6
a.Ireo vola miditra	6
b.Ireo fandanian-bola	8
c.Famatsiana ny fatiantoky ny tetibola	9
4.Ny sehatra ivelany	10
II. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA	11
A. FANADIHADIANA NY FIHATSARANA TETO AMIN'NY FIRENENA	11
1.Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2014 (Tetibola ankapobe)	11
2.Fivoarana isan-taona teo amin'ny fahombiazana (LFI sy LFR)	11
3.Fivoaran'ny fahombiazana tao anatin'ny telo taona (2012-2013-2014)	12
B. FANADIHADIANA NY FIHATSARANA ISAN-TSEHATRA	13
1.Sehatra fitantanam-draharaha	13
2.Sehatra sosialy	27
3.Sehatra famokarana	37
4.Sehatra fotodrafitrasa	44
III. ENDRIKY NY FAMPIASANA NY TETIBOLA	53
A. VINAVINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA	53
B. FANADIHADIANA NY FIVOARAN'IREO SORA-BOLA	54
1.Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera roa samihafa na maromaro)	56
2.Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Ministera iray ihany)	57
3.Didim-pitondrana fanitsiana ny tetibola (fampihenana na fampitomboana kaonty iray na maromaro)	57
C. FANADIHADIANA ANTSIPIRIANY IREO LAHASAN'NY TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA	60
1.Ny endriky ny fidiram-bola	60
2.Endrik'ireo fandanian'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana	62
D. TETIBOLA ANANKINA	70
1.Tranoprintim-pirenena	70
2.Paositra sy Fifandraisan-davitra	73
3.Famintinana ny endrik'ireo Tetibola Anankina	75
E. KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA (CPT)	76
F. TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA (FCV)	76
G. FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA	78
H. FAMINTINANA ANKAPOBE TAMIN'NY FANATANTERAHANA NY TETIBOLA 2014	79
I. FIVOARAN'NY HANISISAN'NY LALANA MOMBA NY FANDRAVONANA NY TETIBOLA TAMIN'IREO TAONA DIMY (5) FARANY	79
VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2014	81

LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY

A : Atteint

ACMIL : Académie Militaire

AGOA : African Growth and Opportunity Act

BA : Budgets Annexes

BAD : Banque Africaine du Développement

BCM : Banque Centrale de Madagascar

BCSE : Bordereau de Crédits Sans Emploi

BGE : Budget Général de l'Etat

BIANCO : Bureau Indépendant Anti-Corruption

BTA : Bon du Trésor par Adjudication

BTP : Bâtiment et Travaux Publics

CGAF : Compte Général de l'Administration des Finances

CHED : Contrôle Hiérarchisé des Engagements de Dépenses

CRCM : Caisse de Retraite Civile et Militaire

CPT : Compte Particulier du Trésor

CTD : Collectivité Territoriale Décentralisée

DTS : Droit de Tirages Spéciaux

FCV : Fonds de Contre-Valeur

FFM : Filan-kevitryny Fampihavanana Malagasy

FMI : Fonds Monétaire International

IN : Imprimerie Nationale

INSTAT : Institut National de la Statistique

LFI : Loi de Finances Initiale

LFR : Loi de Finances Rectificative

LOLF : Loi Organique sur les Lois de Finances

MID : Marché Interbancaire de Devises

NA : Non Atteint

ND : Non Disponible

OBJ. : Objectif

OGT : Opération Globale du Trésor

ONG : Organisation Non Gouvernementale

PGA : Paieraie Générale d'Antananarivo

PGE : Politique Générale de l'Etat

PIB : Produit Intérieur Brut

PIP : Programme d'Investissement Public

PLF : Projet de Loi de Finances

PME : Petites et Moyennes Entreprises

PNUD : Programme des Nations-Unies pour le Développement

PPN : Produits de Première Nécessité

RAP : Rapport Annuel de Performance

REF : Rapport Economique et Financier

SGAB : Service de la Gestion des Aides Bilatérales

SLR : Service de la Loi de Règlement

SOA : Service Opérationnel d'Activité

TG : Trésorerie Générale

TIC : Technologie de l'Information et de la Communication

TP : Trésorerie Principale

ZFI : Zone Franche Industrielle

LISITRY NY FAFANA

Fafana 1 :Fivoaran’ny fitomboana isan-tsehatra	3
Fafana 2 : Taham-pitomboana isaky ny sampan’asa (fiova isan-taona amin’ny %)	4
Fafana 3: Fivoaran’ny vidin’ny fanjifana amin’ny fiova isan-taona	6
Fafana 4 : Fanatanterahana ireo fampidiram-bola tamin’ny 2014.....	7
Fafana 5 : Fivoaran’ny vola miditra tamin’ny 2013 hatramin’ny 2014.....	7
Fafana 6 : Fivoaran’ireo vola niditra nanana endrika fanomezana tamin’ny 2013 hatramin’ny 2014	7
Fafana 7 : Fivoaran’ny vola miditra rehetra tamin’ny 2013 hatramin’ny 2014	8
Fafana 8 : Fandanim-bola rehetra tamin’ny 2013 hatramin’ny 2014.....	9
Fafana 9 : Famatsiana ny hanisisan’ny tetibola tamin’ny 2013 hatramin’ny 2014	10
Fafana 10 : Famintinana ny endriky ny fahombiazana sy ny endriky ny tetibola 2014.....	11
Fafana 11 : Fivoaran’ny endriky ny tetibola ankapobe sy ny endriky ny fahombiazana LFI/LFR tamin’ny 2014	12
Fafana 12 : Fivoaran’ny fahombiazana tao anatin’ny telo taona (2012-2013-2014).....	12
Fafana 13 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ireo Andrim-panjakana sy Ministera ao anatin’ny sehatra fitantanana-draharaha.....	14
Fafana 14 : Fivoarana isan-taona teo amin’ny fahombiazan’ny sehatra fitantanana-draharaha (LFI sy LFR).	15
Fafana 15 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Fiadidiana ny Repoblika	15
Fafana 16 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Antenimieran-doholona	16
Fafana 17 : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Antenimieram-pirenena.....	17
Fafana 18 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Fahefana Avo momba ny Lalàm-panorenana	17
Fafana 19 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Fiadidiana ny Praisinistra	18
Fafana 20 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny FFM.....	19
Fafana 21 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Raharaham-bahiny.....	20
Fafana 22 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Fiarovam-pirenena	20
Fafana 23 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ity Sekreteram-panjakana ity	21
Fafana 24 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Atitany sy ny Fanapariaham-pahefana	22
Fafana 25 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Fiaminam-bahoaka	23
Fafana 26 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Fitsarana	24
Fafana 27 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola	25
Fafana 28 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana	25
Fafana 29 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Varotra sy ny Fanjifana.....	26
Fafana 30 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ireo Ministera tao amin’ny sehatra sosialy	27
Fafana 31 : Famintinana ny fivoaran’ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan’ny sehatra sosialy	28
Fafana 32 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy	28
Fafana 33 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan’ny Ministeran’ny Fahasalamam-bahoaka	30

Fafana 34 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena	31
Fafana 35 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny Vehivavy	32
Fafana 36 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena	33
Fafana 37 : Famintinana ny fampiasana ny tetibolan'ny Ministeran'ny Asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fiofanana arak'asa	34
Fafana 38 : Fanatanterahana mivaingana sy fatram-pandaniana ny sora-bola teo anivon'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika	35
Fafana 39 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Asa Tànana sy ny Kolontsaina ary ny Vakoka	36
Fafana 40 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Andrim-panjakana sy Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana	37
Fafana 41 : Fintina momba ny fivoaran'ny tetibola sy ny fahombiazana tao amin'ny sehatra famokarana ...	38
Fafana 42 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina sy ireo orinasa madinika sy salantsalany	38
Fafana 43 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fizahan-tany ...	39
Fafana 44 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fampandrosoana ny Ambanivohitra	40
Fafana 45 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fiompiana sy ny Fiarovana ny Biby.....	41
Fafana 46 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono	42
Fafana 47 : Fandravonana ireo fandraiketana'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Ala.....	43
Fafana 48 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany	44
Fafana 49 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa	45
Fafana 50 : Famintinana ny fivoarana teo amin'ny tetibola sy ny fahombiazana'ny sehatra fotodrafitrasa.....	46
Fafana 51 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fifandraisana, ny Serasera ary ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana	46
Fafana 52 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity	48
Fafana 53 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Rano	49
Fafana 54 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Asa Vaventy ...	49
Fafana 55 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeram-panjakana misahana ny Fotodrafitrasa,ny Fampitaovana ary ny Fanajariana ny Tany	50
Fafana 56 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro	51
Fafana 57 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao	52
Fafana 58 :Vokatra ankapoben'ny fanatanterahana ny Tetibolam-panjakana.....	54
Fafana 59 : Fivoaran'ireo sora-bola isaky ny iraka.....	55
Fafana 60 : Endriky ny fanovàna ny sora-bola, fitantanana 2014	56
Fafana 61 : Didim-pitondrana fanitsiana tetibola	58
Fafana 62 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Ankapobe 2014 tamin'ny fampandehanan-draharaha sy hana-pamokarana.....	60
Fafana 63 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Ankapobe isaky ny karazan-kaonty	61

Fafana 64 : Endrik'ireo fandania tamin'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana isaky ny iraka.....	62
Fafana 65 : Endrik'ireo fandania-bolan'ny Tetibola Ankapobe isaky ny karazany :	64
Fafana 66 : Endrik'ireo fandania-bolan'ny fampandehanan-draharahan'ny tetibola ankapobe isaky ny karazan-kaonty goavana	66
Fafana 67 : Endrik'ireo PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola	67
Fafana 68 : Endrik'ireo fandania-bolan'ny tetibola ankapobe isaky ny faritra	69
Fafana 69 : Famintinana ireo fihoarana tamin'ny sora-bola.....	70
Fafana 70 : Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena	71
Fafana 71 : Fandania-bolan'ny Tranoprintim-pirenena	72
Fafana 72: Fidiram-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.....	73
Fafana 73 : Fandania-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.....	73
Fafana 74 : Famintinana ny endrik'ireo Tetibola Anankina.....	75
Fafana 75 : Vola miditra sy fandania-bolan'ny Kaonty Manokan'ny Tahirimbolam-panjaka.....	76
Fafana 76 : Endrik'ireo FCV 2014	77
Fafana 77 : Fivoaran'ireo FCV tamin'ny 2010 hatramin'ny 2014	77
Fafana 78 : Endrik'ireo OCDP 2014	78
Fafana 79 : Famintinana ankapobe tamin'ny fanatanterahana ny Tetibola 2014	79
Fafana 80 : Fivoaran'ny hanisisan'ny Lalàna momba ny Fandravonana ny Tetibola tamin'ireo taona dimy (5) farany	79

LISITRY NY KISARY

Kisary 1 : Fivoaran'ny fahombiazana tamin'ny 2012 hatramin'ny 2014	13
Kisary 2 : Fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2014.....	14
Kisary 3 : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2014 (amin'ny %)	27
Kisary 4 : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2014 (amin'ny %).....	37
Kisary 5 : Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2014 (amin'ny %)	45
Kisary 6 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana 2014	62
Kisary 7 : Endriky ny sora-bola farany sy ny fandanian'ny tetibola ankapobe isaky ny karazana	65
Kisary 8 : Endrik'ireo fandanium-bolan'ny fampandehanan-draharahan'ny tetibola ankapobe isaky ny karazan-kaonty goavana.....	66
Kisary 9 : Endriky ny PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola	68
Kisary 10 : Fanatanterahana ny PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola	68
Kisary 11 : Endriky ny tetibolan'ny Tranoprintim-pirenena.....	72
Kisary 12 : Endriky ny Tetibolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra.....	74
Kisary 13 : Fivoaran'ireo FCV tamin'ny 2010 hatramin'ny 2014	78
Kisary 14 : Fivoaran'ny hanisisan'ny Lalàna momba ny Fandravonana ny Tetibola.....	80

LISITRY NY TOVANA

1. Endriky ny vola miditrar
2. Tetibola Anankina
3. Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana
4. Fampiasana ho Renivola ny Trosam-panjakana (Findramam-bola)
5. Fampiasana ireo Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana
6. Endriky ny fandaniana (fampandehanan-draharaha, karama, hana-pamokarana) isaky ny Andrim-panjakana/Ministera
7. Famelabelarana ireo sora-bola isaky ny Andrim-panjakana/Ministera
8. Kaonty ankapobeny momba ny fitantanam-bola (CGAF)
9. Tatitry ny Fahombiazana (RAP)

**FAMELABELARANA IREO
ANTONANTONY**



I. ENDRIKA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA TAMIN'NY 2014

Vokatra antonony no hita tamin'ny fitomboana ara-toekarena maneran-tany nandritra ny telo taona farany : 3,1% tamin'ny 2012, 3% tamin'ny 2013 ary 3,4% ho an'ity taona ity. Ity fihisarana ity dia vokatry ny fihemorana teo amin'ny varotra eran-tany ary koa ny fisondrotana be teo amin'ny vidim-piainana maneran'izao tontolo izao.

Noho ny fanaovana ireo fifidianana izay niteraka ny repoblika fahaefatra dia nahazo indray ny fankatoavana iraisam-pirenena i Madagasikara ary niverina tamin'ny rafitra araka ny Lalàm-panorenana. Naneho ny fahavononany hiara-hiasa ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola tamin'ny alalan'ireo fifanaraham-piaraha-miasa. Niainga indray ny toekaram-pirenena ka nitombo 3,3% noho ny fahombiazan'ireo indostria mpanodina sy ny fanatsarana ny voka-pambolena.

A. FITODIKY NY TOEKARENA MANERAN-TANY

Raha nahitana fiakaran'ny toekarena tamin'ireo firenena mandroso (Etazonia, Grande Bretagne), nihena kosa ny an'ireo firenena izay heverina hanan-karena haingana (Chine, 7,3% raha 7,7% tamin'ny 2013 ; Afrika ambanin'i Sahara, 5,1% raha 5,2% ny taon-dasa). Toy izany koa, ny fiakaran'ny TVA nisy tao Japon nandritra ity fotoana ity dia nampihena ny fampiasam-bola tsy miankina ary niteraka akony ratsy teo amin'ny toekaren'ny izay nijotso 1,5 isa tamin'ny harin-karena faobe (0,0% raha 1,5% tamin'ny 2013).

Nihena 10% ny taham-pifanakolazana nisy tao anatin'ny faritr'i Eoropa. Vokany, tena ambany ny taham-pitomboan'ny toekaren'i Frantsa (0,4% raha 0,3% tamin'ny 2013) noho ny tsy fisian'ny fanatsarana ny fahaiza-manaony ivelany sy ny fahataran'ny fanitsiana ny tetibola. Niharan'izany fijotsoana izany koa i Italia. I Allemaina irery ihany no nahita fitomboana mavitrika 1,5% raha 0,2% izany ny 2013.

Tsy nihetsika ny vidin'entana teo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Nampihena ny tahan'ny fisondrotan'ny vidim-piainana ny fidinan'ny vidin'ny solitany sy ireo akora fototra (1,4% ho an'ireo firenena mandroso, 5,4% ho an'ireo firenena hanan-karena vetivety sy andalam-pandrosoana). Betsaka ireo firenena ao Eoropa no mitady ho tratry ny fihemorana. Nefa ny fidinan'ny vidin'ny barila dia nahafahana nampihena ny fiakaran'ny vidim-piainana tany amin'ireo firenena hanan-karena haingana sy an-dalam-pandrosoana, izay mpanafatra volamena mainty.

Niharan'ny fihenana amin'ny ankapobeny ny vidin'ireo akora fototra nandritra ny taona 2014 noho ny fahabetsahan'ny tolotra teo anatrehan'ny fihenana ny tinady. Nidina koa ny vidin'ireo vokatra ara-tsakafo toy ny vary, siramamy, varim-bazaha, soza, menaka, sns...

Farany, nanamarika ity vanim-potoana ity ny fihenana teo amin'ny varotra eran-tany. Raha ny habetsahany, ny takalo teo amin'ireo entana sy asa aman-draharaha dia nananika ny 3,4%, ireto farany izay nahitana fiovaovana mihoatra ny 3,1%. Araka izany, noho ny fihatsaran'ny sandan'ny dolara dia nitombo ny fanondranana sy ny fanafaran'entana nataon'ireo firenena mandroso izay 1,2 sy 1,0% isan'isany raha oharina tamin'ny taon-dasa. Ankilan'izay dia nihena tokoa ny an'ireo firenena hanan-karena haingana sy an-dalam-pandrosoana ka fihenana 0,5 sy 1,9 isa isan'isany raha oharina tamin'ny taona 2013. Fihemorana izay nateraky ny fihenana'y fanondranana ireo akora fototra, ny fihenana'ny tinady anatin'ny ary koa ny tsy filaminana noho ireo raharaha politika.

B. HERY MAMELONA NY TOEKAREM-PIRENENA

Nihatsara ny harin-karem-pirenena faobe tamin'ny fiakarana 3,3% raha 2,3% tamin'ny taon-dasa. Ny seha-pamokarana faharoa nolohalaharana tamin'ny fahatratrarana ny fitomboana izay nahitana taha 8,5% raha 22,7% tamin'ny 2013, arahin'ny seha-pamokarana voalohany izay 3,3% raha -6,1% tamin'ny 2013. Ary ny seha-pamokarana fahatelo dia tsy nitovy tamin'ny toerany nisy azy tamin'ny 2013, fa lasa farany tamin'ny filaharana izay nanana ny taham-pitomboana 2,3% raha 1,3% ny taona lasa.

Elanelan'isa miabo 0,3 no hita tao amin'ny fitomboana ara-toekarena. Araka izany, raha 3,0% ny tanjona tao anatin'ny LFI ary mbola notazonina tao anatin'ny LFR, ny taham-pitomboan'ny harinkarena faobe dia lasa 3,3% tamin'ny fiafaran'ny taona. Naneho izany fa nisy ireo ezaka goavana natao hanatsarana ny fahazoana antoka ny fanombanana ireo tondromarika ara-toekarena.

Fafana 1 :Fivoaran'ny fitomboana isan-tsehatra

Seha-pamokarana	Vokatra 2013	Tanjona LFI	Tanjona LFR	Vokatra 2014
Voalohany	-6,1%	1,5%	1,5%	3,3%
Faharoa	22,7%	10,5%	8,6%	8,5%
Fahatelo	1,3%	2,5%	2,5%	2,3%

Source: REF 2014-2015

C. FANADIHADIANA NY ENDRIKA ARA-TOEKARENA

1. Ny seha-pamokarana misy

Tamin'ny 2014, ny seha-pamokarana faharoa izay nampiodina ny fitombon'ny toekarena malagasy dia nahitana fitomboana 8,5% raha 22,7% izany tamin'ny taon-dasa. Io fihenana io dia noho ny fihisatr'ireo asan'ny indostria mpanodina, ny fihemorana'ny asa famokarana siramamy tany Namakia sy Ambilobe, ny fihenana'ny fahafaha-mamokatra tany amin'ireo orinasa afakaba iraisam-pirenena. Fanampiny, ny fiverenan'i Madagasikara tao anatin'ny AGOA sy ny fanitàrana ny tsena nankany Azia sy Eoropa dia mbola tsy nisy fiantraikany tamin'ny fitomboan'ity sehatra ity.

Nefa ireo sampana « indostrian'ny paraky » sy « fitaovam-panorenana trano » izay niharan'ny fihemorana tamin'ny 2013 dia tafarina tamin'ny 2014 ka nahatratra ny fahombiazana 3,0% sy 3,3% isan'isany.

Nahitana fitomboana amin'ny ankapobeny ireo atrik'asa tao anatin'ny seha-pamokarana voalohany. Anjara goavana no nentin'ny fambolena tamin'ny fihatsaran'ny vokatra izay -12,8% ka lasa 4,5%. Vokatry ny fanohanana natao tamin'ny tontolo maitso sy maharitra, dia tafakatra 3 977,8 arivo taonina ny famokarana vokatra amin'akorany raha 3 610,6 arivo taonina izany tamin'ny 2013. Nahitana fiakarana isan'isany 41,0% sy 98,8% ihany koa ny vokatra kafe sy jirofo ary nananika ny 6,4% ny an'ny lavanila. Nahitana taham-pitomboana 2,8% ny fiompiana sy ireo iray tarika aminy raha 1,4% tamin'ny 2013. Ny fampiasana ny tahirim-bolan'ny fiompiana dia nahafahana nampiakatra 12,6% ny isan'ny kisoa nompiana sy 12,7% ho an'ny biby manan'elatra.

Fafana 2: Taham-pitomboana isaky ny sampan'asa (fiova isan-taona amin'ny %)

Périodes		2013	2014
Secteur Primaire		-6,1	3,3
	Agriculture	-12,8	4,5
	Elevage et Pêche	1,4	2,8
	Sylviculture	-1,9	-1,0
Secteur Secondaire		22,7	8,5
	Agro-industrie	11,4	2,0
	Industrie Extractives	219,2	25,9
	Energie	5,6	4,2
	Industries Alimentaires	3,0	2,7
	Industries Boissons	3,2	4,0
	Industries Tabac	-12,4	3,0
	Industries Corps gras	6,6	0,5
	Pharmacie	-6,6	1,5
	Industries Textiles	0,5	1,7
	Industries Cuir	0,6	1,4
	Industries Bois	3,3	3,0
	Matériaux de Construction	-7,7	3,3
	Industries Métalliques	2,3	3,0
	Matériaux de Transport	2,0	2,0
	Appareil Electrique	1,0	1,0
	Industrie Papier	2,9	1,0
	Autres	2,0	1,0
	Zone Franche Industrielle (ZFI)	5,9	2,1
Secteur Tertiaire		1,3	2,3
	B.T.P	-2,2	3,1
	Transports de marchandises	3,7	3,4
	Transports de voyageurs	3,5	-2,6
	Auxiliaires de Transport	3,6	2,5
	Télécommunications	8,5	2,1
	Commerce	-3,4	2,9
	Banque	8,1	5,3
	Assurance	7,8	-3,4
	Services rendus, entreprise, & service	0,8	1,2
	Administration	1,0	1,4
	Charges non imputées	5,0	5,3
	PIB aux coûts des facteurs	1,6	3,5
	Impôts indirects	8,4	2,1
	PIB total	2,3	3,3

Source: INSTAT

2. Fisondrotan'ny vidim-piainana sy vidin'entana

Amin'ny fijery ankapobeny dia nahitana fisondrotana teo ho eo amin'ny 6,1% ny vidim-piainana tamin'ny 2014 noho ny fahalafosan'ireo vokatra ilaina amin'ny fiainana andavanandro (+7,1%) nefa 5,8% izany tamin'ny taon-dasa.

Raha ny fiavian'ireo vokatra no raisina dia hita fa ny 75% tamin'ireo dia vokatra avy eto an-toerana izay nanova ny fanondroana ny sandan'ny fanjifana ho 6%. Ny ampahan'ireo vokatra nafarana sy nafarana amin'ny antsasany, izay 12,4% sy 12,8% isan'isany, dia nanome vahana ny fiakaram-bidy 6,7% sy 6,2% isan'isany.

Raha ny sehatry ny famokarana no jerena eto, ny fiakaran'ny vidin'ireo vokatra ara-tsakafo voaodina (+7,6%) sy vokatry ny indostria (+5,3%) izay nitsinjara isan'isany 27,4% sy 33,5% no antony tena nahatonga ny fisondrotan'ny vidim-piainana. Tamin'ny ampahany kely 8,6% ho an'ny vokatra arataozavatra sy ny raharaham-panjakana dia nahitana fiovam-bidy +9,5% sy +9,4%.

Raha kajiana araka ny vokatra, ny 44,9% n'ny fiakaram-bidy dia avy tamin'ny vokatra ara-tsakafo, zava-pisotro sy paraky ka ny fiovaovan'ny fanondroana ny sandan'ny fanjifana rehetra dia lasa 5,4%.

Na dia teo aza ny fitazonana ny sandan'ny angovo tamin'ny taona 2014 ary teo koa ny tsy fampitoviana ny sanda arakaraka ny fanjifana ka ny 25 kwh (teo anelanelan'ny 4466 Ariary sy 4656 Ariary) na ny 50 kwh (teo anelanelan'ny 20965 Ariary sy 34371 Ariary), dia tsapa kosa ny fiakaran'ny vidim-bary (1603,6 Ariary ny kilao raha 1472,6 Ariary tamin'ny 2013, izany hoe fiakarana 8,9%).

Tena nifanohitra ny fivoaran'ny vidin'ny solika nandritra ny taona. Raha novinavinaina ho 2 817 Ariary ny vidin'ny litatra amin'ny gazoala ny janoary dia lasa 2 948 Ariary izany tamin'ny fiafaran'ny taona, ny lasantsy izay noraiketina ho 3 496 Ariary ny litatra tamin'ny fiandohan'ny taona dia tafakatra 3 639 Ariary tamin'ny faran'ny desambra.

Mikasika ny vola, nihen-danja be ny Ariary raha oharina amin'ny Dolara Amerikanina nandritra ny taona 2014. Araka izany, ny sandan'ny dolara amerikanina dia teo anelanelan'ny 2269,22 Ariary ny volana janoary ka hatramin'ny 2587,53 Ariary tamin'ny faran'ny taona, izany hoe taham-pihenana 14%. Ankilan'izay, nanomboka nihen-danja ny Euro mihoatra amin'ny hatramin'ny volana septambra 2014 rehefa avy tafakatra ambony 3279,9 Ariary ny volana talohan'io.

Raha atambatra, teo anelanelan'ny 2013 sy 2014 dia nihen-danja ny Ariary ka 2,9% izany raha oharina tamin'ny Euro ary 16,1% nanoloana ny Dolara.

Fafana 3: Fivoaran'ny vidin'ny fanjifana amin'ny fiova isan-taona

(variation en %)

Périodes	2012	2013	2014
<i>Janvier</i>	5,4	5,8	6.1
<i>Février</i>	3,9	5,6	6.1
<i>Mars</i>	4,6	5,4	5,9
<i>Avril</i>	5,9	5,1	6.2
<i>Mai</i>	6,5	5,2	6.3
<i>Juin</i>	6,6	5,5	6.2
<i>Juillet</i>	6,1	6,0	6,2
<i>Août</i>	6,1	6,1	6,2
<i>Septembre</i>	6,1	6,3	6.1
<i>Octobre</i>	6,0	6,4	5.9
<i>Novembre</i>	6,9	6,4	5.8
<i>Décembre</i>	6,8	6,3	6,0
<i>Moyenne annuelle</i>	5,7	5,8	6,1

Source: Tableau de Bord Economique (n°16, Juillet 2014 ; n°17, Octobre 2014 ; n°18, Janvier 2015), INSTAT

3. Ny sehatry ny fitantanam-bolam-panjakana

Mba hahatongavana amin'ny fampandrosoana maharitra voarakitra ao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana dia nandraikitra tanjona lehibe telo (03) ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana 2014 mba hanatsarana ny endriky ny fitantanam-bolam-panjakana, dia ny fahombiazana sy ny fahazoana antoka amin'ireo fandanim-bolam-panjakana, ny fampiharana ny politikam-pifehezana ny tetibola ao anatin'ny fitantanam-bolam-panjakana sy ny fitazonana ny fahamarinan-toeran'ny toekarena.

Fepetra maro momba ny hetra sy momba ny fandanim-bolam-panjakana no norafetina mba hanatrarana ireo tanjona ireo.

a. Ireo vola miditra

Momba ny fanatsarana ny fidiram-bolam-panjakana, fepetra voalohany nentina ny fanitarana ny tontolon'ny fampidiram-bola tamin'ny fampidirana an-tsehatra ny sehatra tsy nanara-dalàna ary koa ny fanohizana ireo ezaka nampahomby ny fitsinjarana sy ny fangaraharan'ireo fifanakalozana sy ny atrik'asan'ireo vondrona mampidi-ketra eto Madagasikara.

Momba ireo fidiram-bola tsy hetra dia tsapa ny fahombiazana teo amin'ny famoriana azy izay nahatratra ny taha 104,5% izay vola nitentina 64,5 lavitrisa Ariary. Izany fidiram-bola izany dia nalaina indrindra tamin'ny fandraisana ampaham-bola tamin'ireo vokatra, tamin'ireo hetsika ara-pizahan-tany ary ny haba amin'ny hazan-dranomasina.

Fafana 4 : Fanatanterahana ireo fampidiram-bola tamin'ny 2014

RUBRIQUES	En milliards d'Ariary		TAUX DE REALISATION
	PREVISION 12 MOIS	REALISATION	
RECETTES BUDGETAIRES	3 044,9	2 653,3	87,1%
RECETTES FISCALES	2 983,2	2 588,8	86,8%
Impôts	1 618,2	1 333,8	82,4%
Douanes	1 365,0	1 255,0	91,9%
RECETTES NON FISCALES	61,7	64,5	104,5%

Sources : PLR 2013, OGT 2014

Amin'ny ankapobeny dia fitomboana 131,3 lavitrisa Ariary no tsapa tamin'ny 2013 hatramin'ny 2014, izany hoe fiovana miabo 5,21% tamin'ny vola niditra, noho ny fihatsarana miandalana teo amin'ny famorian-ketra (+5,6%) na dia teo aza ny fihenana teo amin'ny fidiram-bola tsy hetra (-8,51%).

Fafana 5: Fivoaran'ny vola miditra tamin'ny 2013 hatramin'ny 2014

RUBRIQUES	En milliards d'Ariary		VARIATION ANNUELLE (%)
	REALISATION 2013	REALISATION 2014	
RECETTES BUDGETAIRES	2 522,0	2653,3	5,2%
RECETTES FISCALES	2 451,5	2588,8	5,6%
Impôts	1 279,2	1333,8	4,3%
Douanes	1 172,3	1255,0	7,1%
RECETTES NON FISCALES	70,5	64,5	-8,5%

Sources : PLR 2013, OGT 2014

Fivoarana miavaka no hita teo amin'ireo fidiram-bola manana endrika fanomezana. Avo roa heny ireo fanomezana voaray (+100,24%) mihoatra tamin'ny fanatanterahan'ny 2013. Nahatratra 592,9 lavitrisa Ariary izany ka ny 11,92% dia azo tamin'ny fanomezana renivola ary ny 6,38% tamin'ireo fanomezana tsotra. Ireo fanomezana araka izany no nandrafitra ny 18,30% tamin'ny vola niditra rehetra nandritra ity vanim-potoana ity.

Fafana 6: Fivoaran'ireo vola niditra nanana endrika fanomezana tamin'ny 2013 hatramin'ny 2014

RUBRIQUES	En milliards d'Ariary		VARIATION ANNUELLE
	REALISATION 2013	REALISATION 2014	
DONS	296,1	592,9	100,2%
Dons courants	0,6	206,8	34366,7%
Dons en capital	295,5	386,1	30,7%

Source : OGT 2014

Nahitam-pivoarana 15,19% ny vola niditra rehetra raha oharina tamin'ny taona 2013, izay nitentina 3 246,2 lavitrisa Ariary. Ny anjaran'ny vola niditra tao amin'ny tetibola tao anatin'ny fitambaran'ny vola niditra rehetra dia nihena 7,75 isa raha nitombo tamin'io isa io kosa ny an'ny fanomezana.

Fafana 7 : Fivoaran'ny vola miditra rehetra tamin'ny 2013 hatramin'ny 2014

RUBRIQUES	En milliards d'Ariary		VARIATION ANNUELLE	Proportion dans les recettes totales	
	REALISATION 2013	REALISATION 2014		2013	2014
RECETTES BUDGETAIRES	2 522,0	2 653,3	5,2%	89,5%	81,7%
RECETTES FISCALES	2 451,5	2 588,8	5,6%	87,0%	79,8%
Impôts	1 279,2	1 333,8	4,3%	45,4%	41,1%
Douanes	1 172,3	1 255,0	7,1%	41,6%	38,7%
RECETTES NON FISCALES	70,5	64,5	-8,5%	2,5%	2,0%
DONS	296,1	592,9	100,2%	10,5%	18,3%
Dons courants	0,6	206,8	34366,7%	0,0%	6,4%
Dons en capital	295,5	386,1	30,7%	10,5%	11,9%
TOTAL	2 818,1	3 246,2	15,2%	100,0%	100,0%

Sources : PLR 2013, OGT 2014

b. Ireo fandanium-bola

Momba ny fandanium-bolam-panjakana, noraiketina tao anatin'ny Lalàna mifehy ny Tetibola teny am-piandohana 2014 ny fampivoarana ireo atrik'asa ara-toekarena sy ara-barotra tamin'ny alalan'ny fanohanana ireo sehatra na mpandrindra izany .

Tanteraka hatramin'ny 89,9% tamin'ny vinavina voasoratra tao anatin'ny tetibola nasiam-panitsiana ny fandanium-bolam-panjakana izay notombanana ho 3823,5 lavitrisa Ariary, izay fitomboana 9,8% mihoatra tamin'ny taon-dasa. Ny fandania dia notsinjaraina tamin'ny fandania andavanandro sy ny fampiasam-bolam-panjakana, ka 2 824,5 lavitrisa Ariary sy 999,0 lavitrisa Ariary isan'isany.

Raha jerena amin'ny ankapobeny dia nitazona ny ampahany betsaka ny fandania andavanandro, izay 73,9% tamin'ny fandania rehetra nefa nihena 5,2 isa io anjarany io raha ampitahaina tamin'ny 2013. Teo amin'ny fiova isan-taona dia nahitana fitomboana 2,6% ireto farany. Niakatra 36,8% ny fampiasam-bolam-panjakana ka tafakatra 999,0 lavitrisa Ariary.

Araka izany, tsy nisy afa tsy 71,48% tamin'ny fitambaran'ny fampiasam-bolam-panjakana ny loharanom-bola avy any ivelany raha 81,15% tamin'ny 2013, izany hoe fihenana 9,66 isa nankany amin'ny famatsiam-bola anatin'ny. Izany famoaham-bola miendrika fanomezana sy fampindramam-bola izany dia nifantoka indrindra tamin'ireo tetik'asa momba ny sosiahy.

Fafana 8 : Fandanim-bola rehetra tamin'ny 2013 hatramin'ny 2014

Rubriques	En milliards d'Ar		Variation (en %)	Proportion par rapport aux dépenses totales	
	2013	2014		2013	2014
Dépenses courantes	2 505,2	2 824,5	12,7%	77,4%	73,9%
Personnel	1 341,7	1 445,6	7,7%	41,5%	37,8%
Fonctionnement	860,5	1 044,3	21,4%	26,6%	27,3%
Intérêts sur dette intérieure	85,3	45,2	-47,0%	2,6%	1,2%
Intérêts sur dette extérieure	38,7	97,2	151,2%	1,2%	2,5%
Autres opérations nettes du Trésor (+/-)	179	190,3	6,3%	5,5%	5,0%
Fonctionnement des FCV	-	1,9	-	-	0,0%
Dépenses en capital	730,5	999,0	36,8%	22,6%	26,1%
Financement intérieur	137,7	284,9	106,9%	4,3%	7,5%
Financement extérieur	592,7	714,1	20,5%	18,3%	18,7%
DEPENSES TOTALES	3 482,6	3 823,5	18,2%	100,0%	100,0%

Source : OGT 2014

c. Famatsiana ny fatiantoky ny tetibola

Na dia teo aza ny fiakarana dia nisy ny elanelana 394,4 lavitrisa Ariary tao anatin'ny tanjona hampiditra hetra 2 983,2 lavitrisa Ariary voasoratra tao anatin'ny tetibola nasiam-panitsiana. Io vola tsy tafiditra io miampy ny fitomboan'ny fandania nandritra ity fotoana ity no antony nampiakatra ny fatiantoka hatramin'ny 37,1% mihoatra ny tamin'ny 2013.

Araka izany, ny fatiantoky ny fanjakana tamin'ny taona 2014 dia tafakatra 626,6 lavitrisa Ariary raha 457,1 lavitrisa Ariary tamin'ny 2013. Fatiantoka izay novatsiana tamin'ny loharanom-bola avy any ivelany izay nananika ny 309,9 lavitrisa Ariary, izany hoe 49,5% tamin'ny famatsiam-bola rehetra, ary koa tamin'ny loharanom-bola anatin'ny izay nitentina 316,6 lavitrisa Ariary.

Ny famatsiam-bola avy any ivelany tamin'ny fampiasam-bolam-panjakana dia nahatsapana fiovana 20,5% tamin'ny fanatanterahana raha oharina tamin'ny 2013, elanelana 121,4 lavitrisa Ariary izay nateraky ny fiakarana 10,4% teo amin'ny fisintonam-bola (vola fameno mitentina 30,8 lavitrisa Ariary). Ambonin'izany ny fandoavana troa dia tafakatra 132,8 lavitrisa Ariary, izany hoe 109,5% ambonin'izay natao nandritra ny taona 2013, ary tamin'ny taham-panatanterahana 88,2% mihoatra amin'ny tetibola nasiam-panitsiana 2014.

Momba ny famatsiam-bola anatin'ny, kely ny anjaran'ny fanjakana tamin'ny banky satria nihena 72,7% ny famatsian'ny vola ity farany raha oharina tamin'ny 2013.

Torak'izany koa, nahitana fihenana 46,9 lavitrisa Ariary ny anjara volan'ny fanjakana teo amin'ny rafitraty banky, izany hoe fihenana 16,5% tamin'ny taham-panatanterahan'ny taona 2014.

Farany, ny tahirim-bolam-panjakana dia nampiditra vola 183,24 lavitrisa Ariary avy tamin'ireo mpifandray aminy, mitovy amin'ny fitambaram-bola fanampiny 451,34 tao anatin'ny elanelan-taona iray.

Fafana 9: Famatsiana ny hanisisan'ny tetibola tamin'ny 2013 hatramin'ny 2014

Rubriques	En milliards d'Ar		LFR 2014	Variation (en %)	Ecart	Taux de réalisation 2014
	2013	2014				
FINANCEMENT EXTERIEUR NET	233,8	309,9	458,6	32,5%	76,1	67,6%
-Tirages (projets)	297,2	328,0	422,4	10,4%	-94,4	77,7%
-Amortissements	-63,4	-132,8	-150,6	109,5%	17,8	88,2%
-Tirages (programmes)	-	114,7	186,8		-72,0	61,4%
FINANCEMENT INTERIEUR NET	223,4	316,6	448,3	41,7%	-131,7	70,6%
-Système bancaire	428	117,0	348,0	-72,7%	-231,0	33,6%
-Système non bancaire (BTA)	63,4	16,5	100,3	-74,0%	-83,8	16,5%
-effet variation de change		0	-			
-Dépôts correspondants du Trésor net	-268,1	183,2	-	-168,3%		
TOTAL DES FINANCEMENTS	457,1	626,6	906,9	37,1%	-280,3	69,1%

Source : OGT 2014

4. Ny sehatra ivelany

Tamin'ny varotra ivelany, nahatratra 1804,8 tapitrisa DTA ireo vokatry nafarana tamin'ny 2014 raha 1821,1 tapitrisa DTS tamin'ny 2013, izany hoe fihenana 1,0%. Ny fanafarana solitany dia novinavinaina ho 424,1 tapitrisa DTS raha 437,5 tapitrisa DTS tamin'ny taon-dasa. Ny akora fototra kosa dia notombanana ho 405,6 tapitrisa DTS noho ny fitomboana 4,7% teo amin'ny fanafarana. Ambonin'izany, na dia vao nanomboka niverina aza ireo indostria dia efa nananika ny 282,9 tapitrisa DTS ny sandan'ny fanafaran'izy ireo fitaovam-pamokarana. Farany, raha jerena ny filaharan'ireo firenena mpamatsy an'i Madagasikara, na dia teo aza ny fihenana'ny vokatry nafarana, i Émirats Arabes Unis hatrany no mitazona ny laharana voalohany, arahin'ny tsena sinoa sy tsena indiana.

Andaniny dia nahitana fahombiazana ny toekarena Malagasy teo amin'ny fanondranana. Nitombo 29,7% izany raha ampitahaina tamin'ny taon-dasa. Izany dia noho ny fahavitrihana teo amin'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany izay nitombo vidy 46,0% sy habetsahana 55,4%.

Ny fihatsaran'ny vola miditra tamin'ny fanondranana dia vokatry ny fanondranana ny vokatry ny zava-maniry indrindra fa ny lavanila sy jirofo izay tafakatra 74,4 tapitrisa DTS sy 72,5 tapitrisa DTS isan'isany ny vidiny, izany hoe fiakarana isan'isany 48,8% sy 0,8%. Tsara koa ny manamarika fa ny fahazoan'i Madagasikara niverina tao anatin'ny rafitra mampihatra ny AGOA dia nahafahana namerina ireo asa tao amin'ireo orinasa afakaba indostrialy.

Nihatsara ny toe-danjam-pifanakalozana nandritra ity vanim-potoana ity. Tsy nitovy tamin'ny fanondranana FOB (Free On Board) izay nitombo tokoa (1 444,8 tapitrisa DTS tamin'ny 2014 raha 1 283,4 tapitrisa DTS tamin'ny 2013), nihena kosa ny fanafaran'entana (1 804,8 tapitrisa Ariary DTS tamin'ny 2014 raha 1 823,1 tapitrisa DTS tamin'ny 2013). Izany endrika rehetra izany dia nahafahana nametra ny fatiantoky ny mizanam-pifanakalozana mahazatra.

Na izany aza dia nahitana fihenana ireo fampiasam-bola mivantana avy any ivelany raha 362,8 tapitrisa DTS ny sandan'izany tamin'ny taona lasa ary tsy tafakatra afa tsy 205,7 tapitrisa DTS tamin'ny 2014. Izany dia nampidina nyambim-bolan'ny renivola sy fampiasam-bola.

Raha fatiantoka hatrany ny vokatra tamin'ny fifandanjana ankapobeny tamin'ireto taona farany ireto ka 55,3 tapitrisa DTS tamin'ny 2012 ary 155,7 tapitrisa DTS tamin'ny 2013, fihoarana 16,6 tapitrisa DTS kosa no hita ho an'ny taona 2014, ambim-bola ankapobeny miabo hatramin'ny taona 2011.

II. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA

Ny taona 2014 no taom-piasana fahadimy nampiharana ny tombana ho an'ny fahombiazan'ny politikam-panjakana ao anatin'ny Lalàna fandravonana ny tetibolam-panjakana. Ny fanombanana ny fahombiazan'ireo asa ataon'ny fanjakana dia tanterahina amin'ny alalan'ny fanadihadiana ireo RAP izay ataon'ny tompon'andraikitry ny fandaharan'asa tsirairay amin'ny fiafaran'ny taona. Ireo seho lehibe ihany no nanamarika ny taona 2014 sy voalaza ato anatin'ny fizarana faharoa. Ny antsipiriany dia azo jerena ao anatin'ny tovan'ity lalàna ity.

A. FANADIHADIANA NY FIHATSARANA TETO AMIN'NY FIRENENA

1. *Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2014 (Tetibola ankapobe)*

Tamin'ny fanatanterahana ny politikam-panjakana, ny Governemanta Malagasy izay nahitana andrim-panjakana sy ministera 37, dia niandraikitra iraka 52 izay nampivondrona fandaharan'asa 137. Mba hanatanterahina izany, tanjona 375 no napetraka izay nampivondrona tondromarika miisa 847 ka ny 345 tamin'ireo no tratra 100%.Momba ny tetibola, raha tafakatra 4 279,65 lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny vola rehetra hanatanterahana ireo atrik'asa, tsy nahatratra afa tsy 3 325,72 lavitrisa Ariary ny vola lany marina.

Fintinina ao anatin'ity fafana manaraka ity ireo andraikitra fototra nosahanin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny taom-piasana 2014 :

Fafana 10 : Famintinana ny endriky ny fahombiazana sy ny endriky ny tetibola 2014

En nombre										En Millions d'Ariary		
Inst/ Min	Mis.	Prog.	Obj.	Valeurs cibles		Valeurs réalisées	Non atteints	ND	Autres	Crédits		Dépenses réalisées
				Initiales	Finales					Initiaux	Définitifs	
37	52	137	375	770	847	345	421	58	23	3 388 334,30	4 279 647,94	3 325 717,84

Sources : RAP 2014 et BCSE 2014

2. *Fivoarana isan-taona teo amin'ny fahombiazana (LFI sy LFR)*

Vokatry ny fifidianana filoham-pirenena sy fahefana mpanao lalàna izay natao tamin'ny 2013 dia tafapetraka ny governemanta vaovao ny volana aprily 2014. Ny politika ankapoben'ny fanjakana tamin'izany dia nifantoka tamin'ny vina « Madagasikara : firenena vaovao sy mandroso », fampandrosoana nifototra tamin'ny fandrosoana miaraka sy maharitra. Laharam-pahamehana indrindra ny fanatsarana ny fitantanana, ny fanarenana ny toekarena sy ny fanitarana be be kokoa ireo sampan-draharaha sosialy.

Araka izany, nisy ny fanitsiana ny tetibola mba hametrahana ireo rafitra sy ny fifandanan'ny tetibola. Nisy ny vola fanampiny nampidirina tao anatin'io lalàna io mba hahazoana miatrika ireo fanamby napetraka tao amin'ireo sehatra laharam-pahamehana.

Araka izany, ireo sora-bolan'ny tetibola ankapobe voasoratra tao amin'ny LFI izay 3 338,33 lavitrisa Ariary dia nampitomboana tamin'ny alalan'ny LFR ka lasa 4 279,65 lavitrisa Ariary, izany hoe fiakarana 26,31%. Vokatry'izany dia nasiana fanitsiana nitovy tamin'ny tetibola ampiasaina ny takelaka hanehoana ny fahombiazana. Nitombo ny isan'ny tondromarika amin'ny fahombiazana : tondromarika 847 no voarakitra tao anatin'ny takelaka hanehoana ny fahombiazana tamin'ny LFR, raha 770 ny tao anatin'ny LFI. Nampitomboana ihany koa ny sandan'ny tanjona kinendry miisa 65. Tsara marihina fa tanjona vaovao 37 no hita mihoatra tamin'ny vinavina tao anatin'ny LFI.

Fafana 11: Fivoaran'ny endriky ny tetibola ankapobe sy ny endriky ny fahombiazana LFI/LFR tamin'ny 2014

En Millions d'Ariary			En nombre				
Modification des crédits			Modification du nombre des indicateurs			Modification de la valeur cible	
Crédits LFI	Crédits LFR	Evolution	Indicateurs initiaux	Indicateurs finaux	Evolution	En plus	En moins
3 388 334, 30	4 279 647,94	126,31%	770	847	110%	65	44

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, document de performance LFI et LFR 2014

3. Fivoaran'ny fahombiazana tao anatin'ny telo taona (2012-2013-2014)


Aseho amin'ireto kisary manaraka ireto ny vokatry ny ezaka nataon'ny fanjakana nandritra ny telo taona farany :

Fafana 12: Fivoaran'ny fahombiazana tao anatin'ny telo taona (2012-2013-2014)

Année	Indicateurs				
	Inscrits	Atteints	Non Atteints	Non disponibles	Autres
2012	735	334	361	22	18
		45,44%	49,12%	2,99%	2,45%
2013	787	282	437	50	18
		35,83%	55,53%	6,35%	2,29%
2014	847	345	421	58	23
		40,73%	49,70%	6,85%	2,72%

Sources : RAP 2012-2013-2014

Kisary 1 :Fivoaran'ny fahombiazana tamin'ny 2012 hatramin'ny 2014



Sources : RAP 2012-2013-2014

Nahitana fitomboana ny isan'ireo tondromarika teo anelanelan'ny telo taona nisesy, teo anelanelan'ny 735 tamin'ny 2012 ka hatramin'ny 847 tamin'ny 2014, izany hoe fitomboana 115,23%. Nihatsara ny vokatra tamin'ny fanatanterahana ny politikan'ny governemanta raha ampitahaina tamin'ny fanatanterahana nisy tamin'ny taona teo aloha : 40,73% tamin'ireo tondromarika no nahatratra ny tanjona napetraka tamin'ny 2014, raha 35,83% fotsiny tamin'ny 2013. Nisongadina ny fivoarana miandalana teo amin'ny fahombiazana nefa tsara ihany koa ny manamarika fa nisy ny lesoka teo amin'ny fanombanana. Araka izany, tsy nitsaha-niakatra ny isan'ireo antontan-kevitra tsy azo nampiasaina, taha izay 2,99% tamin'ny 2012 ary 6,35% ny 2013 ary tonga 6,85% tamin'ny fitambaran'ireo tondromarika ny 2014. Ambonin'izany, tamin'ny alalan'ny famakiana ireo RAP dia nilaza ireo tompon'andraikitry ny fandaharan'asa vitsivitsy fa sarotra loatra sy tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy ireo tondromarika sasany, ka antony niteraka ireo elanelana be teo amin'ny vinavina sy ny fanatanterahana. Nanampy izany koa ny tsy fahampian'ny fanazavana mikasika izany elanelana izany. Izany rehetra izany no tsy nahafahana nitondra fanadihadiana feno sy marim-pototra isaky ny departemanta tsirairay.

B. FANADIHADIANA NY FIHATSARANA ISAN-TSEHATRA

Amin'ity fanadihadiana ity izay voazara amin'ny sehatra efatra (04) no hamelabelarana ireo fanatanterahana mivaingana nataon'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tsirairay, miaraka amin'ny tetibolany tsirairay avy. Ny tombana dia mitaky ny fanatanterahana ny fandaharan'asa tsirairay hifanaraka amin'izay voalazan'ny LOLF, izay natao indrindra hampiharana ny tetibola araka ny fandaharan'asa ao anatin'ny fitantanam-bolam-panjakana.

1. Sehatra fitantanam-draharaha

Ny sehatra fitantanam-draharaha dia ahitana Andrim-panjakana 6 sy Ministera 9.

a. Fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tao amin'ny sehatra fitantanan-draharaha

Ny sehatra fitantanan-draharaha no nanana sora-bola be indrindra satria ny sora-bolany farany dia nandrafitra ny 53,17% tamin'ny fitambaran'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana. Tamin'izany sora-bolany izany, iraka 17 no nosahanin'ireo departemanta rehetra tamin'ity sehatra ity, izay nampivondrona fandaharan'asa 50 sy tanjona 156. Raha tondromarika 375 no voarakitra tao anatin'ny tetibola teny am-piandohana, taorian'ny fanitsiana ny tetibola dia 386 ny tarehimarika marina novinavinaina, izany hoe 45,57% amin'ny fitambaran'ireo tondromarika rehetra.

Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana, ny tahan'ny fanatanterahana ny fandania sy ny tondromarika dia 91,30% sy 46,63% isan'isany. Tamin'ireo fandania vita izay tafakatra 2 077,78 lavitrisa Ariary, tanjona 180 no afaka notratrarina hatramin'ny 100% tamin'ireo 386 nofaritana.


Fintinina ao anatin'ity fafana manaraka ity ireo fampiasana ny sora-bola sy ny fahombiazana teo amin'ny sehatra fitantanan-draharaha :

Fafana 13 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Andrim-panjakana sy Ministera ao anatin'ny sehatra fitantanan-draharaha

				En nombre						En Millions d'Ariary		
Inst/ Min	Mis.	Prog.	Obj.	Valeurs cibles		Valeurs réalisées	Non atteints	ND	Autres	Crédits		Dépenses réalisées
				Initiales	Finales					Initiaux	Définitifs	
15	17	50	156	375	386	180	172	18	16	1 773 979,25	2 275 561 ,13	2 077 781,43

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Kisary 2 : Fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2014



Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

b. Fivoarana isan-taona teo amin'ny fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha

Nitovitovy ny fivoarana teo amin'ny fanatanterahana ara-bola sy ny tondromarika amin'ny fahombiazana. Raha nananika ny 27,05% ity fitomboana ity ho an'ny voalohany, ny faharoa kosa dia nahitana fiovana 2,93% raha ampitahaina amin'ny vinavina teny am-boalohany. Mikasika ny fanovàna ny sandan'ireo tanjona kendrena, tondromarika 37 no nampiakarina ary 14 no nahena. Tsar any manamarika fa ny Antenimieran-doholona ihany no nitazona ny vinavina teny am-piandohana na teo amin'ny sora-bola izany, na teo amin'ny isan'ireo tondromarika.

Tanjona vaovao 13 no napetraka : telo (03) teo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika, roa (02) ho an'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Telo (03) ho an'ny Fiadidiana ny Praiminisitra, ary dimy (05) ho an'ny Ministeran'ny Toekarena.

Fintinina amin'ity fafana manaraka ity izany fivoarana izany:

Fafana 14: Fivoarana isan-taona teo amin'ny fahombiazan'ny sehatra fitantanana-draharaha (LFI sy LFR)

Institution/Ministère	Modification des crédits (En Millions d'Ariary)			Modification du nombre des indicateurs			Modification de la valeur cible	
	Crédits initiaux (LFI)	Crédits après (LFR)	Evolution	Prévisions initiales	Prévisions finales	Evolution	Modification en +	Modification en -
Présidence de la République	35 986,47	50 005,57	138,96%	30	33	110,00%	6	1
Sénat	9 000, 00	9 000,00		8	8		1	
Assemblée Nationale	10 750,00	30 277,84	281,65%	4	4			3
Haute Cour Constitutionnelle	2 418,16	5 096,91	210,78%	7	9	128,57%		
Primature	47 324,71	81 503,82	172,22%	74	77	104,05%		
Conseil de la Réconciliation Malagasy	4 865,00	5 675,30	116,66%	5	5		5	
Ministère des Affaires Etrangères	59 393,03	63 190,46	106,39%	32	32		5	
Ministère de la Défense Nationale	165 170,64	172 618,35	104,50%	20	20		7	
Secrétariat d'Etat chargé de la Gendarmerie	149 680,65	156 355,42	104,46%	7	7		3	
Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation	86 321,05	106 677,74	123,58%	32	32		2	5
Ministère de la Sécurité Publique	89 998,13	96 569,38	107,30%	15	15		4	1
Ministère de la Justice	75 836,02	86 708,30	118,29%	38	38			3
Ministère des Finances et du Budget	1 032 213,61	1 379 084,06	133,60%	89	89			
Ministère de l'Economie et de la Planification	7 320,49	9 114,09	124,50%	8	10	125,00%	1	1
Ministère du Commerce et de la Consommation	9 529,46	17 080,32	179,24%	6	7	116,67%	3	
TOTAL	1 785 807,40	2 268 957, 55	127,05%	375	386	102,93%	37	14

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta ao amin'ny sehatra fitantanana-draharaha

- FIADIDIANA NY REPOBLIKA

Ity fafana ity dia anehoana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Fiadidiana ny Repoblika

Fafana 15 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Fiadidiana ny Repoblika

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Objectifs	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
001	Administration et coordination	34 787,93	31 045,19	89,24%	6	22	10	12	0	0	40,91%
201	Infrastructure reliée	464,64	331,94	71,44%	3	7	1	2	0	4	14,29%
401	Développement rural	180,00	152,81	84,89%	1	1	1	0	0	0	100%
501	Sante, planning familial et lutte contre le VIH/SIDA	13 242,36	1 161,69	8,77%	1	1	1	0	0	0	100%
801	Solidarité nationale	785,72	594,20	75,63%	2	2	1	1	0	0	50%
TOTAL		49 460,65	33 285, 83	67,30%	13	33	14	15	0	4	39,39%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Raha tafakatra 89,24% ny tahan'ny fampiasana tetibola ho an'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrinrana », kely kosa ny vokatra teo amin'ny fahombiazana izay taha nanakaiky ny 40%. Tsy nisy tondromarika nahatratra ny tanjona momba ny fampihenana ny kolikoly, noho ny tsy fahampiana ara-bola, ny mpiasa, ary ara-pitaovana mba hanatanterahana ireo atrik'asa momba izany.

Tetsy andaniny, ny fandaharan'asa « fampandrosoana ny ambanivohitra » sy « fahasalamana, fandrinrana fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA », tamin'ny taham-pampiasana ny tetibola 84,89% sy 8,77% isan'isany dia tontosa nifanaraka tamin'izay novinavinaina teny am-piandohana : Sampam-panabeazana miisa 12 no niasa ary trano fandraisana 85 ho an'ny ady amin'ny SIDA no niasa teny anivon'ireo kaominina, izay nifanaraka tamin'ny sora-bola nisy.

- ANTENIMIERAN-DOHOLONA

Ity fafana ity dia anehoana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Antenimieran-doholona:

Fafana 16 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Antenimieran-doholona

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Objets	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
002	Administration et Coordination	6 266,39	5 759,72	91,91%	2	3	2	1	0	0	66,67%
119	Appui aux membres des Institutions	2 733,61	2 213,17	80,96%	2	5	1	4	0	0	20,00%
TOTAL		9 000,00	7 972,89	88,59%	4	8	3	5	0	0	37,50%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Sora-bola 9 lavitrisa Ariary no natokan'ny LFI ho an'ny Antenimieran-doholona, ka ny 88,59% tamin'io no lany ny fiafaran'ny taona Araka izany fandanian-bola zany, tondromarika telo (03) tamin'ireo valo (08) nofaritana teny am-piandohana no nahatratra ny tanjona, dia ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasy momba ny karama raikitra, ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasy momba ny karama sy tambin-karaman'ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana sy ny isan'ireo antontan-taratasy voadinika momba ny fampandehanana ny asan'ireo birao mpitantana.

Nisy ny elanelana teo amin'ny vokatra nantenaina sy ny vokatra azo ho an'ny fandaharan'asa « tohana ho an'ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana » : tondromarika efatra (04) tamin'ireo dimy (05) napetraka no tsy nahatratra ny tanjona novinavinaina. Tsy feno ny tanjona napetraka hanatsarana ny fitondrana tsara tantana ary tsy nisy fanatanterahana tamin'ny taona 2014. Araka izany, tsy mbola tafapetraka ireo mpikambana vaovao tao amin'ny Antenimieran-doholona.

- ANTENIMIERAN-DOHOLONA

Ity fafana manaraka ity no mamintina ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Antenimieram-pirenena:

Fafana 17 : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Antenimieram-pirenena

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
003	Administration et coordination	15 548,59	15 282,39	98,29%	1	1	1	0	0	0	100%
101	Gouvernance responsable	25 655,54	24 404,17	95,12%	2	3	3	0	0	0	100%
TOTAL		41 204,13	39 686,56	96,32%	3	4	4	0	0	0	100%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Nahatratra 41,20 lavitrisa Ariary ny sora-bola farany nomena ity Andrim-panjakana ity, tamin'ny taham-pampiasana ny tetibola 96,32% tamin'ny fiafaran'ny taona. Ireo fandaharan'asa roa nampiharina dia nanana tanjona telo (03), ary notombanana tamin'ny alalan'ny tondromarika efatra (04) : tanteraka 100% avokoa ireo tanjona napetraka.

Araka izany, voahaja ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasy, ho fanatsarana ny fampandehanana ny rafi-pitantanana. Nihoatra izay noheverina ny fanatanterahana ho an'ireto tondromarika manaraka ireto : famoahana lalàna efa-polo (40) tamin'ireo 25 nandrasana, fanaraha-maso 14 nataon'ny Antenimiera tamin'ireo efatra (04) novinavinaina ary fandraisana anjara tamin'ny fivoriana iraisam-pirenena miisa 11 no nisy raha dimy (05) ny vinavina.

- FAHEFANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA (FAL)

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Fahefana Avo momba ny Lalàm-panorenana :

Fafana 18 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Fahefana Avo momba ny Lalàm-panorenana

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
004	Administration et Coordination	1 860,99	1 398,63	75,16%	3	5	3	2	0	0	60,00%
102	Gouvernance Responsable	3 192,91	2 923,64	91,57%	3	4	3	1	0	0	75,00%
TOTAL		5 053,90	4 322,27	85,52%	6	9	6	3	0	0	66,67%

Sources: RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny sandan'ny vola hanatanterahana ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » dia tafakatra 1,40 lavitrisa Ariary, raha 1,86 lavitrisa Ariary ny vinavina, izany hoe taham-pandaniana sora-bola hatramin'ny 75,16%. Ny fanatsarana ny kalitaon'ny asa vita dia isan'ny fanamby iray nentina tao anatin'ity fandaharan'asa ity. Tsara ny vokatry satria nifanaraka tamin'izay noheverina ireo zava-bita ary nihoatra ny vinavina teny am-piandohana mihitsy aza.

Isan'izany ny fampihenana ny fandàvana ireo antontan-taratasim-bola sy ny famahàna ireo olana vokatr'ireo ezaka natao tao anatin'ity sehatra ity (fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo tompon'andraikitra amin'ny tetibola sy fametrahana ireo paik'ady fanatsarana).

Nanana vinavinan-tetibola 3,19 lavitrisa Ariary ny fandaharan'asa faharoa « Fitantanana tompon'andraikitra », ka ny 91,57% no lany. Iray (01) tamin'ireo tondromarika efatra (04) nentina hanombanana ny fahombiazany no tsy afaka nahatratra ny tanjona : dia ny isan'ireo tompon'antoka amin'ny dingam-pifidianana nahazo fiofanana. Araka izany, noho ny fisahanana ny fikirakirana ireo vokatra sy ireo fifanoherana teo amin'ny voka-pifidianana dia tsapa ny tsy fahampian'ny fotoana sy ny tsy fahampian'ny vola hanatanterahana ireo fandaharan'asam-piofanana tao amin'ity Andrim-panjakana ity.

- FIADIDIANA NY PRAIMINISITRA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Fiadidiana ny Praiministra:

Fafana 19 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Fiadidiana ny Praiministra

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
005	Administration et coordination	44 945,05	24 889,25	55,38%	19	56	27	23	1	5	48,21%
402	Développement rural	492,97	279,94	56,79%	3	8	3	4	0	1	37,50%
403	Nutrition et Sécurité alimentaire	37 182,19	8 317,19	22,37%	4	12	5	3	1	3	41,67%
802	Solidarité nationale	350,69	347,12	98,98%	1	1	1	0	0	0	100,00 %
TOTAL		82 970,90	33 833,50	40,78	27	77	36	30	2	9	46,75%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny fanatanterahana ny iraka tao amin'ny Fiadidiana ny Praiminisitra dia nandaniana vola nitentina 33,83 lavitrisa Ariary, tao anatin'ny tetibola 82,97 lavitrisa Ariary. Ny zava-dehibe nataony dia ny fikarakarana ny fivoriana miisa 27 ho fiaraha-miasa amin'ny fampiharana ny politikam-pambolena sy ambanivohitra, ny fanentanana tamin'ireo mpanao tsindrona zava-mahadomelina miisa 300, ny fampahafantarana ny « InfosHebdo » miisa 52 mahakasika ny vary sy ny fampiasana ireo ivo 5 571 an'ny PNNC (Programme National de la Nutrition Communautaire).

Nefa ireo vokatra sasany azo dia lavitry ny tanjona napetraka teny am-piandohana. Ny tsy fahampian'ny fahafahana tao amin'ity Andrim-panjakana ity no anton'ny tsy nampisy ireo komitim-paritra mandrindra ny ady amin'ny zava-mahadomelina. Toy izany koa, tsy ampy ny fihatsarana teo amin'ny fanapariahana ny « intranet » n'ny fanjakana : 30 tamin'ireo trano fiasan'ny ministera miisa 110 tao anatin'ireo renivohi-paritany izay novinavinaina hampidirana « intranet » ihany no nahazo izany. Farany, nihena ny isan'ireo asa HIMO, elanelam-panatanterahana 132 415.

Nifanaraka ireo tompon'andraikitra amin'ny fandaharan'asa fa ilaina ny fanavaozana ho an'ireo tondromarika sivy (09) nokilasiona ho « HAFA ».

- FILAN-KEVITRY NY FAMPPIHAVANANA MALAGASY (FFM)

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny FFM :

Fafana 20 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny FFM

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
057	Administration et Coordination	3 143,34	2 813,19	89,50%	1	1	0	1	0	0	-
823	Réconciliation nationale	2 513,51	2 132,97	84,86%	4	4	0	4	0	0	-
TOTAL		5 656,85	4 946,16	87,44	5	5	0	5	0	0	-

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Andrim-panjakana izay napetraky ny Lalàm-panorenan'ny Repoblika fahaefatra tao anatin'ny dingana ho fampihavanam-pirenena, ny FFM dia efa nanomboka ny asany hatramin'ny nisian'ny Governemantan'ny Tetezamita. Nefa ny sorabola fampandehanana azy dia tsy nisy raha tsy taorian'ny LFR 2014. NY fitambaran'ny sora-bola nomena ity filan-kevitra ity dia nahatratra 5 656 853 000 Ariary ary lany hatramin'ny 87,44% tamin'ny fiafaran'ny taona. Momba ny fahombiazana, ity Andrim-panjakana ity dia nanana tanjona dimy (05), ka ny fanombanana ireo vokatra dia tamin'ny alalan'ireo tondromarika dimy (05). Raha jerena amin'ny ankapobeny dia tsy nisy tanteraka 100% ireo tanjona napetraka.

Ho an'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrindrana », izay nanana tanjona ho tonga amin'ny fitantanana mahomby, ny fahataran'ny fe-potoana fikirakirana antontan-taratasy 16 andro dia vokatra ny tsy fahatomombanana teo amin'ny fanoratana ireo tanjona ho tratarina. Ny tsy fahampiana ara-bola sy ara-pitaovanano naharatsy ny vokatra teo amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa « Fampihavanam-pirenena ». Toy izany koa ny famahana ireo olana ara-politika tamin'ny 2002 hatramin'ny 2009, izay taham-panatanterahana 41% tamin'ny vinavina 75%. Araka izany dia voafetran'ireo olana ireo ny fikarakarana ny fampihaonana sy ny fivoriana.

Na dia teo aza izany dia nisy ireo vokatra tsara nanamarika ny taona 2014, toy ny fandraisana ireo fangatahana honitra nataon'ireo niharam-boina tamin'ny raharaha politika, ny fandrafetana ny volavolan-dalàna mialoha mikasika ireo fepetra fanitsiana sy fandoavana honitra ary ny fandefasana ireo antontan-taratasy fangatahana famotsoran-keloka any amin'ny Fitsarana manokana mikasika izany.

- MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny :

Fafana 21 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
006	ADMINISTRATION ET COORDINATION	55 960,92	35 375,56	63,21%	2	6	4	2	0	0	66,67%
601	DIPLOMATIE ET COOPERATION	6 780,92	6 270,33	92,47%	6	26	18	8	0	0	69,23%
TOTAL		62 741,84	41 645,89	66,38%	8	32	22	10	0	0	68,75%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny fandaniana tao amin'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » dia 35,37 lavitrisa Ariary, izany hoe taham-pampiasana tetibola 63,21%. Io fandaharan'asa io dia nahitam-bokatra tsara vitsivitsy toy ny fampiofanana mpiasa miisa efapolo (40). Valin'izany nefa, sakana tamin'ny fametrahana ireo tambazotra ara-solosaina ilaina amin'ny asa diplomatika ny olana teo amin'ny tsy fahampian'ny sora-bola.

Ny sandan'ireo atrik'asa tao amin'ny fandaharan'asa « Diplomasia sy Fiaraha-miasa » dia nahatratra 6,27 lavitrisa Ariary, tamin'ny vinavina 6,78 lavitrisa Ariary. Ny zava-bita tena nivaingana dia ny fanatrehan'ireo mpitantana malagasy ny fivoriana folo (10) momba ny fiaraha-miasa marolafy, ny fanaovan-sonia fifanaraham-piaraha-miasa roalafy sy ny fandraisana ireo hetsika iraisam-pirenena ara-toekarena miisa roa (02). Tsy nohazavaina ireo elanelana nisy tamin'ireo vokatra sasantsasany ankoatra ny isan'ireo mpiasa nahazo fiofanana tao amin'ny Masoivoho momba ireo tinady ara-toekarena sy ara-barotra (19 raha 24 ny vinavina), ka ny anton'ny tsy fahombiazana dia noho ny fahalaviran'ireo toeram-piofanana.

- MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena :

Fafana 22 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
007	Administration et coordination	149 264,52	147 596,55	98,88%	1	3	0	3	0	0	-
103	Pilotage de la politique de défense	8 007,27	7 123,37	88,96%	2	6	3	2	1	0	50%
008	Administration et coordination	9 645,09	8 693,71	90,14%	1	8	2	6	0	0	25%
104	Armée de terre	4 331,02	4 029,97	93,05%	1	1	1	0	0	0	100%
105	Armée de l'air	1 019,15	819,22	80,38%	1	1	1	0	0	0	100%
106	Marine nationale	807,74	627,96	77,74%	1	1	1	0	0	0	100%
TOTAL		173 074,79	168 890,78	97,58%	7	20	8	11	1	0	40%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Nitentina 173,07 lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny tetibola azon'ity ministera ity. Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana dia nanakaiky ny 97% ny taham-pandaniany ny sora-bolany nefa ny tahan'ny tondromarika tratra dia 40%, izany hoe valo (08) tamin'ireo roapolo (20) napetraka.

Tsy tanteraka ny tanjona napetraka tao amin'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrindrana » : tsy nisy tondromarika nahatratra tsara ny tanjona. Raha nisy akony tamin'ny fanaovanany filazana ireo fanadinana fifaninana teto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena ny tsy fiverenan'ny fiaraha-miasa tamin'ny any ivelany, tsapa ihany koa ny tsy fahamatorana tamin'ny fisafidianana ny tondromarika nataon'ny Tompon'andraikitra ny fandaharan'asa tamin'izany, izay anton'ny elanelana teo amin'ireo tanjona nokendrena sy ny vokatra azo teo amin'ny isan'ireo miaramila mpiana-draharaha malagasy tany ivelany.

Vokatra azo vitsivitsy no nihoatra ny nantenaina tamin'ireo fandaharan'asa ambiny, indrindra ny fandraisana anjara tamin'ireo hetsika ara-panatanjahan-tena teto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena, izay niisa 30 raha 24 ny vinavina ; ny fampiofanana mpianatra ho manam-boninahitra miisa 254 tany amin'ny ACMIL raha 90 ny vinavina, ary farany, ny fanatanterahana ireo fanelanelanana miisa 35 hitazonana ny filaminana sy hampihenana ny tsy fandriam-pahalemana any amin'ireo faritra mena.

- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MISAHANA NY ZANDARMARIA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Sekreteram-panjakana ity :

Fafana 23 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Sekreteram-panjakana **ity**

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
009	Administration et coordination	143 316,06	140 388,03	97,96%	2	2	0	2	0	0	-
108	Intervention spéciale et / ou mixte	648,00	643,87	99,36%	1	1	1	0	0	0	100%
121	Sécurité et ordre public	3 720,63	3 248,80	87,32%	2	2	0	2	0	0	-
124	Normalisation des équipements et infrastructures	7 982,67	6 233,94	78,09%	1	1	0	1	0	0	-
125	Formation	614,39	571,53	93,02%	1	1	1	0	0	0	100%
TOTAL		156 281,75	151 086,17	96,68%	7	7	2	5	0	0	28,57%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Nahazo sora-bola 151,28 lavitrisa Ariary ity Sekreteram-panjakana ity mba hanatanterahany ny asany, izay lany hatramin'ny 96,68% tamin'ny fiafaran'ny taona. Niisa fito (07) ireo tanjona ho tratarina ary ny tanjona tsirairay dia tomanana amin'ny alalan'ny tondromarika iray.

Tondromarika roa (02) no nahatratra ny tanjona tamin'ny fiafaran'ny taona, dia ny isan'ny fanelanelana niarahan'ny polisy, miaramila sy zandary noho ny fidinana ifotony nitohy nataon'izy ireo, ny fampiofanana mpiasa 2 700 tao amin'ny ministera.

Nefa, ny tsy fahampian'ny fitaovana sy ny fanaovana ho laharam-pahamehana ireo atrik'asa goavana dia isan'ny sakana tamin'ny fanatanterahana ny tanjona « miantoka ny fanaraha-maso-tombana » : fanaraha-maso 7 850 ihany no vita raha 9 360 ny tombana. Tsy tanteraka araka izay novinavinaina araka izany ny fanatsarana ireo fanaraha-maso : nasehon'ny RAP ny elanelan'isa 50 700 teo amin'ny fanaraha-maso vita. Izany elanelana izany dia noho ny fironan'ireo zandary tany amin'ireo lahasa fandriam-pahalemana ka nahaosa ny asa fanaraha-maso.

- MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FANAPARIAHAM-PAHEFANA

Ity fafana manaraka ity dia mandravao ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fanapariaham-pahefana :

Fafana 24 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fanapariaham-pahefana

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
010	Administration et coordination	29 986,98	26 484,38	88,32%	3	4	2	2	0	0	50,00%
109	Administration territoriale	3 494,59	2 801,73	80,17%	4	7	4	3	0	0	57,14%
202	Gestion des risques et catastrophes	11 451,76	4 596,68	40,14%	6	13	6	7	0	0	46,15%
044	Administration et coordination	196,21	191,27	97,48%	5	6	2	4	0	0	33,33%
113	Développement des collectivités décentralisées	59 590,96	47 723,19	80,08%	2	2	0	2	0	0	0,00%
TOTAL		104 720,49	81 797,25	78,11%	20	32	14	18	0	0	43,75%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Tamin'ny fanatanterahany ny politikam-panjakana, ny Ministera dia niandraikitra ny hanatanteraka iraka roa (02), izay mampivondrona fandaharan'asa dimy (05). Raha 104,72 lavitrisa Ariary no vola notsinjaraina ho an'ireto fandaharan'asa ireto, tsy nahatratra afa tsy 78,11% ny vola laniny. Raha ny zava-bita nivaingana, tondromarika 32 no napetraka mba hanombanana ny fahombiazan'ny asa natao ka ny 14 tamin'ireo no nahatratra ny tanjona nokendrena.

Isan'ireo vokatry tena niavaka tao amin'ity ministera ity ny fanoratana ireo antoko politika miisa 179 tao anatin'ny bokim-pirenena mikasika ireo antoko politika (tamin'ny vinavina 50) noho ny fananganana lalàna vaovao mahakasika izany, ny fizarana karatra 400 000 tao anatin'ny vanim-potoanan'ny fifidianana, ny fampiofanana mpiasa miisa 30 momba ny fitantanana ireo loza sy ny tranga mitera-doza, ny fandraisana kaontim-pitantanana 750 teny anivon'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana sy ny fanangonana ireo hetra anatin'ny ka tanteraka hatramin'ny 73% noho ireo ezaka natao tamin'izany.

Valin'izany nefa, tsy nahafahana nahatanteraka araka ny tokony ho izy ireo tanjona napetraka ny tsy fahampiana ara-bola. Isan'izany ny fanentanana tamin'ireo kaominina amin'ny fanaovana ny fanambarana maha olom-pirenena, ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny distrika teo amin'ny fitantanana ireo loza sy ny tranga mitera-doza ary ny fampiofanana ireo mpiasan'ny ministera sy ny tompon'andraikitra ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.

- MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka :

Fafana 25 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fiaminam-bahoaka

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
036	Administration et coordination	95 562,50	81 521,67	85,31%	2	10	4	5	0	1	40,00%
120	Sécurité publique	963,38	912,55	94.72%	3	5	2	3	0	0	40,00%
TOTAL		96 525,88	82 434,22	85,40%	5	15	6	8	0	1	40,00%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny vola natokana ho an'ireto fandaharan'asa roa (02) ireto teny am-piandohana dia 96,53 lavitrisa Ariary, ny fandanianana dia tsy nisy afa tsy 82,43 lavitrisa Ariary. Araka ny fahafaha-manaony, enina (06) tamin'ireo tondromarika 15 napetraka no nifanaraka tamin'ny tanjona nokendrena. Naharesy lahatra ny fahombiazana teo amin'ny tanjona hiantohana ny firindran'ny « fiofanana sy fandraisana mpiasa », ka ny vokatry azo dia tafahoatra tamin'ny vinavina (fampiofanana ireo mpianatra ho polisy sy fanatsarana ny fahaizan'ireo polisy). Tahaka izany koa no tsapa teo amin'ny fanehoana ny tsy fanarahan-dalàna ara-toekarena sy ara-bola, fahombiazana noho ny fanatsarana ny tontolon'ny asa. Ambonin'ireo, tafakatra 61 000 ireo pasipaoro voazara raha 35 000 no novinavinaina ho zaraina, izany hoe nanatombo 26 000.

Na dia teo aza izany endrika tsara izany dia nisy ny elanelana teo amin'ny vinavina sy ny ny fanatanterahana izay nasehon'ny RAP. Elanelana izay vokatry ny tsy fahampian'ny sora-bola, araka ny fanazavana. Niharan'izany manokana ny isan'ireo kaomisaria nohavaozina sy naorina ary ny isan'ny foibem-pitantanana naorina.

- MINISTERAN'NY FITSARANA

Ity fafana manaraka ity no mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fitsarana:

Fafana 26 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fitsarana

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	IndicateurInscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
012	Administration et coordination	74 101,99	63 634,66	85,87%	3	11	4	7	0	0	36,36%
111	Administration judiciaire	6 516,50	5 478,15	84,07%	4	19	5	11	2	1	26,32%
112	Administration pénitentiaire	5 112,86	4 365,84	85,39%	4	8	3	3	1	1	37,50%
TOTAL		85 731,35	73 478,65	85,71%	11	38	12	21	3	2	31,58%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Vola 85,73 lavitrisa Ariary no nomena ity ministera ity mba hanatanterahany ireo fandaharan'asa telo, ka ny vola lany tamin'izany dia 73,48 lavitrisa Ariary. Ireto fandaharan'asa ireto dia nanana tanjona 11, ka tondromarika 38 no nentina nanombana ny fahombiazana, izay taham-panatanterahana 31,58%.

Ny zava-bita tena nanamarika ny taona 2014 dia ny famadibadihana ny toeran'ireo mpiasa (fitantanana ny mpiasa), ny fampidirana solosaina tamin'ny sampan-draharahan-pitsarana miisa telo (03), ny fiasan'ireo toeram-pitsaboana sivy (09) sy ny fanavaozana ireo tranoben'ny fitsarana miisa 19 raha 02 fotsiny ny vinavina.

Nefa tsy nisy ny sampan-draharaha misahana ny FJPA tafapetraka tamin'ny 2014. Araka izany dia mbola tsy lany ireo didy fampiharana nydidim-panjakana momba ny fitantanana ankapobeny ireo FJPA. Izany no antony tsy nisian'ny fandoavana lamandy sy sazy ara-bola nosoratana tao amin'ny LFI. Tsy mbola nazava ny anton'ireo elanelana sasany hita, toy ny isan'ireo lalàna norefetina sy ny fampidirana solosaina tamin'ireo sampan-draharahan'ny fonja.

- MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola :

Fafana 27 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
013	Administration Et Coordination	378 915,75	234 331,92	61,84%	10	24	16	2	6	0	66,67%
114	Gestion Du Budget	652 752,02	779 115,18	119,36 %	5	6	5	1	0	0	83,33%
115	Gestion Fiscale	6 456,87	5 072,75	78,56%	3	5	4	1	0	0	80,00%
116	Douanes	5 391,90	3 496,45	64,85%	5	14	4	10	0	0	28,57%
117	Tresor	330 257,81	306 630,85	92,85%	5	34	15	18	1	0	44,12%
803	Action Sociale	3 735,90	2 891,31	77,39%	2	6	1	1	4	0	16,67%
TOTAL		1 377 510,25	1 331 538,46	96,66%	30	89	45	33	11	0	50,56%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ity ministera ity dia isan'ireo nanana fandaharan'asa (06), tanjona (30) ary tondromarika (89) betsaka indrindra. Araka izany dia vola nitentina 1 377,51 lavitrisa Ariary no azony. Tondromarika 45 no nahazoam-bokatra araka izay novinavinaina teny am-piandohana.

Isan'ireo vokatra naharesy lahatra indrindra ny : fanatsarana ny fiahiana ara-tsakafo ho an'ny ankizy latsaky ny roa (02) taona miisa 160 794, ny taham-pampidiram-bola tamin'ny fanafaran'entana izay 24% raha 18% ny vinavina, ny fampiasan'ny fitantanana ny fadin-tseranana ireo TRADENET roa (02), ny fanatanterahana ireo fifanarahana telo (03) momba ny fitantanam-bola mahomby, ny famoriana ireo trosa tsy hetra tamin'ny tamberin'ny vidin'entana (737 737 020 Ariary raha 699 160 000 Ariary ny vinavina) ary ny famoahana ny Lalàna fandravonana ny tetibola 2007 tao amin'ny tranon-kalan'ny ministera.

Nanoloana izany tanjaka izany dia nisy ireo vokatra sasantsasany maivana. Latsaka noho izay novinavinaina ny isan'ny orinasa afakaba vokatry ny toe-draharaha ara-toekarena sy ara-politika tamin'izany vanim-potoana izany. Teo koa ny tsy fahavitan'ny fametrahana ivon-toerana ara-informatika teo anivon'ireo biraon'ny fadin-tseranana, ny tsy fisian'ny iraka mpanara-maso ny fanarahana ny fenitra sy ny fomba fanao iraisam-pirenena tamin'ireo olana ara-bola.

- MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY TETI-PIVOARANA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana :

Fafana 28 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
014	Administration et coordination	5 512,63	4 702,47	85,30%	1	3	0	3	0	0	-
604	Economie	3 291,00	2 145,15	65,18%	5	7	4	3	0	0	57,14%
TOTAL		8 803,63	6 847,62	77,78%	6	10	4	6	0	0	40,00%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny fitantanana ny politika ara-toekarena dia teo anivon'ny fandaharan'asa roa (02), izay notsinjaraina tamin'ny tanjona enina (06), ary norefesina tamin'ny alalan'ny tondromarika folo (10). Ity ministera ity dia nahazo tetibola nitentina 8,80 lavitrisa Ariary, nefa tsy nahatratra afa tsy 6,85 lavitrisa Ariary ny vola laniny.

Ho an'ny fandaharan'asa voalohany, tsy nisy nifanaraka tamin'ny vinavina napetraka ny zava-bita. Ambany dia ambany ny taham-pampiasana ny tetibola, ary trano fiasana efatra (04) fotsiny tamin'ny vinavina miisa 12 no naorina/nohavaozina. Ny fihemoran'ny fiofanana tamin'ny 2015 dia manamarina ny tsy fisian'ny fampiofanana ireo mpiasa miisa 160, fiofanana izay novinavinaina hatao nandritra ny taona 2014.

Valin'izany, tondromarika efatra (04) tamin'ireo fito (07) voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa « toekarena » no tratra, ny isan'ny filazana ny politika ara-toekarena nisy, ny isan'ny politikam-pirenena momba ny fampandrosoana nisy ary farany, ny fandinihina ireo politika isan-tsehatra 14 tamin'ireo 10 novinavinaina.

- MINISTERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana :

Fafana 29: Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
037	Administration Et Coordination	15 814,72	15 140,05	95,73%	1	1	0	1	0	0	-
606	Commerce	1 010,00	875,11	86,64%	2	6	4	1	1	0	66,67%
TOTAL		16 824,72	16 015,16	95,19%	3	7	4	2	1	0	57,14%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Sora-bola nitentina 16,82 lavitrisa Ariary no nomena ity ministera ity mba hanatanterahany ireo fandaharan'asany anankiroa (02), ka ny fandanianana vitany dia 16,02 lavitrisa Ariary. Ny fahombiazany dia araka izao manaraka izao: tondromarika efatra (04) no tratra, roa (02) tsy tratra ary iray (01) tsy nampiasaina. Nihoatra ny vinavina ny fanatanterahana ireo tondromarika izay tratra. Dia ny isan'ireo didy aman-dalàna, ny isan'ireo fiofanana azon'ireo tompon'antoka ara-toekarena (nahitana fihoarana 18 isa), ny taham-pitomboan'ny fanondranan'entana sy ny isan'ny atrik'asa fampivelarana ireo hetsika ara-barotra iraisam-pirenena izay nahitana fihoarana 12 nihoatra tamin'ny vinavina.

Ankilany, isan'ny sakana iray ny olana teo amin'ny fanatsarana ny rafi-pitantanana ny vokatra jirofo, na ny fametrahana izany teny amin'ny faritra na teto amin'ny firenena :etik'asa iray (01) tamin'ireo efatra (04) novinavinaina ihany no tafapetraka.

2. Sehatra sosialy

Ity sehatra ity dia ahitana ministera valo (08). Mbola nampiharina hatrany ny fitsitsiam-bola nandritra ny taona 2014. Fa natao ho laharam-pahamehana kosa ireo fandaniana teo amin'ny lafiny sosialy, izay miantraika mivantana amin'ny vahoaka.

a. Fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Ministera tao amin'ny sehatra sosialy

Fandaharan'asa 45 no nentina nampiharana ireo atrik'asa teo amin'ny sehatra sosialy, mivondrona tao anatin'ny iraka 16. Ny fahombiazan'ity sehatra ity dia notombanana tamin'ny alalan'ny tanjona 99, ary norefesina tamin'ireo tondromarika 218. Taorian'ny fanitsiana ny tetibola dia novaina ho 255 ny isan'ny tondromarika. Tondromarika 80 no nahatratra ny zava-kendrena tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana. Tondromarika 28 no tsy nampiasaina ary tsy afaka nanaovana tombana.

Ny fitambaran'ny sora-bola nomena ity sehatra ity mba hanatanterahany ireo fandaharan'asany dia 1 108,10 lavitrisa Ariary, ary nasiam-panitsiana ka lasa 1 265,14 lavitrisa Ariary. Ny 30,98% tamin'ireo tondromarika no tratra 100%. Ireo zava-bitany nivaingana dia nifanaraka tamin'ny fampiasana ny tetibola izay 74,64% nataon'ireo Ministera tao anatin'ity sehatra ity.


Ity fafana manaraka ity dia mamintina ny fanatanterahana ireo tondromarika:

Fafana 30 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Ministera tao amin'ny sehatra sosialy

En nombre						En Millions d'Ariary		
Valeurs cibles		Valeurs réalisées	Non atteints	ND	Autres	Crédits		Dépenses réalisées
Initiales	Finales					Initiaux	Définitifs	
218	255	80	144	28	3	1 108 097,52	1 265 137,83	944 333,58

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Kisary 3 : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2014 (amin'ny %)



Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

b. Fivoaran'ny fahombiazana teo amin'ny sehatra sosialy (LFI sy LFR)

Fiovana maro no natao teo amin'ny anarana sy ny firafitr'ireo Ministera vitsivitsy, toy ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena, ny Ministeran'ny Mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy, ny Ministeran'ny Asa, ny Fampianarana Teknika sy ny Fiofanana arak'asa ary ny Ministeran'ny Asa tàmàna, ny Kolontsaina ary ny Vakoka.

Vokatry'izany dia nahitana fiakarana kely ny vinavina teo amin'ny fahombiazana sy ny sora-bola. Niampy 14,14% ,araka izany, ny sora-bola raha tondromarika vaovao 37 no nampidirina tao amin'ny takela-pilazana ny fahombiazana.

Fafana 31 : Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra sosialy

Institution/Ministère	Modification des crédits (En Millions d'Ariary)			Modification du nombre des indicateurs			Modification de la valeur cible	
	Crédits initiaux (LFI)	Crédits après (LFR)	Evolution	Prévisions initiales	Prévisions finales	Evolution	Modification en +	Modification en -
Ministère de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales	11 312,09	16 102,09	142,34%	83	73	87,95%		
Ministère de la Santé Publique	233 895,32	300 345,85	128,41%	59	59	Inchangé	5	8,47
Ministère de la Jeunesse et des Sports	18 165,59	20 051,28	110,38%	17	24	141,18%	3	12,50
Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la femme	11 836,36	15 676,36	132,44%	28	37	132,14%		
Ministère de l'Education Nationale	680 384,46	720 108,59	105,84%	11	11	Inchangé		
Ministère de l'Emploi, de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	32 409,15	37 651,85	116,18%	4	35	875,00%		
Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	113 008,19	145 653,19	128,89%	7	7	Inchangé		
Ministère de l'Artisanat, de la Culture et du Patrimoine	7 086,36	9 166,59	129,36%	9	9	Inchangé		
TOTAL	1 108 097,52	1 264 755,80	114,14%	218	255	116,97%	8	3,14

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta ao amin'ny sehatra sosialy

- MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 32: Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
PROG	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux d'exécution budgétaire	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
041	Administration Et Coordination	76,22	44,84	58,83%	2	14	5	9	0	0	35,71%
804	Securiser L'environnement Social Et Professionnel Des Travailleurs	199,50	174,89	87,67%	2	11	4	7	0	0	36,36%
805	Promouvoir Le Dialogue Social Et Les Droits Fondamentaux	285,20	176,49	61,88%	2	23	7	16	0	0	30,43%
812	Intensification De La Lutte Contre Le Travail Des Enfants	0,00	0,00	0,00%	1	1	0	0	0	1	0,00%
015	Administration Et Coordination	14 295,79	12 737,01	89,10%	1	12	5	7	0	0	41,67%
118	Ameliorer La Capacite Des Services Publics Et Renforcer Les Capacites De L'agent De L'etat	1 213,40	1 114,25	91,83%	1	12	3	8	0	1	25,00%
Total		16 070,11	14 247,48	88,66%	9	73	24	47	0	2	32,88%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Lany ny 88,66% tamin'ny sora-bola nomena ity Ministera ity tamin'ny fiafaran'ny taona. Izany dia nampiasaina tamin'ny fanatanterahana ireo tanjona sivy (09) nofaritana tao anatin'ireo fandaharan'asa enina (06) izay nivondrona tao anatin'ny iraka roa (02), dia ny « Asa sy Lalàna Sosialy » sy « Asam-panjakana ». Tondromarika 73 no nahafahana nandrefy ny fahatrarana ny tanjona napetraka, ka 24 no nahatratra izany. Araka izao manaraka izao ireo fanatanterahana teo anivon'ireo fandaharan'asa ireo:

Fifanaranana roa (02) hametrahana ireo sampan-draharaham-paritra Tao amin'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » no naroso nefa tsy afaka notanterahina izany noho ny tsy fahampian'ny tetibola. Nefa rafi-pifanakalozan-kevitra ara-tsosialy 12 no tafapetraka raha roa (02) ny vinavina.

Ho fanatsarana ny tontolon'ny asa, ny atrik'asa dia nifantoka tamin'ny fampiroboroana ireo asa manara-dalàna, ny fenitra takian'ny asa sy ny fanatsarana ny fiahiana ara-tsosialy andaniny, ary ny fanatsarana ny fanampiana ireo mahantra sy tena sahirana ankilany. Mpiasa any ivelany miisa 60 araka izany no mbola nahazo fiahiana ara-tsosialy raha 20 ny vinavina. Ambonin'izany, ankizy 35 no afaka nesorina teo amin'ny sehatra asa.

Mikasika ny fandaharan'asa « Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo lalàna fototra », nahafa-po ny fahombiazana tamin'ny 30,43% n'ireo tondromarika napetraka, isan'izany ny fampielezana, ny fampahafantarana ary ny famoahana ireo lalàna momba ny asa sy ny fanaraha-maso ireo toeram-piasana amin'ny fanajana ny lalànan'ny asa. Momba ny fampiroboroana ny fidirana sy ny ffiovana eo amin'ny asa, tsy tratra ireo tondromarika napetraka ankoatra ny fanatsarana ny tsenan'ny asa.

Ho an'ny iraka « Asam-panjakana », ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » dia natokana tamin'ny fanmpihenana ny kolikoly. Tamin'izany indrindra no nivoahan'ny Didim-panjakana laharana 2014-1620 tamin'ny 14 oktobra 2014 momba ny fanavaozana ny fitantanana ny ENAM. Nanastara ireo asam-panjakana ihany koa ny ministera tamin'ny alalan'ny « Fanatsarana ny kalitaon'ny asam-panjakana sy fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpiasam-panjakana ». Ny zavatra natao voalohany dia ny ezaka teo amin'ny fampitoviana amin'ny fidirana eo amin'ny asam-panjakana, ny fanitsiana teo amin'ny fikarakarana ireo fifaninanam-panjakana ka mpikarakara fifaninanana sivy (09) no nampiofanina tamin'izany, ny famoahana ara-potoana ny antontan-taratasy momba ireo mpiasam-panjakana. Tsy tratra 100% nefa ny tanjona napetraka mba hampiasana ny GPEC sy ny fanatsarana ny fitantanana ny mombamomba ny mpiasa sy ny antontan-kevitra fototra momba izany.

- MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

Ity fafana ity dia anehoana ireo zava-bita sy ireo vola nampiasain'ny Ministera tamin'ny taom-piasana 2014.

Fafana 33 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
PROG	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux d'exécution budgétaire	Objectifs	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
024	Administration Et Coordination	199 005,81	155 267,05	78,02%	5	12	5	6	1	0	41,67%
502	Fourniture De Services De Sante De Base	36 593,99	10 771,93	29,44%	2	11	5	6	0	0	45,45%
503	Fourniture De Services De Sante Hospitaliers	24 341,40	13 672,64	56,17	1	1	0	1	0	0	0,00%
504	Fourniture De Medicaments, Consommables Et Autres Produits	2 458,15	2 179,16	88,65%	2	4	2	2	0	0	50,00%
505	Lutte Contre Les Maladies	19 761,79	12 213,07	61,80%	8	22	4	17	1	0	18,18%
506	Survie Et Developpement De La Mere Et De L'enfant	18 183,55	8 088,01	44,48%	5	9	2	7	0	0	22,22%
Total		300 344,69	202 191,86	67,32%	23	59	18	39	2	0	30,51%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Tamin'ny fiafaran'ny taona dia tafakatra 67,32% ny taham-pampiasana ny tetibola nefa ny fahombiazana dia 30,51%.

Mba hanatsarana ny fahombiazana tamin'ny fitsinjiram-pitantanana dia nomena mpitsabo mpanampy ny 91% tamin'ireo CSB raha 85% ny vinavina. Tamin'ny fanatsarana ny fitantanana ny fampitam-baovao, 5% tamin'ireo CHD fotsiny no nahazo ny rafi-pitantanana ara-solosaina mandray vaovao raha 40% ny tanjona.

Ambany ny tahan'ny fampiasana ny sora-bola ho an'ny fandaharan'asa « kojakoja ho an'ny fahasalamana fototra » (29,44%), ka ny isan-jaton'ireo tondromarika tratra dia 45%. Isan'ireo tondromarika nahomby ny isan-jaton'ireo CSB niasa, ny fanaraha-maso ireo CSB an'ny fanjakana sy tsy miankina sy ny fampitaovana azy ireo ara-teknika. Nefa noho ny tsy fahampian'ny fahafaha-manao, CSB 18 tamin'ireo 55 no afaka nohatsarina.

Ny fandaharan'asa « Fitaovana ho an'ny sampan-draharaha misahana ny fahasalamana any amin'ny hopitaly » dia nahitana taham-pampiasana ny tetibola 56,17% izay nahafahana nanatsara ny fandraisana teo amin'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana. Raha 50% ny taham-pahafenoan'ireo fandriana noraiketina tao anatin'ny LFR dia lasa 43,95% izany, ity elanelana ity dia vokatry ny tsy fahampian'ny fananana eo am-pelatanan'ny vahoaka hahafahana miditra hopitaly.

Ho an'ny « kojakoja ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa », vokatry ny fahasarotan'ny fitehirizana fanafody any amin'ireo CSB lavitra, ny taham-pahazoana ireo fanafody tena

ilaina dia 86,4% raha 90% ny tanjona. Momba ireo ady tamin'ny valan'aretina, 61,80% tamin'ny sora-bola no nampiasaina ary ny taham-pahavitana ireo tondromarika dia 18,18%.

Farany, tsy ampy ny fihatsarana ho an'ny fandaharan'asa « Famelomana ny ren'y sy ny zaza ». Tondromarika 02 fotsiny tamin'ireo 09 voasoratra no tanteraka. Nandaniana ny 44,48% tamin'ny sora-bolany ireo atrik'asa nataony. Tsy tratra ihany koa ny tanjona ho fampihenana ny fahafatesan'ny ankizy-tanora. Fanampiny, nitombo ny isan'ireo ankizy tsy vita vakisiny raha oharina tamin'ny vinavina noho ny fandavan'ireo vondron'olona ny fanaovana vakisiny noho ny antony ara-pinoana na ara-pomba, ... Ambany ny taham-piterahana teo anivon'ireo CSB sy CHD noho ny tsy fahampian'ireo Mpampivelona sy ny fisian'ireo Mpampivelona nentim-paharazana any amin'ireo faritra mitoka-monina.

- MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 34 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Objectifs	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
045	Administration Et Coordination	8 723,10	5 234,06	60,00%	2	3	1	2	0	0	33,33%
302	Jeunesse	984,07	639,06	64,94%	4	11	9	2	0	0	81,82%
026	Administration Et Coordination	7 734,02	7 643,95	98,84%	2	2	1	1	0	0	50,00%
301	Sport	2 379,09	1 712,63	71,99%	4	5	3	2	0	0	60,00%
303	Loisirs	38,83	33,80	87,05%	1	3	3	0	0	0	100,00%
Total		19 859,11	15 263,50	76,86%	13	24	17	7	0	0	70,83%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Taorian'ny LFR dia niova ho Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fialam-boly. Nanana iraka goavana telo (03) ity ministera ity, dia ny « Hatanorana », « Fanatanjahan-tena » ary « Fialam-boly ». Nanakaiky ny 70% ny tahan'ny sora-bola lany sy ny zava-bitan'ity Ministera ity. Araka izany, ny 76,86% tamin'ny sora-bola no lany ka nahafahana nahatratra ireo tondromarika 17 tamin'ireo 24, izany hoe 70,83%.

Ho an'ny fandaharan'asa « Hatanorana », tsapa ny fitomboan'ny tahan'ireo tanora nazoto niditra tamin'ireo Tranoben'ny Tanora, taha izay 80%. Fanampiny, nandray anjara tamin'ny fanatsarana ny fari-piainan'ny tanora ihany koa ny Ministera, tamin'ny alalan'ny hetsika fampitam-baovao sy fampahafantarana momba ny fahasalamana sy ny fiterahana ary koa ny fampiasan'ireo tanora ny fimailo. Nisy ihany koa ny tetik'asa iray momba ny « Fampiroboroboana Asa ho an'ny Tanora ». Nefa tsy tratra 100% ny isan'ireo tanora mpampiofana nahazo fiofanana. Teo koa ny isan'ny Tompon'andraikitra ambony amin'ny Fitantanana, ireo mpitarika ireo hetsika iraisana novinavinaina homena fiofanana.

Mikasika ny iraka « Fanatanjahan-tena », fihaonana ara-panatanjahan-tena 60 no vita tamin'ireo vinavina 50. Fanampiny, notohanana avokoa ireo sokajim-panatanjahan-tena novinavinaina ho tohanana teo amin'ny lafiny fanatsarana ireo fotodrafitrasa. Na izany aza anefa dia mpitarika ara-panatanjahan-tena 214 no nahazo fiofanana teo anoloan'ireo 428 novinavinaina tao anatin'ny takela-pilazana ny fahombiazana.

Farany, ho an'ny iraka « Fialam-boly », araka ireo tatitra azo dia tratra ny tanjona tamin'ny fikarakarana ireo fialam-boly manentana sy manabe tany amin'ireo faritra.

- MINISTERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY
FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 35 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny Vehivavy

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code Prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
025	Administration Et Coordination	10 128,91	8 213,91	81,09%	6	12	2	10	0	0	20,00%
813	Promotion De L'amélioration De La Condition De Vie De La Population	757,55	483,31	63,80%	3	4	0	4	0	0	0,00%
053	Administration Et Coordination	150,00	98,47	65,65%	1	1	0	1	0	0	0,00%
807	Genre Et Développement	147,00	99,05	67,38%	1	3	2	1	0	0	66,67%
814	Action Sociale	2 562,24	1 580,51	61,68%	6	12	2	9	0	1	16,67%
815	Famille Et Enfance	124,79	81,84	65,59%	1	3	0	3	0	0	0,00%
Total		15 210,69	10 681,19	70,22%	20	37	7	29	0	1	18,92%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Taorian'ny LFR dia niova ho Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny Vehivavy ny Ministeran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy. Iraka roa (02) no niandraiketany, dia ny « Mponina sy fampandrosoana » sy « Fiarovana ara-tsosialy ».

Tao anatin'ny iraka voalohany, ho an'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana », ny 20% n'ireo tondromarika no nifanaraka tamin'ny vinavina ary 80% no tsy tratra. Teo amin'ny tetibola, 70,22% tamin'ny sora-bola no lany. Lalàna iray (01) ho fanavaozana ny Fiahiana ara-tsosialy sy Fampandrosoana ara-tsosialy araka izany no vita. Nefa ny ny salan'ny taham-panatanterahana ireo tondromarika momba ny fanandratana ny fiaraha-miombon'antoka dia 64,81%.

Mikasika ny fandaharan'asa « Fanadihadiana sy fanabeazana ny mponina », distrika 19 tamin'ireo 50 novinavinaina no nametrahana ny rafitra hanabeazana ny mponina, noho ny fihenana ny tetibola. Ny Ministera ihany koa dia niandraikitra ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina na dia nifamadika tamin'izay noheverina aza ny vokatra azo.

Ireto avy isan'isany ireo zava-bita, ny fanatsarana ireo fotodrafitrasa fototra sy/na famokarana, ny fanamafisana ny ady amin'ny VIH/SIDA, ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny fahasimban'ny tontolo iainana.

Ankilany, momba ny iraka « Fiahiana ara-tsosialy », mba hampiroboroboana ny vehivavy ara-piarahamonina sy eo amin'ny lafiny lalàna ary ara-kolontsaina dia rafitra roa (02) tany amin'ny faritra iadiana amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy no tafapetraka, raha 11 ny vinavina.

Valin'izay, nihoatra ny vinavina ny isan'ireo rafitra fandraisana an-tànana ara-tsosialy sy ara-tsaina nampiana ary koa ny taham-pandraisana anjaran'ireo vehivavy teo amin'ny fandraisana fanapahahan-kevitra.

Ho an'ny fandaharan'asa « Hetsika ara-tsosialy »,ny tanjona dia ny hampirisika ny fidiran'ny olona amin'ireo fiahiana ara-tsosialy fototra sy hampirisika ireo vahoaka sahirana handray anjara amin'ny fampitomboana ny toekarena. Nanampy izany ny fanomezana tany hambolena ho an'ny tokan-trano mahantra miisa 40 ary ny fizarana sakafo sy entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro folo (10) andro taorian'ny nisian'ny loza. Raha atambatra, tokantrano 953 no nampiana tamin'ireo 3 000 novinavinaina, noho ny fihenana'ny tetibola. Ankoatra ireo, tokan-trano 3 241 no nahazo HIMO.

Farany, ho an'ny fandaharan'asa « Fianakaviana sy fahazazana », isan'ny tanjon'ny Ministera ny hanatsara ny lalàna hiahiana ireo vondron'olona sahirana. Tamin'izany, rafitra 25 fiahiana ny fianakaviana sy ny ankizy (fandraisana sy fanatsarana ireo fianakaviana sahirana) no azo nampiasaina. Nifarana tamin'ny taham-pandaniana sora-bola 65,59% ny taon-tetibolan'ity fandaharan'asa ity.

- MINISTERAN'NY FANABEAM-PIRENENA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity.

Fafana 36 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fanabeam-pirenena

Libellés		En Millions d'Ariary				En nombre						
Cod prog	PROGRAMMES	Crédits initiaux	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Au t.	Taux de réal.
027	Administration Et Coordination	474 150,90	455 987,93	395 732,58	86,79%	2	2	1	1	0	0	50,00%
304	Petite Enfance	1 476,25	2 902,97	2 854,61	98,33%	1	1	0	1	0	0	0,00%
305	Enseignement Fondamental Premier Cycle	188 592,49	234 442,76	108 203,57	46,15%	1	2	1	1	0	0	50,00%
306	Enseignement Fondamental Second Cycle	8 710,24	11 737,74	10 956,16	93,34%	1	2	2	0	0	0	100,00%
307	Alphabétisation	362,80	1 169,80	841,37	71,92%	1	1	0	0	1	0	0,00%
048	Administration Et Coordination	955,32	975,32	960,81	98,51%	1	1	0	1	0	0	0,00%
308	Enseignement Secondaire	6 136,47	7 560,71	2 542,80	33,63%	1	2	1	1	0	0	50,00%
Total		680 384,46	714 777,22	522 091,91	73,04%	8	11	5	5	1	0	45,45%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Nanana fandaharan'asa fito (07) ny Ministera, izay nivondrona tamin'ny iraka roa (02) dia ny « Fanabeazana » sy « Fampianarana Ankapobeny ». 73,04% tamin'ny sora-bola nisokatra no nampiasainy ary tondromarika 05 tamin'ireo 11 nisy no nahatratra ny tanjona nokendrena.

Voalohany, ireo fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » teo anivon'ireo iraka roa (02) dia natokana ho amin'ny fanatsarana ireo tolotra amin'ny asam-panjakana ka nahitana taham-pandraiketana fandania 82,8%.

Teo koa ny vola 518,59 lavitrisa Ariary izay natokana hanatanterahana ireo fandaharan'asan'ny iraka « Fanabeazana ». Efatra (04) tamin'ireo tondromarika valo (08) voasoratra no tratra, 03 tsy tratra ary iray (01) tsy nampiasaina. Ireto vokatra manaraka ireto no hita:

- Fandaharan'asa « Fahazazana », 13% n'ireo ankizy telo (03) hatramin'ny dimy (05) taona no tafiditra tao anatin'ny fiandohan-pampianarana raha 18,7% ny vinavina.
 - Fandaharan'asa « Fampianarana mamaky teny sy manoratra »: Tsy nisy antontan-kevitra nampiasaina
 - Fandaharan'asa « Fampianarana fototra ambaratonga voalohany » : 80,3% tamin'ireo mpianatra no nahavita ny dingana voalohany raha 65% ny vinavina. Nefa niakatra ny tahan'ny famerenan-taona vokatra ny fiharatsian'ny fandraisana ny fampianarana.
 - Fandaharan'asa « Fampianarana fototra ambaratonga faharoa », ny fahatrarana ireo tondromarika napetraka dia nahafahan'ny Ministera nanampy ny rafitra fanabeazana fototra.
- MINISTERAN'NY ASA, NY FAMPIANARANA TEKNIKA ARY NY FIOFANANA ARAK'ASA
- Ity fafana manaraka ity dia mamintina ny fampiasana ny tetibola nataon'ity Ministera ity:

Fafana 37 : Famintinana ny fampiasana ny tetibolan'ny Ministeran'ny Asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fiofanana arak'asa

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Cod prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
038	Administration Et Coordination	0,00	0,00	0,00%	1	5	0	0	5	0	0,00%
607	Promouvoir La Croissance Economique Par l'emploi Décent	1 038,90	695,34	66,93%	5	26	5	1	20	0	19,23%
049	Administration Et Coordination	26 215,05	23 588,97	89,98%	1	1	0	1	0	0	0,00%
309	Formation Technique Initiale Et Professionnelle	10 365,92	8 368,47	80,73%	3	3	0	3	0	0	0,00%
Total		37 619,87	32 652,78	86,80%	10	35	5	5	25	0	14,29%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Tamin'ny alalan'ny LFR, ny iraka « Asa » izay tao niandraiketan'ny Ministeran'ny Asam-panjakana, Asa ary ny Lalàna Sosialy teo aloha dia nafindra teny anelanelan'ny taom-piasana ho iraka iandraiketan'ny Ministeran'ny Asa, Fampianarana Teknika ary Fiofanana arak'asa.

Tamin'ny fiafaran'ny taona, 86,80% tamin'ny sora-bola no laniny. Araka ny tatitra dia tondromarika 05 tamin'ireo 35 nisy no tratra. Ny tatitra nataon'ity Ministera ity dia nanamarika fa betsaka ny isan'ireo tondromarika tsy nampiasaina. Momba ny fandaharan'asa « Fiofanana arak'asa voalohany sy arak'asa », ny fanatsarana ny fampianarana teknika dia nahafahana nampiofana mpianatra 350 tao anatin'ny mponina 100 000. Toeram-pianarana 87 no noforonina mba hanatrarana ny tanjona hanaparitaka sy hampanaram-penitra ny fampianarana teknika sy ny fiofanana arak'asa nefa 100 ny tombana.

Ho an'ny iraka « Asa », tsy azo nampiasaina ireo antontan-kevitra momba ny fandaharan'asa « Fitantanana sy fandrandrana ». Araka izany, ny fiovaovan'ny rafi-pitantanana no nampifamadika ireo tondromarika napetraka teny am-piandohana. Tsy afaka narindra ireo tondromarika vaovao mikasika ny rafitra vaovao. Vokatry'izany dia tondromarika roa (02) fotsiny tamin'ireo 21 nampiasaina no afaka nanaovana tombana. Tratra ny tondromarika ho an'ireo tanjona hafa. Isan'izany ny:

- Tanora arivo (1000) nampiofanina momba ny fanatsarana amin'ny fidirana sy fiovana eo amin'ny sehatry ny asa ;
- Ady hevitra 35 nokarakaraina mba hanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mponina ;
- Fifanarahana 20 voasonia momba ny fanatevenana ny Fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny Tsy miankina.

- MINISTERAN'NY FAMPINANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA

Fafana 38 : Fanatanterahana mivaingana sy fatram-pandaniana ny sora-bola teo anivon'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Cod prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
028	Administration Et Coordination	136 000,01	129 016,61	94,87%	3	3	1	2	0	0	33,33%
310	Enseignement Supérieur	8 308,18	7 070,47	85,10%	2	2	2	0	0	0	100,00%
050	Administration Et Coordination	4 512,50	4 361,67	96,66%	1	1	0	1	0	0	0,00%
311	Recherche Scientifique	3 315,30	717,87	21,65%	1	1	0	1	0	0	0,00%
Total		152 135,99	141 166,62	92,79%	7	7	3	4	0	0	42,86%

Source s: Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Tamin'ny taona 2014 dia vola 141,17 lavitrisa Ariary no lany tamin'ny fanatanterahana ny iraka « Fampianarana Ambony » sy « Fikarohana Siantifika ». Nahatratra 42,86% ny tahan'ny tondromarika tratra, izany hoe tondromarika telo (03) tamin'ireo fito (07). Araka ny antontanisan'ny Ministera dia nisy mpianatra 413 tamin'ny mponina 100 000. Fanampiny, didy fanomezan-dàlana 88 no nekena ho an'ireo ivom-pampianarana ambony tsy miankina, tao anatin'izany ny Anjerimanontolom-panjakana, mba ho fampandrosoana ny fampianarana ambony tsy miankina.

Ny Ministera dia nanokana ny 3,32% tamin'ny tetibolany ho fampandrosoana ny Fikarohana Siantifika raha 4,64% ny vinavina tao anatin'ny takela-pilazana ny fahombiazana, izany hoe elanelana 1,32%.Fanampiny, ny taham-pandaniana ny sora-bola dia 21,65%, izay tena ambany. Ny anton'izany dia ny fandàvana ireo fandanian'ny fampiasam-bolam-panjakana efa noraiketina.

- MINISTERAN'NY ASA TANANA SY NY KOLONTSAINA ARY NY VAKOKA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 39 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Asa Tànana sy ny Kolontsaina ary ny Vakoka

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Cod prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
046	Administration Et Coordination	702,90	395,44	56,26%	1	1	0	1	0	0	0,00%
611	Développement De L'artisanat	1 316,10	901,62	68,51%	3	3	0	3	0	0	0,00%
029	Administration Et Coordination	5 687,12	3 800,84	66,83%	1	1	0	1	0	0	0,00%
808	Patrimoine	495,00	339,78	68,64%	1	1	0	1	0	0	0,00%
809	Création	575,00	375,91	65,38%	2	2	1	1	0	0	50,00%
810	Manifestations Culturelles	344,01	224,64	65,30%	1	1	0	1	0	0	0,00%
Total		9 120,13	6 038,23	66,21%	9	9	1	8	0	0	11,11%

Sources : Budget d'exécution LFI et LFR, RAP 2014

Taorian'ny LFR dia nafindra ho an'ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Vakoka ny iraka « Asa Tànana » izay niandraiketan'ny Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Asa Tànana teo aloha. Ny tanjona dia hiantoka ny fampandrosoana ny Asa tànana, hahafahana ihany koa mampivondrona ireo mpanao asa tànana. Mpanao asa tànana 820 no lasa matihanina ary tsena fampiratiana asa tànana valo (08) no tafapetraka.

Ireto avy ireo zava-bita goavana ho an'ny iraka « Kolontsaina » : Famerenana amin'ny laoniny ireo vakoka miisa valo (08) raha folo (10) ny vinavina; ny fampiofanana teknisianina sy mpandraharaha ara-kolontsaina 32 raha 35 ny vinavina ; ny fanohanana tamin'ny famoronana asa tànana tamin'ny alalan'ny fanampiana ireo famoronana vaovao folo (10) ; ary ny fanohanana ireo hetsika ara-kolontsaina folo (10) nanehoana ny isam-paritra mba hanomezan-danja ny kolontsaina sy ny asan'ireo mpanan-talenta.

Ny 66,21% tamin'ny sora-bola nomena nu Ministera no lany. Tondromarika iray (01) tamin'ireo sivy (09) no tratra, izany hoe taham-pahombiazana 11,11%.

3. Sehatra famokarana

Ny sehatra famokarana dia ahitana Ministera fito (07).

a. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Andrim-panjakana sy Ministera ao anatin'ny sehatra famokarana

Kely dia kely raha ny sora-bola azon'ny sehatra famokarana satria ny 8,44% tamin'ny fitambaran'ny tetibola ankapobe ihany izany. Araka izany, raha ny LFI sy ny LFR no nanome azy isan'isany 266,67 lavitrisa Ariary sy 365,64 lavitrisa Ariary, taorian'ny famadihana ireo sora-bola dia lasa 361,24 lavitrisa Ariary ny sora-bolany farany. Tamin'izany vola izany no nanatanterahan'ny departemanta rehetra tao amin'ity sehatra ity iraka valo (08) izay nampivondrona fandaharan'asa 19 sy tanjona 55. Raha tondromarika 92 no voasoratra tao anatin'ny LFI teny am-piandohana, ny LFR dia namivavina 98, izany hoe fitomboana 6,52%.

Ny taham-pandaniam-bola vita sy ny taham-panatanterahana ireo tondromarika dia 74,64% sy 50% isan'isany teo am-piafaran'ny taom-piasana. Tamin'ny fandaniam-bola izay nananika ny 133,71 lavitrisa Ariary no nahafahana nahatratra 100% ny tanjona miisa 49 tamin'ireo 98 nofaritana.


Fintinina amin'ity fafana manaraka ity ny fanatanterahan'ny sehatra famokarana teo amin'ny sora-bola sy teo amin'ny fahombiazana :

Fafana 40 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Andrim-panjakana sy Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana

En nombre										En Millions d'Ariary		
Inst/ Min	Mis.	Prog.	Obj.	Valeurs cibles		Valeurs réalisées	Non atteint s	ND	Autres	Crédits		Dépenses réalisées
				Initiales	Finales					Initiaux	Définitifs	
7	8	19	55	92	98	49	40	6	3	266 671,30	361 239,85	133 705,42

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Kisary 4 : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2014 (amin'ny %)



Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

b. Fivoaran'ny fahombiazana ho an'ny sehatra famokarana (LFI sy LFR)

Nampitomboina ny sora-bola sy ny isan'ny tondromarika. Raha 137,11% izany tamin'ny voalohany dia niampy 6,52% mihoatra tamin'ny vinavina teny am-piandohana ny faharoa. Tondromarika folo (10) no nasiam-panovàna ka enina (06) no nahena. Tanjona vaovao enina (06) no napetraka: dimy (05) teo anivon'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina sy ireo PME ary iray (01) teo anivon'ny Ministeran'ny Fiompiana sy ny Fiarovana ny Biby.

Fafana 41 : Fintina momba ny fivoaran'ny tetibola sy ny fahombiazana tao amin'ny sehatra famokarana

Institution/Ministère	MODIFICATION DES CREDITS (En Millions d'Ariary)			MODIFICATION DU NOMBRE DES INDICATEURS			MODIFICATION DE LA VALEUR CIBLE		
	Crédits initiaux (LFI)	Crédits après (LFR)	Evolution	Prévisions initiales	Prévisions finales	Evolution	Modification en +	Modification en -	Evolution
Ministère de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des PME	12 451,68	11 485,54	92,24%	5	10	200,00%	3		30,00%
Ministère du Tourisme	4 624,33	7 231,13	156,37%	4	4	Inchangé	1		25,00%
Ministère de l'Agriculture et du Développement rural	185 044,14	255 759,14	138,21%	34	34	Inchangé	5		14,71%
Ministère de l'Elevage et de la Protection animale	10 208,70	13 618,12	133,40%	20	21	105,00%			
Ministère de la Pêche et des Ressources Halieutiques	14 350,66	21 413,98	149,22%	13	13	Inchangé		6	46,15%
Ministère de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	33 942,05	47 482,05	139,89%	7	7	Inchangé			
Ministère auprès de la Présidence Chargé des Ressources Stratégiques	6 049,74	8 649,87	142,98%	9	9	Inchangé	1		11,11%
TOTAL	266 671,30	365 639,82	137,11%	92	98	106,52%	10	6	16,33%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta ao amin'ny sehatra famokarana

- MINISTERAN'NY INDOSTRIA SY NY FAMPANDROSOANA NY SEHATRA TSY MIANKINA SY IREO ORINASA MADINIKA SY SALANTSALANY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 42: Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina sy ireo orinasa madinika sy salantsalany

Libellés		En Millions d’Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
051	Administration Et Coordination	6 874,49	3 252,01	47,31%	1	1	1	0	0	0	100,00%
605	Industrie	4 555,14	592,91	13,02%	9	9	9	0	0	0	100,00%
TOTAL		11 429,63	3 844,92	33,64%	10	10	10	0	0	0	100,00%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Raha tsy nisy afa tsy 47,31% ny taham-pampiasana ny tetibola ho an'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrindrana », nahafa-po kosa ny vokatry teo amin'ny fahombiazana, taha izay 100%. Araka izany, ny tondromarika « taham-pampiasana tetibola voasoratra tao amin'ny « hiantoka ny fampiasana ara-drariny ireo vola azon'ny Ministera mba hanatanterahana ireo andraikiny » dia nahatratra ny tanjona ary nihoatra 1,07 isa aza, noho ny taham-pandraiketana izay ambony noho izay noheverina (-43%), vokatry ny fahakelezan'ny taham-pandaminana tamin'ny telovolana fahatelo sy ny fahateran'ny fotoam-pandraiketana tamin'ny telovolana farany.

Ny fandaharan'asa « indostria » dia nanana ny taham-pampiasana tetibola 13,02% izay nihoatra raha ampitahaina tamin'ny vinavina teny am-piandohana : fikambanana 53 no nohatsaraina (+3 mihoatra ny tanjona), fikambanana mpanodina 38 no nampiasaina (+8 tamin'ny tanjona) mba hanatevenana ireo indostria mpanodina, taratasy fankatoavana 293 sy fanomezan-dalana hiasa 05 no nozaraina mba hamparisika ny indostria, ary izany dia niankina tamin'ny sora-bola teo am-pelatanana.

Tsara ny manamarika fa ny tanjona efatra (04) voalohany tamin'ny fandaharan'asa « indostria » dia nametraka fanazavana tamin'ny fahombiazany fa ireo dimy (05) hafa kosa tsy nazava.

- MINISTERAN'NY FIZAHAN-TANY

Ityfafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 43 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fizahan-tany

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Objectifs	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
040	Administration Et Coordination	3 754,48	2 990,92	79,66%	1	1	0	1	0	0	0,00%
608	Developpement Du Tourisme	2 744,46	1 830,88	66,71%	1	2	1	1	0	0	50,00%
610	Developpement Du Contrôle Et Du Suivi Touristique	541,08	414,64	76,63%	1	1	1	0	0	0	100,00%
TOTAL		7 040,02	5 236,44	74,38%	3	4	2	2	0	0	50,00%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny LFI dia nanome sora-bola 4,62 lavitrisa Ariary ho an'ny Ministeran'ny Fizahan-tany ary tamin'ny farany dia nanana sora-bola 7,04 lavitrisa Ariary. Ny 74,38% tamin'izany no lany tamin'ny fiafaran'ny taona. Tondromarika roa (02) tamin'ireo efatra (04) nofaritana teny am-piandohana no tratra tamin'ireo fandanim-bola vita, isan'izany ny fampidiram-bola teo amin'ny sehatry ny fizahan-tany (428 tapitrisa DTS raha 235 tapitrisa DTS ny vinavina) sy ny isan'ireo fandraisam-bahiny vita fanaraha-maso sy fitsirihana (844 raha 530 ny vinavina).Ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasim-panjakana (72 ora raha tokony ho 64 ora) sy ny isan'ireo mpizaha-tany nitsidika an'I Madagasikara (22 374 raha 330 000 ny vinavina) dia tsy afaka nahatratra ireo tanjony, ity elanelam-pahombiazana ity dia nampihena sy nametraka ahiahy ny amin'ny fahombiazan'ity sehatra ity.Ny faharatsian'ny toe-draharaha politika sy toekarena teto amin'ny firenena no anton'ireto elanelana ireto.

- MINISTERAN'NY FAMBOLENA SY FAMPANDROSOANA NY AMBANIVOHITRA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 44 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fampandrosoana ny Ambanivohitra

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
016	Administration Et Coordination	21 303,54	19 275,63	90,48%	4	15	8	7	0	0	53,33%
404	Revolution Verte	231 838,65	68 347,74	29,41%	7	16	6	7	0	3	37,50%
405	Recherche Agricole	251,00	142,20	56,65%	2	3	3	0	0	0	100,00%
TOTAL		253 393,19	87 765,57	34,63%	13	34	17	14	0	3	50,00%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny sora-bola farany nomena ity Ministera ity ho an'ny fandaharan'asa telo (03) izay nananany dia 253,39 lavitrisa Ariary, izay nahitana fiovana +38,21% raha oharina tamin'ny sora-bola nomena tao amin'ny LFI. Ny fandanium-bola vitany dia nahatratra 87,77 lavitrisa Ariary, izay taham-pampiasana ny tetibola 34,63% tamin'ny tetibola farany azony.

Raha jerena ny fandanium-bola natao dia antonony ny fahombiazana ho an'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana », taha izay 53,33% araka ny zava-nisy izay nahatrarana tondromarika iray (01) tamin'ireo roa (02) nisy, ary isaky ny tanjona (04). Anton'ity fahombiazana antonony tamin'ity ministera ity ohatra ny vinavina ambony loatra tamin'ny tanjona napetraka (foibem-pitantanana 24 fotsiny no afaka nifandray tamin'ny alalan'ny intranet tamin'ireo 30 novinavinaina), teo koa ny fahataran'ny famoaham-bola sy ny tsy fahampian'ny fitaovana hivezivezena (fanentanana 14 tamin'ny vinavina 20 no vita), teo koa ny fisian'ny fanovan-drafitra teo anivon'ny Ministera izay niteraka fitomboan'isan'ireo raharaha mila vahaolana (lalàna sy antontan-taratasy fifandirana 70 no voavaha raha 80 ny vinavina). Ezaka maro teo amin'ny vinavina sy ny hametrahana ireo tanjona tsy ho sarotra tanterahina loatra ary ho mora tratarina no ho volavolaina mba hanatsarana ny fahombiazana eo anivon'ity fandaharan'asa ity.

Ny fandaharan'asa « Tontolo maitso sy maharitra » dia nanana tanjona fito (07) ary fahombiazana 37,50%, izay nihena satria ny taham-pampiasana ny tetibola dia tsy nisy afa tsy 29,41%. Ny tsy fahombiazana dia vokatry ny fizarana tsy nitovy tamin'ny tetibola ka niteraka olana tamin'ny fanomezana ny zezika ilain'ireo mpamokatra (1175 taonina ihany no azo nampiasaina raha 4000 taonina ny vinavina). Ambonin'izany, ny tsy fahafahana nanome masomboly voafantina dia isan'ny antony iray tamin'ny tsy fahombiazana satria tsy voamarina sy tsy voajery teo anivon'ny ANCOSou ny famokarana ireo masomboly (masomboly 525,26 taonina ihany no voamarina raha 3 000 taonina ny vinavina). Farany, na dia teo aza ireo ezaka natao mba hiadiana amin'ny fihanak'ireo bibikely mpanimba voly sy ny fizarana ireo fanamarinana, nampidina hatrany ny fahombiazan'ity fandaharan'asa ity ny fahasahiranana teo amin'ny fametrahana ireo sampan-draharahan'ny fambolena mahomby sy mamaha olana (fivoriana 58 fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo Ivon-toerana misahana ny fambolena ihany no tontosa raha 107 ny vinavina).

Farany, nahafa-po ny fahombiazan'ny fandaharan'asa « Fikarohana ara-pambolena » satria nisy vokany ireo ezaka tamin'ny fanitsiana sy fanavaozana ireo fomba fambolena tamin'ny alalan'ny fanaparitahana ireo fomba fanao/teknika ary koa ny fanaparitahana ny fiaraha-miombon'antoka mahomby teo amin'ny ivon-toeram-pikarohana sy ny mpamokatra tsy miankina (tantsaha 175 tamin'ny vinavina 120 no nahazo fiofanana sy porofo mivaingana).

- MINISTERAN'NY FIOMPIANA SY NY FIAROVANA NY BIBY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 45 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fiompiana sy ny Fiarovana ny Biby

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
039	Administration Et Coordination	7 594,30	6 068,24	79,91%	4	9	5	4	0	0	55,56%
406	Developpement De La Production Animale	5 924,76	4 103,54	69,26%	7	12	6	6	0	0	50,00%
TOTAL		13 519,06	10 171,78	75,24%	11	21	11	10	0	0	52,38%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Nanana fandaharan'asa roa ity Ministera ity ary ny sora-bola farany nomena azy dia tafakatra 13,52 lavitrisa Ariary. Rehefa nampitahaina tamin'ny fandanian-bola vitany io tarehimarika io dia hita fa 75,24% ny taham-pampiasana ny tetibola.

Tamin'ity fandanian-bola ity, ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » dia naneho fahombiazana 55,56% raha 50% fotsiny ny an'ny « Fampandrosoana ny fiarovana ny biby », izany hoe salam-pahombiazana 52,38%.

Ho an'ny fandaharan'asa voalohany, dimy (05) tamin'ireo tondromarika sivy (09) voasoratra no tratra, vokatry ny fanatsarana ireo mombamomba ny fiompianatamin'ny alalan'ny fanaraha-maso ireo singa voakasik'izany ary indrindra ny fanentanana momba ny Didim-panjakana MECIE. Ambonin'izany, na dia tsy nisy afa tsy 76,73% aza ny tahan'ny fampiasana ny tetibola ho an'ny « Fitantanana sy fanaraha-maso ireo loharanom-bolan'ny Ministera » dia ampy nandaminana ny maha ara-panjakana ireo mpiasa maro ary koa nampitombo ny isan'ny fividianan'entana nahazo fankatoavana. Nefa hita ny tsy fahombiazana teo anivon'ny « Fandaharana ireo atrik'asan'ny sehatra fiompiana » sy ny « fanatsarana ny rafitra fampitam-baovao » izay mbola mila ezaka satria tsy afaka nalamina sy nalahatra araka izay nety tamin'ny Ministera ireo atrik'asa rehetra (4 tamin'ireo 5 novinavinaina). Farany, 21% tamin'ireo tsara ho fantatra momba ny sehatry ny fiompiana ihany no afaka nampahafantarina noho ny habetsahan'ireo foibem-pitantanana izay mbola tsy mifandray amin'ny alalan'ny intranet.

Antonony ny fahombiazana ho an'ny fandaharan'asa « Fampandrosoana ny fiarovana ny biby » raha raisina ireo tondromarika 12 izay nananany, ny antsasany no nahatratra ny tanjona.

Isan'izany ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo tompon'antoka (fampiofanana ny mpiompy sy fanampiana ireo mpitsabo biby) mba « hiantoka ny fisiana, ny fampidirana ary ny fahafahan'ny hena avy amin'ny omby miatrika ny tsena ». Azo lazaina amin'izany koa ny fitomboan'ny isan'ireo omby lahy vita vakisiny (+ 3 090 281 tamin'ny tanjona) sy omby vavy vita fanaraha-maso (+10 439 tamin'ny vinavina) mba ho « fanatsarana ny fahombiazana sy ny fikarakarana omby ». Nefa tsy nisy tratra ireo tondromarika natao « hiantoka ny fanatsarana ny fahombiazana sy ny fikarakarana ny biby » satria tsy nisy nihatsara ireo zavatra napetraka ary tsy nisy ivon-toeram-panatsarana ny karazana azo nampiasaina (0 raha 3 ny vinavina).

- MINISTERAN'NY HARENA AN-DRANOMASINA SY NY JONO

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono:

Fafana 46 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
033	Administration Et Coordination	12 032,76	9 587,56	79,68%	5	7	2	5	0	0	28,57%
408	Developpement De La Pêche Et Des Ressources Halieutiques	8 202,15	2 198,87	26,81%	3	6	2	4	0	0	33,33%
TOTAL		20 234,91	11 786,43	58,25%	8	13	4	9	0	0	30,77%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ity Ministera ity dia nanana fandaharan'asa roa (02) izay nahazoany ny sora-bola farany 20,23 lavitrisa Ariary, izany hoe fiovana +41% raha naminavina 14,35 lavitrisa Ariary ny LFI. Raha jerena ireo fandanim-bola vita dia hita fa 58,25% ny tahan'ny fampiasana ny tetibola.

Efatra (04) tamin'ireo tondromarika 13 nananan'ny Ministera ihany no tratra, tamin'ireo fandaharan'asa rehetra, izany hoe fahombiazana 30,77%.

Momba ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana », tondromarika roa (02) ihany tamin'ireo fito (07) napetraka no nahatratra ny tanjona. Raha ny zava-bita nivaingana kosa, izay notanterahina tamin'ny alalan'ny « Fandaharana ny tetibola » sy « ivon-toeram-panaraha-maso ny jono miasa araka ny tokony ho izy, mahomby sy maharitra », dia tsy afaka nampiasa ny tetibola rehetra novinavinaina noho ny fahataran'ny famindrana sora-bola sy ny taham-pandaminana.

Ho an'ny fandaharan'asa « Fampandrosoana ny Jono sy ireo Harena an-dranomasina », tsy fahombiazana no nisy satria tondromarika roa (02) tamin'ireo enina (06) no nahitam-bokatra araka izay noheverina. Ireo zava-bita vitsivitsy dia ny fanaovana ny tetik'asa fanentanana, ny fampahafantarana, ny fampiofanana teny anivon'ireo faritra (tetik'asa 150 tanteraka tamin'ny vinavina 15) ary koa ny fizarana ny fanomezan-dàlana hanjono sy fanomezan-dàlana hanangona ny vokatra an-dranomasina.

- MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY ALA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fandraiketan'ity Ministera ity:

Fafana 47 : Fandravonana ireo fandraiketan'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Ala

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
017	Administration Et Coordination	9 827,14	8 064,71	82,07%	1	1	0	1	0	0	0,00%
701	Gestion Durable Des Ressources Naturelles	37 137,76	2 870,55	7,73%	3	3	1	2	0	0	33,33%
703	Developpement Du Reflexe Environnemental	336,10	169,01	50,29%	1	3	2	1	0	0	66,67%
TOTAL		47 301,00	11 104,27	23,48%	5	7	3	4	0	0	42,86%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ity Ministera ity dia nanana fandaharan'asa telo (03) ary nanana taham-pahombiazana 42,86% tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana 2014.

Tsy nahafa-po ny fahombiazana ho an'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » satria tamin'ny tondromarika tokana izay napetraka, dia ny isan'ny « lohahevitra ny fiofanana ho zaraina » dia naneho taham-panatanterahana 0%. Araka izany, fiofanana 12 tamin'ireo 15 novinavinaina no vita ka tsy nahafeno ny fahatrarana ny tanjona « fanatsarana ireo rafitra fampitam-baovao momba ny ala sy ny tontolo iainana ».Ny antony voalohany nolazain'ny Ministera ho niteraka ity elanelana ity dia ny tsy famoahana ny vola.

Ho an'ny fandaharan'asa « Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary », fanatsarana ireo rafitra fanaraha-maso ny ala sy tontolo iainana no natao (fitsirihana 617 no vita raha 350 ny vinavina) mba hanafoanana ireo fitrandrahana tsy ara-dalàna eo anivon'ity sehatra ity. Tondromarika iray (01) tamin'ireo telo (03) tao amin'io fandaharan'asa io no tratra, izany hoe fahombiazana 33,33%.

Farany, ny fandaharan'asa « fampandrosoana ny lamina momba ny tontolo iainana » dia nanao ezaka tamin'ny famahana ireo olana araka ireo fitarainana mikasika ny tontolo iainana (fitarainana 43 no voavaha nifanaraka tamin'ny tanjona) sy ny fampidirana ny fanentanana momba ny tontolo iainana eo amin'ny lafin-tserasera rehetra (atrik'asa fanentanana momba ny tontolo iainana 26 raha 10 ny vinavina). Nefa ny indroa tokon'ny (2/3) tondromarika tao anatin'ity fandaharan'asa ity ihany no nahatratra ny tanjona, ka nahatonga ny fahombiazany ho 66,67%.

- MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA, MISAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 48: Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
019	Gestion Durable Des Ressources Naturelles	5 763,02	2 392,00	41,51%	1	1	1	0	0	0	100,00%
609	Developpement Du Secteur Minier	1 595,16	658,83	41,30%	2	4	1	1	2	0	25,00%
056	Administration Et Coordination	445,99	409,59	91,84%	1	1	0	0	1	0	0,00%
204	Developpement Du Secteur Petroliers Et Des Biocarburants	517,87	335,58	64,80%	1	3	0	0	3	0	0,00%
TOTAL		8 322,04	3 796,00	45,61%	5	9	2	1	6	0	22,22%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ity Ministera ity dia nanana fandaharan'asa efatra (04) niavaka tsara ka ny fahombiazany tamin'ny fiakaran'ny taona 2014 dia 22,22%.Ny sora-bola farany nomena azy dia 8,32 lavitrisa Ariary ary ny 45,61% tamin'izany ihany no nampiasainy.

Ny fandaharan'asa « Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary » tao amin'ny iraka « Harena an-kibon'ny tany » irery ihany no nahazo vokatra tsara teo amin'ny fahombiazana (100%), ireo telo (03) hafa dia tena tsy ampy ary tsy nisy mihitsy aza ny an'ny iraka « Solika » ary izany no tsy nisian'ny fahombiazana teo amin'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana » sy « Fampandrosoana ny sehatra solitany sy solika mifangaro ».

Ny Ministera dia hita ho nanome vahana kokoa ny fampidiram-bola tamin'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany (314,763 lavitrisa Ariary raha 200 lavitrisa Ariary ny vinavina)sy ny tolotra teo amin'ny raharaham-panjakana noho ny fitrandrahana loharanon-solika (isan'ny fifanarahana voasonia, habetsahan'ny fampiasam-bola, isan'ny olona nampiofanina)ka ny ankamaroan'ireo tondromarika tamin'izany dia tsy nampiasaina.

4. Sehatra fotodrafitrasa

Ny sehatra fotodrafitrasa dia nanana Ministera fito.

a. Fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

Ministera fito (07) no niandraikitra iraka 11 ary nampivondrona fandaharan'asa 23, mba hanehoana tsara ny endriky ny politikam-panjakana teo amin'ny sehatra fotodrafitrasa. Tondromarika 108 no nentinanombana ny fahombiazan'ireo atrik'asa nataony. Teo amin'ny lafiny ara-bola, ity sehatra ity no nahazo ny 8,83% tamin'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana, sora-bola nitentina 377,71 lavitrisa Ariary.

Antonony ihany raha ny fandaniana vita tamin'ny fiafaan'ny taom-piasana 2014, raha izay 44,98%. Raha ny fahombiazana indray, tondromarika 36 no nahatratra ny tanjona araka izay novinavinana, izany hoe taham-panatanterahana 33,33%.


Ny fampiasana ny sora-bola sy ny fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa no fintinina amin'ity fafana manaraka ity :

Fafana 49 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

En nombre										En Millions d'Ariary		
Inst/ Min	Mis.	Prog.	Obj.	Valeurs cibles		Valeurs réalisées	Non atteints	ND	Autres	Crédits		Dépenses réalisées
				Initiales	Finales					Initiaux	Définitifs	
7	11	23	65	85	108	36	65	6	1	227 758,08	377 709,13	169 897,39

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Kisary 5 : Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2014 (amin'ny %)



Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

b. **Fivoaran'ny fahombiazana ho an'ny sehatra fotodrafitrasa (LFI sy LFR)**

Ny sora-bola natokana ho an'ny sehatra fotodrafitrasa dia nitentina 227,76 lavitrisa Ariary. Taorian'ny fanitsiana ny tetibola dia nitombo izany ka tafakatra 380,29 lavitrisa Ariary, izany hoe fiakarana 66,97%.

Raha nahatratra 85 ny isan'ireo tondromarika napetraky ny LFI, tafakatra 108 kosa izany taorian'ny LFR. Io tondromarika fanampiny io (23) dia tao amin'ny Ministeran'ny Fifandraisana, ny Serasera ary ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana. Araka izany, Ministera roa izay mbola nisaraka tao anatin'ny LFI no natambatra, dia ny Ministeran'ny Fifandraisana sy ny Ministeran'ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana. Folo (10) no nahitana fitomboana tamin'ny fahatrarana ny tanjona ary iray kosa (01) nihena.

Fafana 50 : Famintinana ny fivoarana teo amin'ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa

Institution/Ministère	MODIFICATION DES CREDITS (En Millions d'Ariary)			MODIFICATION DU NOMBRE DES INDICATEURS			MODIFICATION DE LA VALEUR CIBLE		
	Crédits initiaux (LFI)	Crédits après (LFR)	Evolution	Prévisions initiales	Prévisions finales	Evolution	Modification en +	Modification en -	Evolution
Ministère de la Communication, de l'Information et des relations avec les Institutions	12 162,74	15 034,74	123,61%	20	43	215%	6	1	16,28%
Ministère de l'Energie	13 253,38	23 848,70	179,94%	8	8	Inchangé			
Ministère de l'Eau	17 759,16	36 048,66	202,99%	10	10	Inchangé	1		10,00%
Ministère des Travaux Publics	77 938,43	167 878,27	215,40%	8	8	Inchangé			
Ministère d'Etat en charge des Infrastructures, de l'équipement et de l'aménagement du territoire	65 083,88	81 948,35	125,91%	16	16	Inchangé			
Ministère des Transports et de la Météorologie	29 726,11	39 121,82	131,61%	21	21	Inchangé	3		14,29%
Ministère des Postes, des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	11 834,39	16 414,24	138,70%	2	2	Inchangé			
TOTAL	227 758,08	380 294,77	166,97%	85	108	127,06%	10	1	10,19%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta ao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

- MINISTERAN'NY FIFANDRAISANA, NY SERASERA ARY NY FIFANDRAISANA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 51 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fifandraisana, ny Serasera ary ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Cod prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Aut.	Taux de réal.
055	Administration Et Coordination	1 096,61	1 035,78	94,45%	6	13	10	3	0	0	76,92%
821	Coordination Des Relations Avec Les Institutions	199,50	173,43	86,93%	6	6	4	2	0	0	66,67%
822	Promotion De La Bonne Gouvernance	230,00	223,34	97,10%	8	8	3	5	0	0	37,50%
030	Administration Et Coordination	9 262,74	7 461,03	80,55%	3	5	1	4	0	0	20,00%
212	Media	644,97	355,86	55,17%	4	8	4	4	0	0	50,00%
213	Developpement Des Infrastructures Radio Et Télévision	3 569,90	3 515,98	98,49%	2	3	1	2	0	0	33,33%
Total		15 003,72	12 765,41	85,08%	29	43	23	20	0	0	53,49%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Taorian'ny fijoroan'ny governemanta vaovao dia natambatra ho iray ny Ministeran'ny Fifandraisana sy ny Ministera misahana ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana. Iraka roa (02) no nankinina taminy, dia ny Fifandraisana sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana.

Ireto no zava-bita tao amin'ny fandaharan'asa « Fampitam-baovao » :

- Fikarakarana fiofanana 78 tany ambanivohitra (raha 60 ny vinavina) ;
- Fanaraha-maso trano fanaovan-gazety sy fahitalavitra/radio miisa 104 (raha 200 ny vinavina) ;
- Fandalinana toerana 150 sy fanaparitahana didy miisa dimy (05) momba ny fametrahana sy fanehoana ny TNT eto Madagasikara.

Nifantoka tamin'ny fanatsarana ireo trano fiasana ara-teknika 17 tamin'ny vinavina 64 nyfandaharan'asa « fampandrosoana ireo fotodrafitrasa sy Haino aman-jery ». Nefa nihoatra ny vinavina ny fividianana fitaovana ara-teknika. Isan'ny zava-bita tamin'izany ny fananganana tsatokam-pifandrainsana RNM/TVM tamin'ny faritra 11, ny fanamboarana fitoerana iraisana ara-teknika tany Ambato Boeny, Bealanana, Kandrehon, ...

Araka ny tatitry ny fahombiazana nataon'ny Ministera dia tsy tratra ireo tanjona noho nytsy fahampian'ny fitaovana sy ny tsy fahampian'ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa.

Ankoatra ny fandaharan'asa « Fitantanany fandrinana », ny iraka « Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana » dia nanana fandaharan'asa roa (02), dia ny « fandrinana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana » araka izany filazana azy izany, sy ny fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana anjara ny teratany. Tanjona dimy (05) no tao amin'ny fandaharan'asa voalohany. Tondromarika 02 tamin'ny 06 no tratra taorian'ny fandrefesana ny fahombiazana. Singanina ireto zavatra vita ireto tao amin'ny fandaharan'asa faharoa, ny fanandratana ny « Fihavanana » sy ny fampandraisana anjara ny teratany tamin'ny alalan'ny famenoana sy fametrahana ny rafitra mahefa ary koa ny fampiroboroboana ny demokrasia.

Ny fandaharan'asa rehetran'ny Ministera dia nampiasa ny 85,08% tamin'ny sora-bola nananany. Ny 53,49% n'ny tondromarika no nahatratra ny tanjona napetraka nandritra ity taona ity.

- MINISTERAN'NY ANGOVO

Ny fanatanterahan'ny Ministera sy ny fandanianana ny sora-bola nomena azy no hita amin'ny fafana manaraka:

Fafana 52 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Cod prog	PROGRAMMES	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
031	Administration Et Coordination	7 689,83	6 153,73	80,02%	1	1	0	1	0	0	0,00%
203	Developpement Des Infrastructures Electriques Et Des Ressources D'energie Locale	16 057,37	6 756,16	42,07%	7	7	1	4	1	1	14,29%
Total		23 747,20	12 909,89	54,36%	8	8	1	5	1	1	12,50%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Fandaharan'asa tokana ankoatra ny fandaharan'asa « Fitantanana sy fandrindrana » no nananan'ny Ministera, dia ny « Fampanandrosoana ireo fotodrafitrasa momba ny herinaratra sy ireo loharanon'angovo eto an-toerana ».

Ny fandaharan'asa « Fitantanana sy fandrindrana » dia natokana ho amin'ny fanatsarana ny tolotra teo amin'ny asam-panjakana. Ny tondro famantarana izany dia ny fiantohana ny taham-pampiasana ny tetibola ho tonga amin'ny 85%. Nefa dia nihena ny zavatra vita araka ny tatitry ny Ministera, ka nihemotra ho 72,55%.Ny tsy fahatomombanana teo amin'ireo tolotra sasantsasany no nahatonga ny elanelana raha ampitahaina amin'ny vinavina.

Momba ny fandaharan'asan'ny Ministera manokana, tao anatin'ny fanatsarana ny fanjakana tsara tantana sy ny fiarovana ny fampiasam-bola, ny vokatra dia ahafahana milaza fa 15% tamin'ny fampiasam-bola fotsiny no avy tamin'ny sehatra tsy miankina nefa 30% ny tanjona. Niezaka ihany koa ny Ministera nampitombo ny fampidirana herinaratra tany an-tokan-trano. Ho an'ny taona 2014, 55,42% tamin'ny tokan-trano an-drenovohitra no nahazo herinaratra ary 6,15% izany taha izany tany ambanivohitra. Ireto vokatra ireto dia naneho elanelana isan'isany 2,58% sy 0,35% raha oharina tamin'izay novinavinaina. Tsy tratra 100% ny tanjona noho ny fitomboan'ny tinady teo anivon'ireo tokan-trano sy ireo indostria mihoatra noho ny tamin'ny taona teo aloha izay mbola milamina akory. Na izany aza dia efa nihevitra ny hampandroso ireo loharanon'angovo hafa ny Ministera (masoandro sy rano).

Ny antsasaky ny tanjona no tratra teo amin'ny fampiroboroboana ny fitrandrahana ireo loharanon'angovo eto an-toerana sy ny fanatsarana ny fanampiana ho amin'ny fampanandrosoana ny sehatra angovo.Ambany ny tahan'ny fahafaham-pon'ny mpampiasa (tokan-trano, indostria) noho ny fahatapahan-jiro ara-toekarena sy ara-teknika, antony iray nanamarika ny tsy fahombiazan'ny Ministera. Farany, tsy afaka notombanana ny fanandratana ny herin'ny angovo sy ny fahombiazany : sarotra refesina ny tondromarika napetraka.

- MINISTERAN'NY RANO

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 53 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Rano

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
032	Administration et coordination	3 459,59	3 202,71	92,58%	1	1	0	1	0	0	-
205	Développement de l'accès à l'eau et aux infrastructures d'assainissement	32 589,07	23 536,63	72,22%	3	9	0	7	2	0	-
TOTAL		36 048,66	26 739,34	74,17%	4	10	0	8	2	0	-

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny fitambaran'ny vola rehetra nampiasainy tamin'ireo fandaharan'asan'ity Ministera ity dia 26,74 lavitrisa Ariary, tamin'ny sora-bola farany azony izay nitentina 36,05 lavitrisa Ariary. Tsy nisy tanjona tratra hatramin'ny 100% ary antontan-kevitra roa (02) ihany koa no tsy azo nampiasaina.

Tsara ho marihina fa ny ankamaroan'ireo elanelana hita dia tsy nahitana fanazavana ankoatra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola izay nisy elanelana 5,22% raha oharina tamin'ny vinavina, vokatry ny famerana tamin'ny taham-pandaminana.

Na dia teo azan y vokatry ratsy dia nisy ihany ireo zava-bita tokony ho lazaina: ny fanisana ireo toeram-panasan-damba roa, ny fampidiran-drano madio taty an-drenivohitra sy tany ambanivohitra tamin'ny taha 63% sy 39% isan'isany raha 75% sy 42% ny vinavina.

- MINISTERAN'NY ASA VAVENTY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 54 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Asa Vaventy

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
020	Administration et coordination	9 702,86	9 012,70	92,89%	2	4	3	1	0	0	75%
206	Développement des infrastructures routières	157 954,64	42 980,99	27,21%	2	4	3	1	0	0	75%
TOTAL		167 657,50	51 993,69	31,01%	4	8	6	2	0	0	75%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ity Ministera ity dia nahazo sora-bola 167,66 lavitrisa Ariary mba hanatanterahany ireo andraikiny. Fanatanterahana ireo tanjona efatra (04) no niandraiketany, izay nampivondrona tondromarika valo (08).

Ambany ny fatran'ny fandaniana ny sora-bola satria tsy nisy afa tsy 31% fotsiny. Na izany aza nefa dia nahazoam-bokatra araka izay nantenaina ny 75% tamin'ireo tondromarika:

Tondromarika enina (06) tamin'ireo valo (08) no tratra. Ireto no zava-bita tena nahitam-bokatra, ny fandrindrana arakaraka ny tanjaky ny faritra ara-toekarena amin'ny tambazotram-pitaterana (60%), ny fikojakojana ireo lalam-pirenena tamin'ny alalan'ny famatsiam-bola avy tamin'ny FER (40%).

Nefa noho ny sakana ara-bola dia tsy tanteraka daholo ny fampiofanana natokana ho an'ny mpiasa sy ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika. Tahaka izany koa, tsy tanteraka ny tanjona tamin'ny tahan'ireo kaominina ahitana lalana malalaka azo aleha : Araka izany, tsy tao anatin'ny tetibolan'ny Ministera hatramin'ny 2006 ny famatsiam-bola ho an'ny lalana any ambanivohitra.

- MINISTERAM-PANJAKANA MISAHANA NY FOTODRAFITRASA, NY FAMPITAOVANA ARY NY FANAJARIANA NY TANY

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 55 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeram-panjakana misahana ny Fotodrafitrasa,ny Fampitaovana ary ny Fanajariana ny Tany

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
018	Administration Et Coordination	2 920,74	1 996,39	68,35%	1	1	0	1	0	0	0,00%
409	Domaine Et Sécurisation Foncière	864,00	804,72	93,14%	1	5	1	4	0	0	20,00%
021	Administration Et Coordination	21 070,39	18 566,06	88,11%	3	7	2	5	0	0	28,57%
207	Amenagement Et Equipement Des Villes	56 215,50	10 180,59	18,11%	2	3	0	3	0	0	0,00%
TOTAL		81 070,63	31 547,76	38,91%	7	16	3	13	0	0	18,75%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Nanana fandaharan'asa efatra (04) ity Ministera ity ary tamin'izany no nahazoany ny sora-bola farany nitentina 81,07 lavitrisa Ariary, izany hoe fiovana +24,56% raha ampitahaina tamin'ny vinavina tao amin'ny LFI. Raha jerena ny fandaniam-bola dia tsapa fa 38,91% ny taham-pampiasana ny tetibola.

Tondromarika telo (03) fotsiny no tratra tamin'ireo 16 voasoratra hanatanterahana ireto fandaharan'asa ireto : iray (01) tamin'ny fandaharan'asa « Tany sy filaminan'ny fananan-tany » ary roa (02) tao amin'ny « Fitantanana sy Fandrindrana » teo anivon'ny iraka « Fanajariana ny Tany », izay nanana taham-pahombiazana 18,75%.

Ireto avy ireo zava-bita izay nahafahana nahatratra io taham-pahombiazana io : ny isan'ny taratasy fanamarinan-tany (46 220 raha 46 200 ny vinavina) mba hiantoka ny filaminana amin'ny fananan-tany sy fampanarahana ny fivoarana ireo sampan-draharahan'ny fananan-tany. Teo koa ny fitomboan'ny isan'ireo antontan-taratasy voamarina (antontan-taratasy 2813 momba ny fandraisana mpiasa, fisondrotana ary ny fisotroan-dronono no vita raha 2786 ny vinavina) sy ny fihenana ny fe-potoana famoahana izany (5 andro araka ny baiko nomen'ny tompon'andraikitra voalohany tao amin'ny Ministera) dia nahafahana niantoka « ny fitantanana ara-drariny sy ahazoam-bokatra ny mpiasa sy ny vola ».

Tratra ihany ireo vokatry ireo na dia teo aza ny tetibola kely izay matetika ambaran'ity Ministera ity ho anton'ny tsy fahombiazany. Araka izany, nanampy ireo olana teo amin'ny tsy fahafahana mandeha tamin'ireo kaominina vitsivitsy izay niteraka ny tsy fampiasana ireo antontan-kevitra sasany, tsy adino ny fahatarana tamin'ny fampiasana ny LFR, ny fiverimberenana'ny olana maro mikasika ny taham-pandaminana sy ny tsy fisian'ny fampiasana solosaina, vokatry ny tsy fahampian'ny sora-bola.

- MINISTERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 56 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
022	Administration Et Coordination	5 477,88	4 267,92	77,91%	2	4	1	3	0	0	25,00%
208	Transports Routiers Et Ferroviaires	16 602,84	13 969,01	84,14%	3	6	1	5	0	0	16,67%
209	Transports Maritimes, Fluvial Et Aérien	14 964,30	14 604,92	97,60%	2	5	0	4	1	0	0,00%
042	Administration Et Coordination	473 609,01	297,41	62,80%	2	3	0	1	2	0	0,00%
211	Developpement Meteorologique	250,00	172,40	68,96%	2	3	0	3	0	0	0,00%
TOTAL		37 768,63	33 311,66	88,20%	11	21	2	16	3	0	9,52%

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Ny Ministera dia nanana fandaharan'asa dimy (05) ary nahazo sora-bola farany 37,77 lavitrisa Ariary. Taham-pampiasana tetibola 88,20% no hita araka ny fandanianana vitany ary taham-pahombiazana 9,52%. Tena tsy ampy ity fahombiazana ity vokatry ny fanatanterahana maivana tamin'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana (iraka Fitaterana) » sy tamin'ny fandaharan'asa « Fitaterana an-tanety sy an-damasinina », ary ireo telo (03) hafa dia tsy nahitana fahombiazana mihitsy (0%).

Momba ny tanjaky ny Ministera indray, tondromarika roa (02) no tratra. Ny voalohany, tao anatin'ny fandaharan'asa « Fitantanana sy Fandrindrana », mikasika ny « fanatsarana ny fitantanana ny mpiasa sy fitaovan'ny Ministera », ka roa (02) tamin'izany no natao teo anivon'ny Foibem-pitantanana ny Fitaterana ambonin'ny tany sy ny Foibem-pitantanana ny Famantarana ny Toetr'andro. Nahatratra ny tanjony ihany koa ny tondromarika tao anatin'ny fandaharan'asa « Fitaterana an-tanety sy an-damasinina » satria fivoriam-panentanana roa (02) momba ny aroloza an-dàlam-be no vita ary nanana filamatra « mba hanatsara ny filaminana an-dàlam-be ».

Momba ireo vokatry ratsy kosa, 16 tamin'ireo tondromarika 21 voasoratra no tratra ka ireo fandaharan'asa teo anivon'ny iraka « Famantarana ny Toetr'andro » no tena nidina ny fahombiazany.

Ny Ministera dia nilaza fa ny tsy fahombiazany dia avy tamin'ny olana ara-tetibola, ny akon'ny toedraharaha politika sy toekarena ary ny sakana vokatry ny fandaminana ny telovolana fahaefatra. Araka izany, tanjona maro ahatarana taham-pahombiazana tsara, azo noho ireo asan'ny Ministera ary tsy voatery hiankina amin'ireo sora-bola omena azy no tokony hatao, noho ny fitsitsiana ny tetibola.

- MINISTERAN'NY PAOSITRA, NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY TEKNOLOJIA VAOVAO

Ity fafana manaraka ity dia mandravona ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ity Ministera ity:

Fafana 57 : Fandravonana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ny Ministeran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao

Libellés		En Millions d'Ariary			En nombre						
Code	Programmes	Crédits finaux	Dépenses réalisées	Taux de réal.	Obj.	Indicateurs Inscrits	A	NA	ND	Autres	Taux de réal.
023	Administration Et Coordination	693, 89	202,71	29,21%	1	1	0	1	0	0	-
210	Developpement Des Reseaux d'accès Au Tic Dans Les Zones Rurales	15 718, 90	426,92	2,72%	1	1	0	1	0	0	-
TOTAL		16 412,79	629,63	3,84%	2	2	0	2	0	0	-

Sources : RAP, Budget d'exécution LFI et LFR et BCSE 2014

Nanana fandaharan'asa roa (02) ny Ministera mba hanatanterahany ireo andraikiny « Paositra sy Fifandraisan-davitra » sy « Teknolojian'ny Fampitam-baovao sy ny Fifandraisana (TIC) ». Ny sora-bola farany nananany tamin'ny fiafaran'ny taona dia 16,41 lavitrisa Ariary. Nefa dia 3,84% tamin'izany no nampiasainy satria tsy namoaka vola afa tsy 629,63 lavitrisa Ariary izy ary tsy nisy tondromarika tratra tamin'ireo tanjona napetrany.

Araka izany dia tsy afaka nanatanteraka ny tanjony « hiantoka ny fitantanana ara-drariny sy mahomby ny mpiasa, ny vola ary ny fitaovana » satria tsy nisy afa tsy 26,50% ny taham-pandraiketany ny sora-bola nampiasaina oharina tamin'ny taha vinavina izay 95% , izany hoe elanelana 68,5%.Ny antony nahatonga izany ambaran'ny Ministera sy ireo hafa matetika dia ny fahataran'ny fandraiketana, ny fahataran'ny fanendrena ireo tompon'andraikitra ary ny fanamboarana ny sora-bolan'ny LFR.

Momba ny fandaharan'asa « Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra », ivon-tserasera tsy miankina sy ivon-tserasera an-tsekoly enina (06) tafapetraka tamin'ny vinavina 40, izay vokatry ny ezaka nataon'ny Ministera tamin'ny fametrahana ireo ivon-toerana Vohikala sy ny fametrahana ireo fitaovana momba ny informatika tany amin'ireo ivon-toerana nisy ny telovolana fahaefatra.

Ny fampiasana ny tetibola sy ny tondromarika tratra tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera rehetra dia nahitana isan'isany 71,71% sy 40,61%.Araka ny fanazavan'ny ankamaroan'ireo Tompon'andraikitra ny fandaharan'asa dia ny tsy fahampian'ny vola no anton'ny fahakelezan'ny zava-bitan'ny fanjakana.

III. ENDRIKY NY FAMPIASANA NY TETIBOLA

Ity fizarana ity dia hifantoka amin'ireo vokatry ny fitantanana ny tetibola madiodio nataon'ny fanjakana malagasy. Ny fanadihadiana dia hitodika amin'ireo fizarana dimy (05) ao amin'ny Tetibolam-panjakana, handray isan'isany ny endriky ny fidiram-bola sy ny fandaniem-bola. Ambonin'izany, ny fanehoana ny fivoaran'endriky ny tetibola dia navoaka tamin'ny alalan'ny famakafakana ireo didy fanovàna ny sora-bola tamin'ny taona 2014.

A. VINAVINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA

Fatiantoka 98,32 lavitrisa Ariary no vokatry ny fampiasana ny tetibola tamin'ny taona 2014, nahitana 0,36% tamin'ny harin-karena faobe, tamin'ny vinavina 82,5 lavitrisa Ariary, izany hoe 0,3% n'ny harin-karena faobe. Fatiantoka goavana no hita raha oharina tamin'ny taona 2013. Ity farany dia 42,86 lavitrisa Ariary, izany hoe fitomboana 50% raha ampitahaina amin'ny taona 2014.

Io fatiantoka io dia vokatry ny tsy fahampian'ny fampidiram-bola teo anivon'ny Fizarana I sy III, tsy nahafahana nameno ireo fandaniem-bola rehetra nataony. Vola 644,12 lavitrisa Ariary no nozaraina tao amin'ny Fizarana I ary 282,42 lavitrisa Ariary no tao anatin'ny Fizarana III. Ny vola niditra tao amin'ny Fizarana II, IV sy V nefa dia afaka nihoatra lavitra tamin'ny fandaniem-bola. Toy yzany ny momba ny Fampiasana ho Renivola ny Trosam-panjakana, izay nahitana fihoaran'ny vola miditra nitentina 820,80 lavitrisa Ariary. Tsara ny manamarika fa tsy nisy ny fandaniem-bola tao anatin'ny Fizarana Fampiasanany Tamberin'ny Vidin'entana.

Ity fafana ity no anehoana ireo vokatry ankapoben'ny fanatanterahana ny Tetibolam-panjakana.

Fafana 58: Vokatra ankapoben'ny fanatanterahana ny Tetibolam-panjakana

								(En Ariary)
Nomenclature	Recettes		Dépenses		Exécutions		Solde	
	Prévisions initiales	Prévisions finales	Crédits initiaux	Crédits finaux	Recettes	Dépenses	Excédents des recettes	Excédents des dépenses
CADRE I								
BUDGET GENERAL DE L'ETAT								
a - Opération de Fonctionnement	2 773 308 145 000,00	3 304 330 099 000,00	2 582 046 364 000,00	3 102 272 773 000,00	2 651 281 579 286,21	2 793 726 828 817,26		
b - Opération d'Investissement	297 337 590 000,00	366 142 570 000,00	806 287 937 000,00	1 177 375 168 000,00	30 315 862 737,40	531 991 007 409,77		
TOTAL CADRE I	3 070 645 735 000,00	3 670 472 669 000,00	3 388 334 301 000,00	4 279 647 941 000,00	2 681 597 442 023,61	3 325 717 836 227,03		-644 120 394 203,42
CADRE II								
BUDGETS ANNEXES								
a - Opération de Fonctionnement	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	17 753 737 576,14	11 078 112 927,16		
b - Opération d'Investissement								
TOTAL CADRE II	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	17 753 737 576,14	11 078 112 927,16	6 675 624 648,98	
CADRE III								
CPT	410 059 616 000,00	411 003 883 000,00	498 381 635 000,00	501 975 751 000,00	131 256 207 884,40	413 674 534 868,31		
TOTAL CADRE III	410 059 616 000,00	411 003 883 000,00	498 381 635 000,00	501 975 751 000,00	131 256 207 884,40	413 674 534 868,31		-282 418 326 983,91
CADRE IV								
OPERATIONS GENERATRICES								
DE FCV ET ASSIMILEES	1 926 370 000,00	699 160 000,00	0,00	75 000 000,00	737 737 020,99			
TOTAL CADRE IV	1 926 370 000,00	699 160 000,00	0,00	75 000 000,00	737 737 020,99	0,00	737 737 020,99	
CADRE V								
OPERATION EN CAPITAL								
DE LA DETTE PUBLIQUE	2 158 642 500 000,00	2 647 191 234 000,00	2 158 642 500 000,00	1 947 668 254 000,00	958 486 573 029,43	137 685 228 476,76		
TOTAL CADRE V	2 562 726 715 000,00	2 647 191 234 000,00	2 158 642 500 000,00	1 947 668 254 000,00	958 486 573 029,43	137 685 228 476,76	820 801 344 552,67	
TOTAL GENERAL	6 062 386 936 000,00	6 754 059 047 000,00	6 062 386 936 000,00	6 754 059 047 000,00	3 789 831 697 534,57	3 888 155 712 499,26	828 214 706 222,64	-926 538 721 187,33

Source : DGB

Déficit de l'exécution des Lois de Finances 2014: **98 324 014 964,69 Ariary.**

B. FANADIHADIANA NY FIVOARAN'IREO SORA-BOLA

Ny LFR no itondranany fandaminana ny firafitry ny tetibola, amin'ny fanavaozana ireo sora-bola omena ny Andrim-panjakana sy Ministera tsirairay. Na izany aza dia misy ihany ny fanovàna ny sora-bola mandritra ny fitantanana. Izany dia vokatry ny fiovaiovan'ny rafitra eo anivon'ireo Ministera ka liana famadihana ny sora-bola mankany amin'ireo SOA vaovao na amin'ireo sora-bola tsy ampy ka mila famenoana avy amin'ireo kaonty hafa, mba hampifandanjana ny tetibola ao anatin'ny LFR. Ny fafana manaraka no milaza ny fivoaran'ny endrik'ireo sora-bola isaky ny iraka tamin'ny 2014, izay nandraisana ireo sora-bola neken'ny LFI sy koa ny LFR ary farany ireo sora-bola farany taorian'ny fanetsehana ireo sora-bola:

Fafana 59 : Fivoaran'ireo sora-bola isaky ny iraka

MISS_LIBELLE	MISS_CODE	LFI	LFR	Crédits finaux
ADMINISTRATION DU TERRITOIRE	140	40 254 825 000,00	45 050 513 000,00	44 933 327 000,00
AFFAIRES ETRANGERES	110	59 393 025 000,00	63 190 464 000,00	62 741 840 000,00
AGRICULTURE	410	185 044 135 000,00	255 759 135 000,00	253 393 195 000,00
AMENAGEMENT DU TERRITOIRE	620	63 515 761 000,00	77 975 153 000,00	77 285 890 000,00
ARMEE MALAGASY	123	11 838 150 000,00	15 811 914 000,00	15 803 005 000,00
ARTISANAT	342	2 132 400 000,00	2 039 475 000,00	2 019 002 000,00
ASSEMBLEE NATIONALE	030	10 750 000 000,00	30 277 837 000,00	41 204 133 000,00
COMMERCE	360	9 529 425 000,00	17 080 324 000,00	16 824 721 000,00
COMMUNICATION	370	9 605 142 000,00	13 508 629 000,00	13 477 614 000,00
CULTURE	860	4 953 961 000,00	7 127 116 000,00	7 101 124 000,00
DECENTRALISATION	170	46 066 228 000,00	61 627 227 000,00	59 787 165 000,00
DEFENSE ET SECURITE	122	153 332 489 000,00	156 806 433 000,00	157 271 791 000,00
DOMAINE ET SECURISATION FONCIERE	460	1 568 115 000,00	3 973 193 000,00	3 784 744 000,00
EAU ET ASSAINISSEMENT	520	17 759 161 000,00	36 048 661 000,00	36 048 661 000,00
EDUCATION	810	673 292 674 000,00	711 532 805 000,00	706 241 189 000,00
ÉLEVAGE	420	10 208 701 000,00	13 618 121 000,00	13 519 055 000,00
EMPLOI	330	229 900 000,00	383 047 000,00	1 038 901 000,00
ÉNERGIE	510	13 253 379 000,00	23 848 704 000,00	23 747 195 000,00
ENSEIGNEMENT GENERAL	820	7 091 788 000,00	8 575 785 000,00	8 536 035 000,00
ENSEIGNEMENT SUPERIEUR	840	105 210 490 000,00	137 635 387 000,00	144 308 194 000,00
ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET FORMATION PROFESSIONNELLE	830	32 179 251 000,00	37 268 804 000,00	36 580 971 000,00
ENVIRONNEMENT	440	33 942 053 000,00	47 482 053 000,00	47 301 000 000,00
FINANCES ET BUDGET	220	1 032 213 614 000,00	1 379 084 061 000,00	1 377 510 233 600,00
FONCTION PUBLIQUE	320	10 932 365 000,00	15 541 164 000,00	15 509 193 000,00
GENDARMERIE NATIONALE	130	149 680 654 000,00	156 355 415 000,00	156 281 755 000,00
HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE	040	2 418 157 000,00	5 096 909 000,00	5 053 900 000,00
HYDROCARBURES	540	2 316 781 000,00	963 864 000,00	963 864 000,00
INDUSTRIE	340	12 451 684 000,00	11 485 536 000,00	11 429 633 000,00
JEUNESSE	750	4 685 499 000,00	9 748 033 000,00	9 707 173 000,00
JUSTICE	160	75 836 024 000,00	86 708 297 000,00	85 731 349 000,00
LOISIRS	790	49 500 000,00	38 832 000,00	38 832 000,00
METEOROLOGIE	680	542 124 000,00	729 184 000,00	723 609 000,00
MINES	530	3 732 958 000,00	7 686 001 000,00	7 358 178 000,00

MISS_LIBELLE	MISS_CODE	LFI	LFR	Crédits finaux
PECHE	430	14 350 655 000,00	21 413 975 000,00	20 234 906 000,00
PILOTAGE DE L'ECONOMIE	290	7 320 489 000,00	9 114 089 000,00	8 803 632 000,00
POPULATION ET DEVELOPPEMENT	760	10 557 360 000,00	12 690 121 000,00	12 226 670 000,00
POSTE ET TELECOMMUNICATION	660	665 489 000,00	695 339 000,00	693 889 000,00
PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE	010	35 986 470 000,00	50 005 566 000,00	49 460 651 000,00
PRIMATURE	050	47 324 714 000,00	81 503 820 000,00	82 970 893 400,00
PROTECTION SOCIALE	770	1 279 000 000,00	2 986 239 000,00	2 984 026 000,00
RECHERCHE SCIENTIFIQUE	850	7 797 700 000,00	8 017 803 000,00	7 827 803 000,00
RECONCILIATION MALAGASY	060	4 865 000 000,00	5 675 300 000,00	5 656 853 000,00
RELATIONS AVEC LES INSTITUTIONS	100	2 557 597 000,00	1 526 110 000,00	1 526 110 000,00
SANTE	710	233 895 321 000,00	300 345 850 000,00	300 344 685 000,00
SECURITE PUBLIQUE	150	89 998 134 000,00	96 569 382 000,00	96 525 881 000,00
SENAT	020	9 000 001 000,00	9 000 001 000,00	9 000 001 000,00
SPORTS	780	13 430 594 000,00	10 264 417 000,00	10 113 113 000,00
TIC	670	11 168 900 000,00	15 718 900 000,00	15 718 900 000,00
TOURISME	350	4 624 331 000,00	7 231 131 000,00	7 040 018 000,00
TRANSPORT	630	29 183 986 000,00	38 392 636 000,00	37 045 019 000,00
TRAVAIL ET LOIS SOCIALES	310	379 720 000,00	560 921 000,00	560 921 000,00
TRAVAUX PUBLICS	610	77 938 427 000,00	167 878 265 000,00	167 657 498 000,00
Total		3 388 334 301 000,00	4 279 647 941 000,00	4 279 647 941 000,00

Source : DGB

Ny sora-bola voalohany nomena hanatanterahana ireo atrik'asam-panjakana dia 3 388,33 lavitrisa Ariary tamin'ny LFI. Niova izany taorian'ny LFR ary nahatratra 4 279,65 lavitrisa Ariary.

Tsara ny manamarika fa nahatratra 148 ny fitambaran'ireo didy fanovàna ny sora-bola nampihariny ny fitondrana malagasy raha 307 izany ny taon-dasa. Nihatsara araka izany ny fitantanana noho ny fandraisana fepetra fampahafantarana ireo tompo'andraikitra momba ny tsy maintsy hanajana ireo didy aman-dalàna mifehy ny fanovàna ny sora-bola.

Ny famintinana ny endriky ny fanovàna ireo sora-bola dia voasoratra ao anatin'ity fafana manaraka ity:

Fafana 60 : Endriky ny fanovàna ny sora-bola, fitantanana 2014

Types d'actes	Nombre
Décret portant transferts de crédits	10
Décret portant virements de crédits	05
Arrêté portant aménagements de crédits	133

Source : DGB

1. Didim-panjakanafamindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera roa samihafa na maromaro)

Nandritra ny taona 2014, Didim-panjakana folo (10) momba ny Famindrana sora-bola no noraisiny:

- Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ka 31,23 lavitrisa Ariary ho famenoana ny sora-bola afindra mba hanaovana ireo asa maika sy laharam-pahamehan'ny fanjakana ; 8,60 lavitrisa Ariary nafindra ho an'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika ho fandoavana ireo ora fanampiny ho an'ny mpampianatra mpikaroka sy fampitomboana ny vatsim-pianaran'ny mpianatry ny Anjerimanontolon'i Madagasikara ; 5,50 lavitrisa Ariary mba hamenoana ny tsy fahampian'ny sora-bola voasoratra tao amin'ny LFR, ho an'ny Antenimieram-pirenena ; 0,60 lavitrisa Ariary hiantohana ny fivezivezen'ny Praiministra eto an-toerana sy any ivelany ; 0,59 lavitrisa Ariary ary koa 0,14 lavitrisa Ariary ho an'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena ho fandraisana an-tànana ny saram-pitsaboana ireo mpiasam-panjakana miaramila, sy ny fandoavana ireo trosa tao amin'ny Hopitaly Soavinandriana ;

- Ministeran'ny Raharaham-bahiny ka 0,28 lavitrisa Ariary ho an'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola mba hanampiana ireo karazam-pandaniam-bola fanampian'ny Fanjakana.

- Ministeran'ny Asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fiofanana arak'asa izay nahitana 0,66 lavitrisa Ariary mba hahalavorary ny andraikitra sy ny Fitantanana ary ireo Sampandraharaha miankina aminy.

2. Didim-panjakanafamindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Ministera iray ihany)

Ezaka maro no natao raha oharina tamin'ny taon-dasa, teo amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny vola. Didy famindrana 26 no noraisina tamin'ny 2013 ary nihena 05 izany ny 2014. Ireto manaraka ireto no lehibe indrindra tamin'izany:

- Ho an'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola : 0,99 lavitrisa Ariary nomena ny Fiadidiana ny Praiministra mba hiantoka ny fivezivezen'ny Praiministra ; 0,32 lavitrisa Ariary nafindra ho an'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarmariam-pirenena mba hanaovabna ho voalohan-daharana sy hanetsehana ireo atrik'asa nahitam-pahombiazana ; ary 0,60 lavitrisa Ariary mba hanatsarana ireo atrik'asan'ny CCPREAS tao amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ;

- Ho an'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro: 5,25 lavitrisa Ariary mba hamenoana ny tetik'asa « Fanajariana sy fiarovana ireo seranam-piaramanidina » an'ny Kaompania « Air Madagascar » ;

- Ho an'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena: 0,18 lavitrisa Ariary mba hanatsarana ny fitantanana ny famatsian-tsakafo ireo miaramila.

3. Didim-pitondrana fanitsiana ny tetibola (fampihenana na fampitomboana amin'ny kaonty iray na maromaro)

Didim-pitondrana fanitsiana tetibola miisa 133 no noraisina tamin'ny 2014 raha 273 kosa tamin'ny 2013. Ity fafana manaraka ity dia anehoana ny endriky ny fanitsiana ny tetibola nisy teo anivon'ireo Andrim-panjakana sy Ministera.

Fafana 61 : Didim-pitondrana fanitsiana tetibola

Institutions/Ministères	Nombre d'arrêtés d'aménagements	Montant (Ariary)
Présidence de la République	5	294 670 000
Sénat	2	338 652 000
Assemblée Nationale	3	2 618 450 000
Primature	9	149 596 000
Défense Nationale	2	91 130 000
Intérieur et Décentralisation	1	2 000 000 000
Sécurité Intérieure	1	246 553 000
Justice	3	565 800 000
Finances et Budget	27	29 838 406 715
Economie et Industrie	7	342 488 400
Fonction Publique, Travail et Lois Sociales	2	79 160 000
Tourisme	1	101 000 000
Industrie, du développement du secteur privé et des petites et moyennes entreprises	1	818 323 000
Commerce et de la Consommation	1	10 000 000
Communication	2	30 410 000
Agriculture	4	4 073 549 500
Elevage	1	7 097 522 221
Pêche	1	52 307 422
Environnement , Ecologie et Forêts	4	511 780 090
Energie	1	5 850 000
Eau	3	559 702 000
Ressources Stratégiques	1	52 600 000
Travaux Publics	3	5 997 188 000
Infrastructure et Equipement, et Aménagement du Territoire	3	7 953 000 000
Transports et Météorologie	1	12 000 000 000
Postes, Télécommunication, et Nouvelles Technologies	1	260 000 000
Santé Publique	9	8 917 262 000
Jeunesse et Sports	1	350 194 217
Education Nationale	33	8 605 233 000
Total	133	43 446 274 450

Source: DGB

Ireto avy ireo antony goavana indrindra nahatonga ny fanitsiana ny tetibola isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera, ho an'ny :

- Fiadidiana ny Repoblika : ny famenoana ireo kaonty fototra tao amin'ny Fitantanana ny Fiarovana ny Filoha mba hananana rafi-piarovana iray vaovao, sy hanohizana ireo asa maharitra ataon'ireo mpiaro ny Filohan'ny Repoblika ;
- Antenimieran-doholona : Ny fandoavana ireo vola tsy mbola voaloha tamin'ireo mpiambana teo aloha tao amin'ny Filankevitra Ambonin'ny Tetezamita ;
- Antenimeram-pirenena : ho fanohanana ny fampandehanana ny fiaraha-miasan'ireo solombavam-bahoaka ;.
- Fiadidiana ny Praiministra : ny fampiharana ireo tanjon'ny Sekretera Jeneraly Lefitry ny Governemanta;
- Ministeran'ny Fiarovam-pirenana : ny fanoavana ireo tambin'iraka teo anivon'ny Fitantanana ny Tafika ;

- Ministeran'ny Filaminana Anatin'ny : ny fanomezana famatsiana ho an'ny Fitantanana ny Vola sy ny Fitaovana ;
- Ministeran'ny Fitsarana : ny fandoavana ireo tambim-pitsarana omena ireo Mpitsara ;
- Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola: Ny famadihana ireo sora-bolan'ireo SOA tsy naverina ho any amin'ireo SOA vaovao noho ny fanovana rafitra teo amin'ny Ministera ;
- Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana: ny fandraisana an-tànana ny asa sy fandrindrana ny fampiharana ny politikam-pirenena momba ny antontanisa sy ireo sehatra iasan'ny INSTAT ;
- Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy mba handoavana ireo fandanian'ny fampandehanan-draharaha isan-karazany toy ny fividianana kojakoja sy fitaovana ampiasaina anaty birao, fandanian'ny telefaonina ary saran-dàlana ;
- Ministeran'ny Fizahan-tany : ny fanomezana fitaovana hiasan'ny Ivom-paritra momba ny Fizahan-tany;
- Ministeran'ny Varotra : ireo iraka ivelany ataon'ny Fitantanana ny Fifandraisana Iraisam-pirenena sy ny Fampifandraisana ara-Toekarena ;
- Ny Ministeran'ny Fifandraisana : ireo atrik'asa fanaraha-maso teo anivon'ireo Solon-tena tany amin'ny Faritra Atsinanana sy Analanjirofo ho fanatsarana sy ho fanavaozana ny asan'ny radio sy fahitalavitra hifanaraka amin'ny teknolojia vaovao ;
- Ny Ministeran'ny Fambolena : ny famenoana ny kaontin'ny tetik'asa « masomboly sy zezika » mba hamatsiana ny filàna ara-masomboly sy zezika tao anatin'ny fitantanany ;
- Ministeran'ny Fiompiana : ny fanomezana sora-bola ireo iraka vaovaon'ny Ministera izay natao ho fiarovana ny biby ;
- Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Ala: ny ady amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny fiovaovan'ny toetr'andro, teo indrindra koa ireo ezaka natao tamin'ny ady amin'ny doro tanety, izay niaraha-niasa tamion'ny SNGF (Silo National des Graines Forestières); sy tamin'ny alalan'ny fanambarana nataon'ny Filoha momba ny fambolen-kazo amin'ny velarann-tany 25 ha isaky ny faritra, mba hanatanterahana ny fotoam-pambolen-kazo niarahana tamin'ny SNGF ;
- Ministeran'ny Angovo : ny fividianana ireo fitaovana teknika ho an'ny ivon-toerana mpamokatra angovon'i Mandrozeza sy Ambohimambola mba hanafoanana ny fahatapahan-jiro teto Antananarivo ;
- Ministeran'ny Asa Vaventy sy Ministeran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao : ny fanitsiana ireo fahadisoana hita tao anatin'ny LFR ;
- Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro: ny fanampiana nomena an'i Air Madagascar mba handoavana ireo adidy vokatry ny fanamboarana tamin'ny IATA sy ny fanatsarana ireo fotodrafitrasa sy fanavaozana ny toeram-piantsonana, ny fanomezana lohan-damasinina sy lamasinina mpitatitr'olona ho an'ny zotra Fianarantsoa-Cote Est (FCE), tao anatin'ny politika ho fikajiana sy fanatsarana ny fitantanana ity zotra ity ;

- Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka : ny fandoavana ireo trosany, ny fandoavam-bola tamin'ny orinasa mpamatsy ny ONG MAHEFA sy ho an'ny fanatanterahana ireo asa fanovan'endrika ireo CHRD1 sy CHRD2, ny fanatsarana sy fampitaovana ny CHU Joseph RavoahangyAndrianavalona ;
- Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena: ny fanorenana ivon-toerana efatra (04) ho an'ny tanora ; sy
- Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena : ny fandoavana ireo trosa tamin'ny CISCO sy ireo DREN momba ireo saram-pitsarana fanadinana CEPE sy BEPC ; ny fanorenana trano fianarana sy fividianana fitaovam-pianarana.

C. FANADIHADIANA ANTSIPIRIANY IREO LAHASAN'NY TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA

1. *Ny endriky ny fidiram-bola*

Notombanana ho 3 070,65 lavitrisa Ariary ireo vokatra sy fidiram-bolan'ny tetibola ankapobe teny am-piandohana, ka ny 2 773,31 lavitrisa tamin'izany dia vola miditra tamin'ny fampandehanan-draharaha ary ny 297,34 lavitrisa Ariary dia fidiram-bolan'ny hana-pamokarana. Taorian'ny LFR, niova ho 3 670,47 lavitrisa Ariary io vinavina io, izany hoe fiakarana 472,8 lavitrisa Ariary mihoatra tamin'ny vinavina farany tamin'ny taom-piasana 2013. Raha fanitsiana kely no nisy teo amin'ireo vola miditra hetra sy tsy hetra, loharanom-bola fanampiny hafa no novinavinaina teo amin'ny fanampiana nytetibola tsy averina. Nahitana fiakarana ihany 23,14% ihany koa ny famatsiana ny hana-pamokarana raha oharina tamin'ny LFI.

Fafana 62 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Ankapobe 2014 tamin'ny fampandehanan-draharaha sy hana-pamokarana

NOMENCLATURE	Prévisions initiales (en millier d'Ariary)	Prévisions finales (en millier d'Ariary)	Réalisations (en millier d'Ariary)	Ecart	Taux de réal. % aux recettes totales	Taux de réal. % aux prévisions
FONCTIONNEMENT	2 773 308 145,00	3 304 330 099,00	2 680 898 787,09	-623 431 311,91	99,97	81,13
Recettes fiscales	2 712 371 551,00	2 983 169 700,00	2 541 945 388,25	-441 224 311,75	94,79	85,21
Recettes non fiscales	60 936 594,00	62 966 617,00	109 336 191,04	46 369 574,04	4,08	173,64
Aides budgétaires non remboursables	0,00	258 193 782,00	29 617 207,80	-228 576 574,20	1,10	11,47
Recettes des privatisations	0,00	0,00		0,00	0,00	0,00
Recettes exceptionnelles	0,00	0,00		0,00	0,00	0,00
Recettes en capital (IADM-FMI)	0,00	0,00		0,00	0,00	0,00
INVESTISSEMENT	297 337 590,00	366 142 570,00	698 654,94	-365 443 915,06	0,03	0,19
Subventions extérieures/PIP	297 337 590,00	366 142 570,00	698 654,94	-365 443 915,06	0,03	0,19
TOTAL GENERAL	3 070 645 735,00	3 670 472 669,00	2 681 597 442,03	-988 875 226,97	100,00	73,06

Source : Situation de recettes 2014

Raha 2 430,79 lavitrisa Ariary ny vola niditra tamin'ny Tetibola Ankapobeny nandritra ny taona 2013, tafakatra 2 681,60 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2014, izany hoe fiakarana 10,32% , azo tamin'ny fidiram-bolan'ny fampandehanan-draharaha izay nitentina 2 680,90 lavitrisa Ariary sy tamin'ny fidiram-bolan'ny hana-pamokarana izay nitentina 698,65 tapitrisa Ariary. Tsara ny manamarika fa ny hetra no mandrafitra ny ampahany betsaka tamin'ny vola niditra tao amin'ny Tetibola Ankapobe. Ny anjaran'ireo vola miditra tsy hetra sy ireo loharanom-bola hafa dia tena ambany.

Nahatratra 85,21% ny taham-pamoriam-bola raha oharina tamin'ny vinavina, teo amin'ny fidiram-bola. Ka ny vola miditra tsy hetra no tena nahomby tamin'izany (+73,64% tamin'ny vinavina).

Ny fitsinjarana ireo vola miditra ireo no aseho manontolo amin'ity fafana manaraka ity:


Fafana 63 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Ankapobe isaky ny karazan-kaonty

					En Ariary
Chp.	Rubrique	Prévisions finales	Réalizations	Ecarts (2 - 3)	Part sur réal. total en %
Recettes budgétaires 2014					
70	Impôts sur les revenus, bénéfices et gains	742 409 500 000,00	604 506 775 249,51	137 902 724 750,49	22,54
71	Impôts sur le patrimoine	18 710 300 000,00	18 751 360 284,69	-41 060 284,69	0,70
72	Impôts sur les biens et services	854 010 400 000,00	671 331 539 229,29	182 678 860 770,71	25,03
73	Impôts sur le commerce extérieur	1 365 000 000 000,00	1 242 632 314 816,03	122 367 685 183,97	46,34
74	Autres Recettes fiscales	3 039 500 000,00	4 723 398 670,29	-1 683 898 670,29	0,18
75	Contributions reçues des tiers	258 193 782 000,00	585 452 299,76	257 608 329 700,24	0,02
76	Produits financiers	42 764 728 000,00	48 193 895 267,28	-5 429 167 267,28	1,80
77	Recettes non fiscales	20 201 889 000,00	60 556 843 469,36	-40 354 954 469,36	2,26
13	Subvention reçue des Organisations nationales ou internationales	6 082 000 000,00	698 654 936,00	5 383 345 064,00	0,03
13	Aides bilatérales	68 830 000 000,00	8 290 198 294,65	60 539 801 705,35	0,31
13	Aides multilatérales	291 230 570 000,00	21 327 009 506,75	269 903 560 493,25	0,80
Recettes du Budget Général (A) + (B)		3 670 472 669 000,00	2 681 597 442 023,61	988 875 226 976,39	100,00

Sources: CGAF 2014, situation des Recettes

Ny hetra no tena mandrafitra ny fidiram-bola nandritra ny taona 2014, ka 94,79% tamin'ny vola niditra rehetra, izay nahitana indrindra ireo hetra tamin'ny varotra ivelany, ny hetra amin'ireo entana sy asa aman-draharaha, ny hetra alaina amin'ny vola miditra. Ny kisary manaraka no ahitana ny anjara fanatanterahana isaky ny karazan-kaonty amin'ny vola miditra.

Kisary 6 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana 2014



Sources : CGAF 2014, situation des Recettes

Ho fandravonana, tsy tratra ireo voavory ireo fidiram-bola rehetra novinavinaina na dia teo aza ireo ezaka natao tamin'ny fampidiram-bola, indrindra tamin'ny hetra. Notanterahina hifanaraka tamin'ny fampidiram-bola ireo fandania mba hitazonana ny fifandanjana'ny tetibola.

2. Endrik'ireo fandania'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana

a. Endrik'ireo fandania isaky ny iraka

Ny fampiharana ny politika fampihenana ny tetibola no nanamarika ny taom-piasana 2014, izay natao hanitsiana ireo tsy fifandanjana nisy teo amin'ny fandania-bola sy ny vola miditra. Ny fafana manaraka no anehoana ny fatran'ny fandania nisy isaky ny iraka.

Fafana 64 : Endrik'ireo fandania tamin'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana isaky ny iraka

MISS_CODE	MISS_LIBELLE	Crédits finaux	Réalizations	Taux de réal. %
010	PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE	49 460 651 000,00	33 285 828 817,60	67,30
020	SENAT	9 000 001 000,00	7 972 890 299,94	88,59
030	ASSEMBLEE NATIONALE	41 204 133 000,00	39 686 557 091,30	96,32
040	HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE	5 053 900 000,00	4 322 274 192,40	85,52
050	PRIMATURE	82 970 893 400,00	33 833 497 799,10	40,78
060	RECONCILIATION MALAGASY	5 656 853 000,00	4 946 160 743,00	87,44
100	RELATIONS AVEC LES INSTITUTIONS	1 526 110 000,00	1 432 545 591,40	93,87
110	AFFAIRES ETRANGERES	62 741 840 000,00	41 645 892 519,54	66,38
122	DEFENSE ET SECURITE	157 271 791 000,00	154 719 921 468,21	98,38
123	ARMEE MALAGASY	15 803 005 000,00	14 170 864 574,04	89,67
130	GENDARMERIE NATIONALE	156 281 755 000,00	151 086 171 335,32	96,68
140	ADMINISTRATION DU TERRITOIRE	44 933 327 000,00	33 882 786 838,05	75,41
150	SECURITE PUBLIQUE	96 525 881 000,00	82 434 221 186,74	85,40
160	JUSTICE	85 731 349 000,00	73 478 654 359,70	85,71
170	DECENTRALISATION	59 787 165 000,00	47 914 462 141,10	80,14
220	FINANCES ET BUDGET	1 377 510 233 600,00	1 331 538 469 058,77	96,66
290	PILOTAGE DE L'ECONOMIE	8 803 632 000,00	6 847 621 514,80	77,78

MISS_CODE	MISS_LIBELLE	Crédits finaux	Réalisations	Taux de réal. %
310	TRAVAIL ET LOIS SOCIALES	560 921 000,00	396 221 545,00	70,64
320	FONCTION PUBLIQUE	15 509 193 000,00	13 851 257 703,88	89,31
330	EMPLOI	1 038 901 000,00	695 337 679,20	66,93
340	INDUSTRIE	11 429 633 000,00	3 844 917 812,72	33,64
342	ARTISANAT	2 019 002 000,00	1 297 059 145,00	64,24
350	TOURISME	7 040 018 000,00	5 236 444 505,27	74,38
360	COMMERCE	16 824 721 000,00	16 015 159 283,47	95,19
370	COMMUNICATION	13 477 614 000,00	11 332 867 072,88	84,09
410	AGRICULTURE	253 393 195 000,00	87 765 569 823,84	34,64
420	ÉLEVAGE	13 519 055 000,00	10 171 782 044,16	75,24
430	PECHE	20 234 906 000,00	11 786 432 073,38	58,25
440	ENVIRONNEMENT	47 301 000 000,00	11 104 277 645,10	23,48
460	DOMAINE ET SECURISATION FONCIERE	3 784 744 000,00	2 801 117 274,05	74,01
510	ÉNERGIE	23 747 195 000,00	12 909 890 815,31	54,36
520	EAU ET ASSAINISSEMENT	36 048 661 000,00	26 739 345 231,36	74,18
530	MINES	7 358 178 000,00	3 050 825 752,47	41,46
540	HYDROCARBURES	963 864 000,00	745 175 046,20	77,31
610	TRAVAUX PUBLICS	167 657 498 000,00	51 993 688 436,64	31,01
620	AMENAGEMENT DU TERRITOIRE	77 285 890 000,00	28 746 645 694,12	37,20
630	TRANSPORT	37 045 019 000,00	32 841 845 828,99	88,65
660	POSTE ET TELECOMMUNICATION	693 889 000,00	202 708 356,00	29,21
670	TIC	15 718 900 000,00	426 926 294,00	2,72
680	METEOROLOGIE	723 609 000,00	469 812 096,96	64,93
710	SANTE	300 344 685 000,00	202 191 863 473,58	67,32
750	JEUNESSE	9 707 173 000,00	5 873 120 268,95	60,50
760	POPULATION ET DEVELOPPEMENT	12 226 670 000,00	8 821 326 504,99	72,15
770	PROTECTION SOCIALE	2 984 026 000,00	1 859 864 271,95	62,33
780	SPORTS	10 113 113 000,00	9 356 580 786,90	92,52
790	LOISIRS	38 832 000,00	33 802 000,00	87,05
810	EDUCATION	706 241 189 000,00	518 588 300 592,86	73,43
820	ENSEIGNEMENT GENERAL	8 536 035 000,00	3 503 610 205,54	41,04
830	ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET FORMATION PROFESSIONNELLE	36 580 971 000,00	31 957 446 502,62	87,36
840	ENSEIGNEMENT SUPERIEUR	144 308 194 000,00	136 087 079 706,97	94,30
850	RECHERCHE SCIENTIFIQUE	7 827 803 000,00	5 079 546 911,00	64,89
860	CULTURE	7 101 124 000,00	4 741 168 310,66	66,77
Total		4 279 647 941 000,00	3 325 717 836 227,03	77,71

Source : DGB

Tamin'ireo iraka 52 nisy tamin'ny taona 2014, ny iraka « Fitantanam-bola sy Tetibola », « Fanabeazana » ary ny « Fahasalamana » no nahazo sora-bola betsaka indrindra, izay 32,19% sy 16,50% ary 7,02% isan'isany tamin'ny sora-bola rehetran'ny Tetibola ankapobe. Izany dia noho ny fahavononan'ny Fanjakana Malagasy hanao ho laharam-pahamehana ireo fandaniana mikasika ny sosialy.

Niovaova arakarak'ireo iraka ny fatran'ny fanatanterahana ny fandaniana tamin'ny fiafaran'ny taona. Nihoatra ny 90% tamin'ny sora-bola nisokatra araka izany no lanin'ny iraka « Antenimieram-pirenena », « Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana », « Zandarmariam-pirenena », « Fitantanam-bola sy tetibola », « Fanatanjahan-tena » sy « Fampianarana Ambony » ary taha ambany izay tsy tafahoatra ny 25% kosa ho an'ny iraka « Tontolo iainana » sy « Teknolojian'ny Fampitam-baovao sy ny Fifandraisana (TIC) ».

b. Endrik'ireo fandanium-bola isaky ny karazana fandanium-bola

Ny fampiasana ireo sora-bola isaky ny karazana fandanium dia tsinjaraina ao anatin'ity fafana manaraka ity:

Fafana 65 : Endrik'ireo fandanium-bolan'ny Tetibola Ankapobe isaky ny karazany :

Cat.	Libellé	Crédits finaux	Dépenses	Taux de Réal en %
1	Opération courantes - Intérêts de la Dette Publique	314 490 370 000,00	296 467 545 974,69	94,27
2	Opérations courantes – Soldes	1 535 566 730 000,00	1 341 026 350 973,10	87,33
3	Opérations courantes Hors Soldes	1 233 461 164 000,00	1 139 357 437 759,50	92,37
4	Opérations courantes structurelles	18 754 509 000,00	16 875 494 109,97	89,98
5	Opérations d'investissement	1 177 375 168 000,00	531 991 007 409,77	45,18
Total		4 279 647 941 000,00	3 325 717 836 227,03	77,71


Source : DGB

Ny fitambaran'ny sora-bola natokana ho an'ny fandanian'ny Fanjakana nandritra ny taona 2014 dia 4 279,65 lavitrisa Ariary, fitomboana 1 157,6 lavitrisa Ariary no hita amin'io raha oharina tamin'ny taona teo aloha.

Raha atambatra, ny taham-panatanterahana ny fandanium, tamin'ny sokajiny rehetra dia tafakatra 77,71%, izay nitentina 3 325,72 lavitrisa Ariary. Araka io fafana io, ny fandanium tamin'ny fampanjanaham-bola ireo trosam-panajakana sy ireo fandanium ankoatra ny karama dia tafahoatra ny 90% raha oharina tamin'ny vinavina napetraka, nefa ny fandanian'ny hana-pamokarana dia ambany satria tsy lany ny antsasaky ny sora-bolany rehetra tamin'ny fiafaran'ny taona.

Ireto fafana manaraka ireto dia maneho ny fizarana amin'ny isan-jatony sora-bola farany ary koa ny anjara fanatanterahana isaky ny karazam-pandanium.

Kisary 7 : Endriky ny sora-bola farany sy ny fandanian'ny tetibola ankapobe isaky ny karazana



Source : DGB

Ny fanjakana dia naminavina ny hanokana ny 35,88% tamin'ny fandaniany mba handoavana ny karama ary 28,82% ho an'ny tsy karama. Natokany ihany koa ny 314,49 lavitrisa Ariary mba hamatsiana ireo zana-bolan'ny Trosam-panjakana, izay teo ho eo amin'ny 7,35% n'ny sora-bola rehetran'ny tetibola ankapobe.

Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana, ny 40,32% tamin'ny fandania rehetra natao no nfindra nankany amin'ny fandoavana karama ary ny 34,26% dia nampiasaina tamin'ireo fandania tsy karama, izay nitentina 1 341,03 lavitrisa Ariary sy 1 139,36 lavitrisa Ariary. Amin'ny ankapobeny dia nifanaraka tamin'ireo vinavina ihany ireo anjara nomena ny karazam-pandania-bola tsirairay avy.

c. **Endriky ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha isaky ny karazan-kaonty goavana**

Mizara telo (03) goavana ireo fandanim-bolan'ny fampandehanan-draharaha: entana sy asa aman-draharaha, tambin-karama ary famindrana. Fintinina ao anatin'ity fafana ambany ity ny endrik'ireo karazan-kaonty ireo.

Fafana 66:Endrik'ireo fandanim-bolan'ny fampandehanan-draharahan'ny tetibola ankapobe isaky ny karazan-kaonty goavana


Grandes rubriques	Crédit finaux	Dépenses effectuées	Taux par rapport aux crédits totaux (%)	Taux de consommation de crédits en %	Taux par rapport aux dépenses totales (%)
Biens et Services	296 772 205 000,00	220 246 353 790,89	23,70	74,21	19,05
Indemnités	114 384 259 000,00	101 519 340 616,00	9,13	88,75	8,78
Transferts	841 059 209 000,00	834 467 237 462,58	67,17	99,22	72,17
Total	1 252 215 673 000,00	1 156 232 931 869,47	100,00	92,33	100,00

Source : DGB

Nitentina 1 252,21 lavitrisa Ariary ny sora-bola farany nomena ho amin'ny fandanim-bolan'ny fampandehanan-draharahan'ny tetibola ankapobe, ka 1 156,23 lavitrisa Ariary no lany, izany hoe ny 92,33% tamin'ny vinavina. Ny fandania tamin'ny famindrana dia nahatratra ny 72,17% tamin'ny fandanim-bola rehetra ary taorianany ny fividianana ireo entana aman-draharaha izay 19,05% ary farany 8,78% tamin'ny fandoavana ireo tambin-karama.

Ny 99,22% tamin'ny sora-bola natokana ho laniana tamin'ny famindrana no nampiasaina. Ho an'ny tambin-karama sy ny fividianana entana aman-draharaha kosa dia voafetra ny taham-pandania ny sora-bola, ka 88,75% sy 74,21% isan'isany. Azo lazaina fa ny ampahany betsaka tamin'ny sora-bolan'ny fampandehanan-draharaha dia narotsaka ho an'ny famindrana tamin'ny sehatra ara-panjakana sy tsy miankina. Izany endrika izany dia aseho amin'ity kisary manaraka ity:

Kisary 8 :Endrik'ireo fandanim-bolan'ny fampandehanan-draharahan'ny tetibola ankapobe isaky ny karazan-kaonty goavana



Source : DGB

Fehiny, mbola kely hatrany ny anjara fandanium-bolan'ny hana-pamokarana na dia teo aza ny fihatsarana kely mihoatra ny taon-dasa (13,67% tamin'ny fandanium-bolan'ny tetibola ankapobe). Raha 333,53 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2013 dia lasa 531,99 lavitrisa Ariary tamin'ny 2014, izany hoe fitomboana 59,50%.Ny loharanom-bola anatin'ny no namatsy betsaka azy.

d. Endriky ny PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola


Fafana 67:Endrik'ireo PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola

En Ariary					Taux en %	
Type	Libellé	Crédits initiaux	Crédits finaux	Réalisations	Consommation de crédits	Par rapport aux réal. totales
Financ-	Financement Intérieur					
10	RPI	152 441 213 000,00	318 905 757 000,00	245 817 006 504,96	77,08	46,21
20	DTI	332 022 000,00	456 622 000,00	184 720 826 867,00	40453,77	34,72
30	TVA	15 256 112 000,00	74 654 219 000,00	27 722 563 169,31	37,13	5,21
Total financement intérieur		168 029 347 000,00	394 016 598 000,00	458 260 396 541,27	116,30	86,14
Financement Extérieur						
60	SUBVENTION	297 337 590 000,00	366 142 570 000,00	30 037 603 587,75	0,83	5,65
70	EMPRUNT	340 921 000 000,00	417 216 000 000,00	43 693 007 280,75	10,47	8,21
Total financement extérieur		638 258 590 000,00	783 358 570 000,00	73 730 610 868,50	9,41	13,86
Total		806 287 937 000,00	1 177 375 168 000,00	531 991 007 409,77	45,18	100,00

Source : DGB

Raha ny vinavina dia avo roa heny tamin'ny loharanom-bolana anatin'ny novinavinaina ho azo ny fitambaran'ny famatsiam-bola avy tany ivelany, nivadika anefa izany tamin'ny fiafaran'ny taona. Araka izany, 9,41% n'ny PIP tamin'ny famatsiam-bola ivelany ihany no namoaham-bola nefa nihoatra lavitra tamin'izay noheverina ireo izay novatsiana tamin'ny loharanom-bola anatin'ny. Nisy akony teo amin'ny habetsahan'ireo fampiasam-bola vita ny fahakelezan'ny vola niditra teo amin'ny findramam-bola sy ny fanampiana. Ireto kisary manaraka ireto dia maneho ny endriky ny fanatanterahana ireo PIP:


Kisary 9 :Endriky ny PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola



Source : DGB

Kisary 10 :Fanatanterahana ny PIP isaky ny karazam-pamatsiam-bola

PIP par type de financement



Source : DGB

e. **Endriky ny fandanim-bola isaky ny faritra**

Fafana 68:Endrik'ireo fandanim-bolan'ny tetibola ankapobe isaky ny faritra

Régions		Crédits LFR	Crédits finaux	Réalisations
Central et Analamanga	ACCPDC (Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires)	16 096 802 000,00	15 648 178 000,00	13 575 304 206,94
	PGA, Trésorerie Ministérielle de l'Agriculture, Trésorerie Ministérielle de la Santé Publique, Trésorerie Minitérielle de l'Education Nationale	3 773 295 229 000,00	3 776 656 747 500,00	2 971 168 038 902,85
Sous total central et Analamanga		3 789 392 031 000,00	3 792 304 925 500,00	2 984 743 343 109,79
Régional	ALAOTRA	15 183 086 000,00	14 974 503 000,00	6 783 801 562,60
	AMORON'I MANIA	3 923 110 000,00	3 574 844 000,00	2 347 615 703,11
	ANALANJIROFO	3 472 915 000,00	3 474 158 500,00	2 257 779 439,27
	ANDROY	2 288 659 000,00	2 190 940 000,00	1 805 599 513,21
	ANOSY	3 253 560 000,00	3 136 551 000,00	2 482 270 688,40
	ATSIMO ANDREFANA	149 820 936 000,00	148 978 718 497,00	81 785 578 891,58
	ATSIMO ATSINANANA	3 243 112 000,00	3 100 824 000,00	2 285 741 239,92
	ATSINANANA	73 027 102 000,00	73 140 769 000,00	67 150 451 069,18
	BETSIKOKA	2 113 906 000,00	1 975 180 000,00	1 326 723 688,34
	BOENY	61 959 625 000,00	61 763 303 500,00	44 155 946 673,52
	BONGOLAVA	2 061 674 000,00	1 929 604 000,00	1 397 782 786,72
	DIANA	38 345 960 000,00	38 280 739 500,00	30 151 172 206,81
	HAUTE MATSIATRA	82 954 820 000,00	82 763 995 000,00	73 756 201 583,20
	IHOROMBE	2 118 315 000,00	2 006 227 000,00	1 632 454 942,20
	ITASY	7 903 162 000,00	7 818 931 000,00	1 810 527 464,49
	MELAKY	2 501 346 000,00	2 411 646 000,00	1 984 694 485,20
	MENABE	12 683 492 000,00	12 663 093 000,00	3 521 737 404,98
	SAVA	8 107 864 000,00	7 957 192 000,00	2 643 709 616,48
	SOFIA	3 931 937 000,00	3 905 025 503,00	3 002 413 435,70
	VAKINAKARATRA	6 675 209 000,00	6 655 502 000,00	5 438 674 112,69
	VATOVAVY	4 686 120 000,00	4 641 269 000,00	3 253 616 609,64
Sous total régional		490 255 910 000,00	487 343 015 500,00	340 974 493 117,24
Total		4 279 647 941 000,00	4 279 647 941 000,00	3 325 717 836 227,03

Source : DGB

Ny ampahany betsaka tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobe dia anjaran'ny foibe sy Analamanga, izay 88,24% tamin'ny tetibola rehetra. Ny ambiny, izay nitentina 487, 34 lavitrisa Ariary no notsinjaraina tamin'ireo faritra 21. Ny faritra Atsimo Andrefana izay arahin'ny faritra Haute Matsiatra amin'ny elanelana lavitra, no nahazo ny sora-bola betsaka indrindra.

Teo amin'ny fandanim-bola kosa, raha nanakaiky ny 78,70% ny taham-pampiasana ny tetibolan'ny foibe sy Analamanga, 69,96% kosa io taha io teny anivon'ireo faritra.

Marihina fa tafapetraka teo anivon'ny Ministeran'ny Fambolena tamin'ny 2014 ny Tahirim-bolan'ny ministera, ny an'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fanabeazam-pirenena dia efa tafapetrana ny taona talohan'io. Natao izany ho fanohizana ny ezaka fitsinjarana ny tetibola, tafiditra ao anatin'ny fanatanterahana ny politika ho fanatonana akaiky ny vahoaka.

f. Endrik'ireo fihoarana tamin'ny sora-bola

Tamin'ny fiakaran'ny taom-piasana 2014 dia nisy ireo fandanium-bola sasantsasany noraiketina nihoatra tamin'ny sora-bola nisokatra. Ny fitambaran'io fihoarana io dia 244,98 lavitrisa Ariary.

Ny fitambaran'ny fihoarana hita tamin'ireo sora-bola manana endrika tombatombana dia tafakatra 244,97 lavitrisa Ariary. Io fihoarana io dia nampiasaina tamin'ny fandanian'ny hana-pamokarana (sokajy 5) sy ny fandania atery ny zana-bola avy amin'ny trosam-panjakana (sokajy 1 : kaonty 6660 momba ny fatiantoky ny fifanakalozana). Izany dia hita teo anivon'ny Ministera folo (10) izay nahitana ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny Ambanivohitra, ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono, ny Ministeran'ny Rano, ny Ministeran'ny Asa Vaventy, ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka ary ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena.

Ho an'ny sora-bola voafetra kosa, fihoarana 4,81 tapitrisa Ariary teo amin'ny fandanium-bola no hita, teo anivon'ny Fiadidiana ny Praiministra.

Ireto fihoarana ireto dia fintinina ao anatin'ity fafana manaraka ity:

Fafana 69 : Famintinana ireo fihoarana tamin'ny sora-bola

Compte	Crédit à caractère limitatif			
	Crédits initiaux	Crédits finaux	Dépenses effectuées	Disponibles
6262	1 111 100,00	556 000,00	1 111 100,00	-555 100,00
6131	75 000 000,00	174 854 000,00	178 854 889,84	-4 000 889,84
23174	28 000 000	28 000 000	28 258 000	-258 000
Total	76 111 100,00	175 410 000,00	179 965 989,84	-4 813 989,84

Crédit à caractère évaluatif			
Crédits initiaux	Crédits finaux	Dépenses effectuées	Disponibles
9 413 764 900,00	24 974 697 000,00	269 953 942 740,88	-244 979 245 740,88

Source : BCSE 2014

D. TETIBOLA ANANKINA

1. *Tranoprintim-pirenena*

Ny vola niditra sy ny fandanium-bolan'ny tetibola anankin'ny Tranoprintim-pirenena dia nifandanja teo amin'ny 12,61 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFI, ary nampitomboina ho 13,49 lavitrisa Ariary tamin'ny alalan'ny LFR.

Ny fidiram-bola voalohan'ny Tranoprintim-pirenena dia, andaniny avy amin'ireo asa vita (5,26 lavitrisa Ariary), ary ankilany avy tamin'ireo asa naloan'ireo olon-tsotra vola (0,23 lavitrisa Ariary). Ny endriky ny fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena dia asehon'ny fafana manaraka:

Fafana 70: Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena

(En Ariary)

Compte	Nomenclature	Prévision initiale	Prévision finale	Droits constatés au profit du territoire	Recouvrement effectué en 2014
1061	Réserve des Budgets Annexes	0,00	0,00	1 600 000 000,00	1 600 000 000,00
7721	Prestation de service	100 000 000,00	100 000 000,00	0,00	
7722	Produits finis	4 026 390 000,00	4 326 390 000,00	7 548 691 969,84	5 261 450 722,64
7725	Travaux	4 650 000 000,00	5 150 000 000,00	994 985 191,07	232 571 442,00
7726	Marchandises	35 000 000,00	65 000 000,00	0,00	
7728	Autres	20 000 000,00	70 000 000,00	0,00	
7781	Annulations des mandats	10 000,00	10 000,00	0,00	
7783	Excédants des B.A.	3 427 000 000,00	3 427 000 000,00	217 643 402,40	217 643 402,40
7788	Autres produits occasionnels	100 000,00	100 000,00	0,00	
1426	Matériels et outillages	100 000 000,00	100 000 000,00	0,00	
1427	Matériels de transport	250 000 000,00	250 000 000,00	0,00	
Total général		12 608 500 000,00	13 488 500 000,00	10 361 320 563,31	7 311 665 567,04

Source : Comptes Administratifs de l'IN 2014

a. Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena

Ny fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena dia nahatratra 7,31 lavitrisa Ariary, izay 54,21% tamin'ny vinavina. Nefa ny taham-pandaniana ny sora-bola dia 37,21%, izany hoe 5,02 lavitrisa Ariary. Ny fandanium-bola nisy dia aseho araka izao manaraka izao:

b. Fandanium-bolan'ny Tranoprintim-pirenena

Fafana 71:Fandanium-bolan'ny Tranoprintim-pirenena

(En Ariary)


Chapitre	Nomenclature	Crédits primitifs	Crédits finaux	Réalizations	Ecart
23	Immo. Incorporelles en cours	120 000 000,00	120 000 000,00	7 206 242,40	112 793 757,60
24	Immo. Corporelles cours	3 282 000 000,00	3 282 000 000,00	210 437 160,00	3 071 562 840,00
28	Amortissements des immo.	25 000 000,00	25 000 000,00	0,00	25 000 000,00
60	Charges du personnel	3 200 000 000,00	4 050 000 000,00	3 393 979 275,00	656 020 725,00
61	Achats de biens	3 156 000 000,00	2 873 000 000,00	1 021 728 696,70	1 851 271 303,30
62	Achats services et charges permanentes	1 165 500 000,00	1 472 500 000,00	343 668 989,80	1 128 831 010,20
63	Dépenses d'intervention	5 000 000,00	5 000 000,00	0,00	5 000 000,00
64	Impôts et taxes	1 560 000 000,00	1 566 000 000,00		1 566 000 000,00
65	Transferts et subventions	85 000 000,00	85 000 000,00	42 706 880,00	42 293 120,00
67	Charges diverses	10 000 000,00	10 000 000,00		10 000 000,00
Total général		12 608 500 000,00	13 488 500 000,00	5 019 727 243,90	8 468 772 756,10

Source : Comptes Administratifs de l'IN 2014

Marin-toerana ny fandanium-bolan'ny Tranoprintim-pirenena teo anelanelan'ny taona 2013 sy 2014 satria teo amin'ny 5,00 lavitrisa Ariary hatramin'ny 5,02 lavitrisa Ariary. Ny ampahany betsaka tamin'ny fandania dia nampiasaina tamin'ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa (67,61%). Niakatra be ny fandanium-bolan'ny hana-pamokarana. Raha 6,59 tapitrisa Ariary izany tamin'ny 2013, tafakatra 271,64 tapitrisa Ariary tamin'ny 2014. Ny kisary eto ambany no mandravona ny endriky ny fampiasana ny tetibolan'ny Tranoprintim-pirenena. Izany dia namela fihoarana tamin'ny sora-bola 2,29 lavitrisa Ariary.

Kisary 11:Endriky ny tetibolan'ny Tranoprintim-pirenena

Imprimerie Nationale



Source : Comptes Administratifs de l'IN 2014

2. Paositra sy Fifandraisan-davitra

Tafakatra 4,42 lavitrisa Ariary ny sora-bola nomena ho an'ny tetibola anankin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra tao amin'ny LFI, ary niova ho 11,21 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFR. Natao indrindra hiantoka ny fampandehanan-draharahan'ity tetibola anankina ity izany.

a. Fidiram-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra

Ny fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra dia nahatratra 10,44 lavitrisa ariary, izay 93,20% tamin'ny vinavina. Ny 95,97% tamin'izany dia azo tamin'ny tombony tao amin'ny PTNT. Izany vola izany dia nampiasaina tamin'ireto antony manaraka ireto:

Fafana 72: Fidiram-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra

(En Ariary)

Compte	Nomenclature	Prévision initiale	Prévision LFR	Droits constatés	Recouvrement effectué en 2013
7714	Autres redevances	420 000 000,00	420 000 000,00	420 000 000,00	420 000 000,00
7783	Excédents des B.A.	4 000 000 000,00	10 793 601 000,00	10 022 072 009,10	10 022 072 009,10
Total général		4 420 000 000,00	11 213 601 000,00	10 442 072 009,10	10 442 072 009,10

Source : Comptes Administratifs des Postes et des télécommunications

b. Fandanim-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra

Fafana 73: Fandanim-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra


(En Ariary)

Chapitre	Nomenclature	Crédits primitifs	Crédits finaux	Réalizations	Ecart
23	Immo. Incorporelles en cours	20 780 000,00	220 780 000,00	0,00	220 780 000,00
24	Immo. Corporelles en cours	145 394 000,00	5 011 605 000,00	2 551 168 669,17	2 460 436 330,83
60	Charges du personnel	2 204 427 000,00	2 204 427 000,00	1 469 114 817,00	735 312 183,00
61	Achats de biens	494 420 000,00	659 420 000,00	591 379 848,00	68 040 152,00
62	Achats services et charges permanentes	1 046 096 000,00	2 598 486 000,00	1 290 982 335,65	1 307 503 664,35
64	Impôts et taxes	2 938 000,00	2 938 000,00	0,00	2 938 000,00
65	Transferts et subventions	502 149 000,00	502 149 000,00	155 740 013,44	346 408 986,56
67	Charges diverses	3 796 000,00	3 796 000,00	0,00	3 796 000,00
Total général		4 420 000 000,00	11 203 601 000,00	6 058 385 683,26	5 145 215 316,74

Source : Comptes Administratifs des Postes et des Télécommunications

Nanamarika ny taona 2014 ho an'ny Tetibola anankin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ny fiakarana be tamin'ny fampiasam-bola izay tafakatra 2,55 lavitrisa Ariary (raha 20,79 tapitrisa Ariary tamin'ny 2013). Teo koa ny fitambaran'ny fandanim-bola rehetra izay avo roa heny raha oharina tamin'ny 2013 (3,39 lavitrisa Ariary).

Kisary 12 :Endriky ny Tetibolan’ny Paositra sy Fifandraisan-davitra



Sources : Comptes Administratifs des Postes et des Télécommunications 2014

3. Famintinana ny endrik'ireo Tetibola Anankina

Fafana 74:Famintinana ny endrik'ireo Tetibola Anankina

Budgets Annexes	Recettes				Dépenses			(En Ariary)	
	Crédits initiaux	Crédits finaux	Réalisations	Taux	Crédit initiaux	Crédit finaux	Réalisations	Taux	Résultats
Imprimerie Nationale	12 608 500 000,00	13 488 500 000,00	7 311 665 567,04	54,21	12 608 500 000,00	13 488 500 000,00	5 019 727 243,90	37,21	2 291 938 323,14
Postes et Télécommunications	4 420 000 000,00	11 203 601 000,00	10 442 072 009,10	93,20	4 420 000 000,00	11 203 601 000,00	6 058 385 683,26	54,07	4 383 686 325,84
Total général	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	17 753 737 576,14	71,90	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	11 078 112 927,16	44,87	6 675 624 648,98

Sources : Comptes Administratifs de l'Imprimerie Nationale et des Postes et Télécommunications

Ny 71,90% tamin'ireo vola novinavinaina hiditra tamin'ireo Tetibola Anankina no tafiditra, araka io fafana io, izany hoe 17,7 lavitrisa Ariary tao anatin'ny vinavina 24,69 lavitrisa Ariary. Tsy nahatratra afa tsy 44,87% ny taham-pandaniana izany, izay nitentina 11,08 lavitrisa Ariary. Nahazoana tombony 6,68 lavitrisa Ariary araka izany, raha oharina tamin'ny taona teo aloha. Izany fahombiazana izany dia vokatr'ireo lahasa natao teo anivon'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ka avy tamin'izany ny 58,81% tamin'ireo vola niditra rehetra. Nanoloana izany vinavina ambony nataon'ny Paositra izany nefa, tsy afaka nampidi-bola afa tsy ny 54,21% tamin'izay novinavinainy ny Tranoprintim-pirenena, izay vola nitentina 7,31 lavitrisa Ariary. Tahaka izany koa ny fandanium-bola, tsy nahitana afa tsy ny 54,68% tamin'ny fandanium-bola rehetra izay 6,05 lavitrisa Ariary. Ho an'ny Tranoprintim-pirenena, ny 37,21% tamin'ny sora-bolany ihany no laniny, izany hoe 5,01 lavitrisa Ariary.

E. KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA (CPT)

Ny fitambaran'ny vola miditra rehetra novinavinaina ho an'ny CPT dia tafakatra 410,06 lavitrisa Ariary izay nampitomboina kely ho 411,00 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR. Tamin'ny fandaniam-bola, ny sora-bola natokany ho azy dia 498,38 lavitrisa Ariary, izay nampitomboina tamin'ny LFR ka lasa 501,98 lavitrisa Ariary.

Fafana 75 : Vola miditra sy fandaniam-bolan'ny Kaonty Manokan'ny Tahirimbolam-panjaka

(En Ariary)

Nomenclature	Crédits initiaux	Crédits finaux	Réalisations
Recettes	410 059 616 000,00	411 003 883 000,00	131 342 119 945,60
Compte de prêt	13 407 891 000,00	13 474 794 000,00	2 815 774 340,41
Compte de participation	0,00	0,00	
Compte de commerce	357 501 725 000,00	358 379 089 000,00	128 526 345 605,19
Compte d'affectation spéciale	39 150 000 000,00	39 150 000 000,00	
Droits de souscription aux organismes internationaux	0,00		
Avances accordées	0,00		
Depenses	498 381 635 000,00	501 975 751 000,00	413 674 534 868,31
Compte de prêt	47 660 000 000,00	49 000 644 000,00	
Compte de participation	54 069 910 000,00	53 846 018 000,00	30 690 161 585,76
Compte de commerce	357 501 725 000,00	358 379 089 000,00	382 984 373 282,55
Compte d'affectation spéciale	39 150 000 000,00	39 150 000 000,00	
Droits de souscription aux organismes internationaux			
Avances accordées	0,00	1 600 000 000,00	
Exédents des dépenses sur les recettes			-282 332 414 922,71

Source: CGAF

Fatiantoka hatrany no hita tamin'ireo CPT. Fitomboan'ny fatiantoka (12,43%) no tsapa raha oharina tamin'ny taona 2013. Araka izany, raha 251,12 lavitrisa Ariary ny fatiantoka tamin'ny 2013, tafakatra 282,33 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2014.

Nitovy tamin'ireo taon-dasa ihany, ny fahosan'ny fidiram-bola tamin'ireo kaonty fampandraisana anjara no anton'ny fatiantoka teo amin'ireo lahasan'ny CPT, teo koa ny fatiantoka nitohy tamin'ireo kaontim-barotra. Araka izany, tamin'ny :

- Kaonty fampandraisana anjara, tsy nisy vola miditra nefa ny Fanjakana dia namoaka vola nitentina 30,69 lavitrisa Ariary ;

- Kaontim-barotra, izay nampiditra vola nitentina 128,53 lavitrisa Ariary nefa izany dia 35,86% tamin'izay vola novinavinaina hiditra fotsiny. Tena tsy ampy betsaka anefa izany hanatanterahana ireo fandaniam-bolany (382,98 lavitrisa Ariary), ka niteraka ny fatiantoka 254,46 lavitrisa Ariary, izay nandrafitra ny 90% tamin'ny fatiantoka rehetra (raha 221 lavitrisa Ariary tamin'ny 2013).

F. TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA (FCV)

Teo amin'ny vola miditra, ny vinavina tamin'ireo lahasan'ny FCV dia nihena ho 699,16 tapitrisa Ariary tao amin'ny LFR, izay ampahatelon'ny vinavina teny am-piandohana. Teo amin'ny fanatanterahana, 737,73 tapitrisa Ariary no tafiditra, izay taha 105,52%.

Mikasika ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha, na dia teo azan y sora-bola fanampiny 75 tapitrisa Ariary nentin'ny LFR dia tsy nisy fandanium-bola natao. Izany no nahatonga ny tombom-bokatra nitentina 737,73 tapitrisa Ariary tamin'ireo lahasan'ny FCV tamin'ny taona 2014.

Fafana 76:Endrik'ireo FCV 2014

Fonds de Contre Valeur				(En Ariary)
Nomenclature	Crédits LFI	Crédits LFR	Réalisations	(%)
Recettes	1 926 370 000,00	699 160 000,00	737 737 020,99	105,52
Aide sur fonds de contre valeur	1 926 370 000,00	699 160 000,00	737 737 020,99	
Dépenses	0,00	75 000 000,00	0,00	0,00
Fonctionnements	0,00	75 000 000,00	0,00	
Excédant sur FCV			737 737 020,99	

Sources: SGAB – Calcul SLR


Ny fafana manaraka dia maneho ny fivoaran'ireo FCV tao anatin'ny dimy taona farany (hatramin'ny 2010). Ny fandalinana dia maneho fa nihoatra hatrany ireo vokatra izay 2,87 lavitrisa Ariary tamin'ny 2010. Nihena kosa izany tamin'ireo taona roa manaraka, toy ny tamin'ny 2011 izay tsy nahiotana fidiram-bola afa tsy ny antsasaky ny tamin'ny 2010. Tamin'ny 2012 no nisian'ny fampidira-bola kely indrindra izay 522,6 tapitrisa Ariary fotsiny. Na izany aza anefa, fitomboana 41,11% no tsapa teo anelanelan'ny 2012 sy 2014. Tsy nisy kosa ny fandanium-bola nandritra ny telo taona farany.

Fafana 77:Fivoaran'ireo FCV tamin'ny 2010hatramin'ny 2014

(En Ariary)					
Rubriques	2010	2011	2012	2013	2014
Recettes (1)	2 873 164 151,10	1 247 689 093,94	522 671 979,04	606 518 299,38	737 737 020,99
Depenses (2)	40 000,00	104 235 018,00	0,00	0,00	0,00
Résultats (1 - 2)	2 873 124 151,10	1 143 454 075,94	522 671 979,04	606 518 299,38	737 737 020,99

Sources : SGAB – Calcul SLR

Kisary 13 : Fivoaran'ireo FCV tamin'ny 2010 hatramin'ny 2014



Sources : SGAB – Calcul SLR

G. FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Araka ny LFR, ny vinavina teo amin'ny fidiram-bolan'ny OCDP dia 2647,1 lavitrisa Ariary raha 1947,6 lavitrisa Ariary ny fandanim-bola, izany dia nahitana fitomboana 3,2% sy fihenana 1,08% isan'isany raha oharina tamin'ny LFI. Na dia teo aza izany vinavina izany dia tsy nisy ny troso ivelany. Araka izany, ny troso anatiny no nandrafitra manontolo ny fanatanterahana ny OCDP tamin'ny 2014 tamin'ny taha 146,78% ho an'ny vola miditra ary 48,81% ho an'ny fandanim-bola. Izany no nahazoana ny hanisisa 820,8 lavitrisa Ariary, izany hoe fiakarana be 280% mihoatra ny tamin'ny taona teo aloha. Ny fafana manaraka no maneho ny endrik'ireo fanatanterahana ny fidiram-bola sy ny fandanim-bola tamin'izany.

Fafana 78: Endrik'ireo OCDP 2014

(En Ariary)

Rubriques	RECETTES			DEPENSES		
Composante	LFI	LFR	Réalisations	LFI	LFR	Depenses
Dettes intérieures	2 133 606 120 000,00	1 994 188 590 000,00	0,00	1 993 771 526 000,00	1 666 099 717 000,00	0,00
Dettes extérieures	429 120 595 000,00	653 002 644 000,00	958 486 573 029,43	164 870 974 000,00	281 568 537 000,00	137 685 228 476,76
Total	2 562 726 715 000,00	2 647 191 234 000,00	958 486 573 029,43	2 158 642 500 000,00	1 947 668 254 000,00	137 685 228 476,76
Excédent des recettes sur les dépenses						820 801 344 552,67

Source : CGAF

H. FAMINTINANA ANKAPOBE TAMIN'NY FANATANTERAHANA NY TETIBOLA 2014

Fafana 79:Famintinana ankapobe tamin'ny fanatanterahana ny Tetibola 2014

En Ariary	RECETTES					DEPENSES				
	Prévisions Initiales	Prévisions Finales	Réalisations	Taux (1)	Taux (2)	Crédits Initiaux	Crédits finaux	Réalisations	Taux (1)	Taux (2)
CADRE I	3 070 645 735 000,00	3 670 472 669 000,00	2 681 597 442 023,61	70,76	73,06	3 388 334 301 000,00	4 279 647 941 000,00	3 325 717 836 227,03	85,53	77,71
CADRE II	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	17 753 737 576,14	0,47	71,90	17 028 500 000,00	24 692 101 000,00	11 078 112 927,16	0,28	62,40
CADRE III	410 059 616 000,00	411 003 883 000,00	131 256 207 884,40	3,47	31,94	498 381 635 000,00	501 975 751 000,00	413 674 534 868,31	10,64	82,41
CADRE IV	1 926 370 000,00	699 160 000,00	737 737 020,99	0,02	105,52	0,00	75 000 000,00	0,00	0,00	0,00
CADRE V	2 562 726 715 000,00	2 647 191 234 000,00	958 486 573 029,43	25,29	36,21	2 158 642 500 000,00	1 947 668 254 000,00	137 685 228 476,76	3,54	7,07
TOTAL	6 062 386 936 000,00	6 754 059 047 000,00	3 789 831 697 534,57	100,00	56,11	6 062 386 936 000,00	6 754 059 047 000,00	3 888 155 712 499,26	100,00	57,63

Source : DGB (1) Taux de réalisations par rapport aux réalisations totales (2) Taux de réalisations par rapport aux prévisions finales

I. FIVOARAN'NY HANISISAN'NY LALANA MOMBA NY FANDRAVONANA NY TETIBOLA TAMIN'IREO TAONA DIMY (5) FARANY

Fafana 80:Fivoaran'ny hanisisan'ny Lalàna momba ny Fandravonana ny Tetibola tamin'ireo taona dimy (5) farany


Rubriques	En Ariary				
	2010	2011	2012	2013	2014
Recettes définitives	2 125 519 103 889,86	2 619 730 920 509,84	3 251 308 792 500,45	2 888 647 393 579,73	3 789 831 697 534,57
Situation par rapport à l'année precedente (%)	3,05	23,25	24,11	-11,15	31,19
Dépenses définitives	2 387 012 937 060,14	2 554 006 938 911,93	3 770 775 878 355,88	2 931 506 005 779,47	3 888 155 712 499,26
Situation par rapport à l'année precedente (%)	2,45	7,00	47,64	-22,26	32,63
Solde	-261 493 833 170,28	65 723 981 597,91	-519 467 085 855,43	-42 858 612 199,74	-98 324 014 964,69
Situation par rapport à l'année precedente (%)	-2,23	-125,13	-8,90	-91,75	129,41

Source : DGB

Nifarana tamin'ny fatiantoka 98,32 lavitrisa Ariary ny fanatanterahana ny Tetibola 2014, noho ny tsy fahampian'ny vola niditra mihoatra tamin'ny fandanim-bola. Ny vola niditra nandritra ny taom-piasana 2014 dia 3 789,83 lavitrisa Ariary, izany hoe fitomboana 31,20% mihoatra ny tamin'ny taona teo aloha. Ny fitambaran'ny vola navoakan'ny Fanjakana nandritra ny taona 2014 dia tafakatra 3 888,16 lavitrisa Ariary. Io fandanim-bola io dia nitombo 32,63%mihoatra ny fandania rehetra tamin'ny taona lasa.

Kisary 14 : Fivoaran'ny hanisisan'ny Lalàna momba ny Fandravonana ny Tetibola

Evolution des soldes des Lois de Règlement



Sources : DGB – PLR

VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2014

FANADIHADIANA IREO ANDININY

Ahitana andininy folo ity volavolan-dalàna Fandravonana ity

Ny andininy voalohany hatramin'ny fahadimy dia natokana hilazana ny tarehimarik'ireo fanatanterahana sy ireo vokatry azo tamin'ireo fizaran-tetibola dimy izay nitsinjarana ireo lahasan'ny Tetibola 2014, araka izay navoakan'ireto antontan-taratasy fanamarinana ireto :

1. Fampiasana ny Tetibola ankapobe ;
2. Fampiasana ireo Tetibola anankina ;
3. Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana
4. Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana ;
5. Fampiasana ho Renivola ny Trosam-panjakana

Ny andininy fahaenina no anehoana ny fihoarana tamin'ny sora-bola nandritra ny fitantanana 2014.

Ny andininy fahafito no mamoka ny kaontim-bokatra ny taona 2014 izay mifanaraka amin'ny andininy faha 43 amin'ny Lalàna fototra laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004, ny andininy fahavalo kosa no manome alalana hampidirana ny fatiantoka **98 324 014 964,69 Ariary** ao amin'ny Kaonty maharitra ny Tahirimbolam-panjakana. Farany, ampiarahina amin'ity volavolan-dalàna ity ny tatitry ny Fitsarana momba ny Kaonty izay nanadihadiany ireo vokatry ny fanatanterahana ny Tetibola 2014 sy ny Fanambaram-pitoviana ho an'ny kaontin'ireo mpampiasa vola sy ny CGAF tamin'ny teti-bola 2014.

Toy izany Andriamatoa Filoha, Andriamatoa Praiminisitra, Andriamatoa Minisi-panjakàna, Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra, Andriamatoa Sekreteram-panjakàna no anton'izao volavolan-dalàna izao ka voninahitra ho ahy ny mitondra azy mba ho ankatoavinareo.

Antananarivo, faha

NY MINISTRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

RAKOTOARIMANANA François Marie Maurice Gervais



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana –Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA tamin'ny
Mitondra ny Lalànan'ny Fandravonana taona 2014

Nankatoavin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriany ny

Ny Filohan'ny Repoblika,

- Araka ny Lalàm-panorenana,
- Araka ny fanapahana faha -HCC/D tamin'ny

Mamoaka izao lalàna izao:

Andininy voalohany:

Hita fototra ny vokatra fampiasàna ny tetibola ho an'ny taona 2014 izay nahatratra **2 681 597 442 023,61 Ariary** ho an'ny vola miditra, ary **3 325 717 836 227,03 Ariary** ho an'ny vola mivoaka, izany hoe fatiantoka **644 120 394 203,42 Ariary**.

Andininy faharoa :

Hita fototra ny vokatra afa-karatsaka ny fampiasana ny tetibola anankina tamin'ny 2014 izay mitentina ; amin'ny vola miditra **17 753 737 576,14 Ariary** amin'ny vola mivoaka **11 078 112 927,16 Ariary**, izany hoe nahitana tombony **6 675 624 648,98 Ariary**, izay ahitana :

- a- Ho an'ny teti-bola anankina Tranompirintim-pirenena, ny vola miditra dia **7 311 665 567,04 Ariary** ary ny vola nivoaka **5 019 727 243,90 Ariary** izany hoe nanatombo **2 291 938 323,14 Ariary** ny vola miditra izay arotsaka ao amin'ny tahirin'io teti-bola io.
- b- Ho an'ny teti-bola anankina Paositra sy Fifandraisan-davitra, ny vola miditra **10 442 072 009,10 Ariary** ary ny vola nivoaka dia **6 058 385 683,26 Ariary** izany hoe nanatombo **4 383 686 325,84 Ariary** ny vola miditra izay arotsaka ao amin'ny tahirin'io teti-bola io.

Andininy fahatelo :

Hita fototra ny vokatry ny fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana ho an'ny taona 2014 izay mitentina isanisany toy izao ; vola miditra **131 256 207 884,40 Ariar**, ary ny vola mivoaka **413 674 534 868,31 Ariary**, izany hoe fatiantoka **282 418 326 983,91 Ariary**.

Andininy fahaefatra :

Hita fototra ny vokatry ny fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany, izay mitentina isan'isany, tamin'ny vola miditra **737 737 020,99 Ariary** tamin'ny vola mivoaka **0,00 Ariary**, nahazoana tombony **737 737 020,99 Ariary**.

Andininy fahadimy :

Hita fototra ny vokatry ny famadihana ho renivola ny trosam-panjakana izay mitentina isanisany ho toy izao, vola miditra **958 486 573 029,43 Ariary** ary ny vola mivoaka **137 685 228 476,76 Ariary**, nahazoana tombony **820 801 344 552,67 Ariary**.

Andininy fahaenina:

Hita fototra ireo fihoarana tamin'ny sora-bola tombana izay mitentina **244 979 245 740 ,88 Ariary ;**

Ankatoavina araka izany, ho fampiharana ny andininy faha 13 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibola, ny fanoratana ireo sora-bola mifanaraka amin'ny fanarenana izany fihoarana izany.

Hita fototra ireo fihoarana tamin'ny sora-bola voafetra izay mitentina **4 813 989,84 Ariary**.

Andininy fahafito :

Hita fototra araka ny fitsinjarana niseho tao anatin'ny takela-pamintinana niaraka tamin'ity volavolan-dalàna ity ireo vokatry tamin'ny taona 2014 izay ahitana:

- 1- ny fatiantoka tamin'ny fampiasana ny tetibola ankapobeny **644 120 394 203,41 Ariary**.
- 2- ny tombony azo avy amin'ny fampiasana ny teti-bola anankina **6 675 624 648,98 Ariary**.
- 3- Ny endri-piova afa-karatsaky ny fatiantoka tamin'ny Kaonty manokana ny tahirim-bolam-panjakana **282 418 326 983,91 Ariary**.
- 4- Ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony avy tamin'ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany **737 737 020,99 Ariary**.
- 5- Ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony azo avy amin'ny kaonty fampindramam-bola **820 801 344 552,67 Ariary**.

Andininy fahavalo :

Ekena ny fanoratana ao amin'ny Kaonty Maharitry ny Tahirimbolam-panjakana ny vola mitentina **98 324 014 964,69 Ariary**, izayfatiantoka tamin'ny taona 2014.

Andininy fahasivy:

Voamarina ireo takelaka ampiarahina amin'ity lalàna ity.

Andininy fahafolo:

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakàna'ny Repoblika ity lalàna ity. Hotanterahina ho toy ny lalàm-panjakana izany.

Navoaka hanankery teto Antananarivo, ny

Hery Martial RAJAONARIMAMPIANINA R.

Hita mba hatovana amin'ny
Didim-panjakàna laharana faha
Tamin'ny

**Avy amin'ny Praiminisitra,
Lehiben'ny Governemanta,**

MAHAFALY Solonandrasana Olivier